NY FIANGONAN'I JESOA KRISTY HO AN'NY OLOMASIN'NY ANDRO FARANY • APRILY 2019

# Liahona



**Hafatra mifono fanantenana sy fanafahana avy amin'ny Mpamonjy, pejy 18**

Rehefa mahatsiaro ho hadino ianao dia tsarovy ilay mpitondratena tao Naina, pejy 12

Hiran'ny Paska: "Tao an-jaridaina tao," pejy 24

Ahoana no hahitana fiadanana sy hialana amin'ny famitahana, pejy 26

TAFAORINA
ETO NY
FIANGONANA

# Reykjavík
# Islande





I Reykjavík, renivohitr'i Islande izay ahitana orin-trano mareva-doko, miaraka amin'ny tendrombohitra Esja rakotra oram-panala eo aoriana, no mandray anao ao amin'ny nosy iray izay mihoatra ny 1609 km miala ny tanibe Eoropeana. I Reykjavík izay nozanahan'ny Vikings voalohany tamin'ny taona 874 taorian'i Jesoa Kristy no ivon'ny kolontsaina, sy ny toe-karena, ary ny fitondram-panjakan'i Islande. Izy ihany koa no iray amin'ireo tanàn-dehibe faran'izay madio, sy maitso, ary misy fandriampahalemana indrindra maneran-tany.

Ireo Islandey roa voalohany dia natao batisa tany Danemarka tamin'ny 1851. Tsy ela taorian'izay dia niverina tao Islande izy ireo ary tamin'ny 1853 no nitsangana ny sampana voalohany. Ankehitriny dia ahitana mpikambana mananika ny 300 isa sy sampana telo ao Islande: ny iray ao Reykjavík, ny iray ao Akureyri, ary ny iray ao Sellfoss. Ny tempoly akaiky indrindra dia ao Londres, Angletera, izay 1894 km miala an'i Reykjavík.


Na dia vitsy aza ny isan'ireo mpikambana dia tsy mitsaha-mitombo ny Fiangonana. Na dia eo aza ireo olana ateraky ny fitokana-monina sy ny fandikana ireo loharanom-pitaovan'ny Fiangonana sy ny haratsin'ny toetr'andro ary ireo sakana ara-kolontsaina, dia nampanantena ireo mpitarika ao amin'ny Fiangonana fa indray andro any i Islande dia ho ohatra ho an'ny firenen-kafa. Nitsidika an'i Islande ny Filoha Hinckley (1910–2008) ary nampahatsiahy ireo mpikambana fa izy ireo dia "vahoaka manana -tanjaka sy hery ary fahafahana ny hanao zavatralehibe" ("Wonderful to Have Sweet, Good Land," *Church News,* Sept. 21, 2002, 10).

- Ny Misiônan'i Islande dia tafatsangana tamin'ny 1894 saingy natsahatra ny asa fitoriana tamin'ny 1914. Lasa tafiditra tao anatin'ny Misiônan'i Danemarka Copenhague i Islande tamin'ny 1975.
- Tamin'ny 1977, ny Loholona Joseph B. Wirthlin (1917–2008), izay mpikambana iray tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo tamin'izany, dia nanokana tamin'ny fomba ôfisialy an'i Islande ho amin'ny fitoriana ny filazantsara.
- Tamin'ny taona 1981 no namoahana ny Bokin'i Môrmôna tamin'ny fiteny Islandey, fiteny izay tsy misy manana na aiza na aiza maneran-tany.






Rehefa mandalo fahakiviana dia tsarovy ilay mpitondratena tao Naina
*Keith J. Wilson*
12



Manao izay hahatonga ny fanompoana hampifalifaly
8



Matokia ny fanafahan'ny Mpamonjy.
*Filoha Henry B. Eyring*
18



Ireo lesona telon'ny fitiavana sy fifaliana ary fiadanana
*Brian K. Ashton*
26

# Rehefa **kivy** ianao

Mitsimbadimbadika ny fiainana. Indraindray isika rehefa ketraka dia manontany tena hoe inona ary izao no ataon' Andriamanitra, nahoana ny Ray be fitiavana no mamela izao zavatra izao hitranga? Izany toe-javatra sarotra izany dia mety hahatonga antsika hanontany hoe: "Mba tena miraharaha ahy manokana tokoa ve Andriamanitra?"

Amin'ny toe-javatra tahaka izany dia hitako nanampy ireto soratra masina ireto:

- **Salamo 8:4–5:** "Inona moa ny olona, no ahatsiarovanao azy? . . . Fa efa nataonao ambany kely noho Andriamanitra izy, ary efa nosatrohanao voninahitra sy fiandrianana."
- **Jaona 10:14:** Nandritra ny fiainana teto an-tany i Jesoa dia nilaza ny tenany ho "Mpiandry ondry tsara" ary nampiany hoe, "fantatro ny Ahy."
- **Mosesy 1:39:** Iray amin'ireo soratra masina tiako indrindra izy ity, izay nanambaran'ny Tompo tamin'ny Mpaminany Joseph Smith hoe: "Fa indro izao no asako sy voninahitro—ny manatanteraka ny tsy fahafatesana sy ny fiainana mandrakizain'ny olona"—izay manamafy ny firaharahiany antsika tsirairay.
- **Lioka 7:11–16:** Tsy vitan'ny hoe mampianatra antsika momba ny herin'ny Mpamonjy manoloana ny fahafatesana ihany ity tantara ity, izay fampahatsiahivana tsara amin'izao vanim-potoan'ny Paska izao, fa ho ahy dia ohatra tsara ny amin'ny firaharahiany antsika tsirairay izany. Amin'ny fahagagana rehetra nataon'i Jesoa dia vitsy no feno fitiavana sy fangorahana toy ny fanompoany an'ilay mpitondratena tao Naina. Araka ny nozaraiko tao amin'ny lahatsoratro (jereo ny pejy 12), io tantara io dia maneho ny firaharahian'ny Mpamonjy sy ny fitiavany antsika tsirairay.

Keith Wilson
Mpampianatra ao amin'ny Oniversiten' i Brigham Young



**5** **Velona Izy!** ⏱
"Afaka ny olony. Fa nandresy ilay Kristy!"

**6** **Fanehoana ny finoana:** Bob sy Lori Thurston—Misiônan'i Cambodge Phnom Penh ⏱
Tsy araka izay nandrasan'izy ireo ny toerana nanaovany asa fitoriana saingy fitahiana nitahy azy ireo tamin'ny fomba tsy nampoizina izany.

**8** **Ireo Fitsipika momba ny fanompoana:** Manao izay hahatonga ny fanompoana hampifalifaly
Ao amin'ny fanompoana no ahitana ny iray amin'ireo loharanom-pifaliana marina indrindra.

**12** **Rehefa mandalo fahakiviana dia tsarovy ilay mpitondratena tao Naina**
*Nosoratan'i Keith J. Wilson*
Tahaka ny nataony tamin'ilay mpitondratena tao Naina, dia ho avy amintsika amin'ny fotoana faran'izay maha-ketraka antsika indrindra ny Mpamonjy.

**18** **Matokia ny fanafahan'ny Mpamonjy.**
*Nosoratan'ny Filoha Henry B. Eyring*
Hitarika antsika ho amin'ny fanafahana amin'ireo fitsapana antsika ny Tompo rehefa tonga olona marina kokoa isika.

**24** **Hira:** Tao an-jaridaina tao ⏱
*Nosoratan'i Tammy Simister Robinson*
Niaina sy maty ho antsika ny Mpamonjy.

**26** **Lesona telo momba ny fitiavana sy fifaliana ary fiadanana**
*Nosoratan'i Brian K. Ashton*
Afaka ny hahita fifaliana ianao na manao ahoana na manao ahoana toe-javatra iainanao.

**32** **Ny feon'ny Olomasin'ny Andro Farany** ⏱
Rivo-doza iray nandrava ireo drafitra ho an'ny fanambadiana; ny tena dikan'ny fiainana an-tany; hira iray nanome fanantenana; fanasana iray nekena.

**36** **Fitahiana avy amin'ny fizakan-tena:** Miroborobo ny orinasa ⏱
*Nosoratan'i Joshua J. Perkey*
Nisy mpisolovava iray very asa saingy nahazo fitaomam-panahy nandritra ireo kilasin'ny fizakan-tenan'ny Fiangonana.

**38** **Ny tokantranontsika, ny fianakaviantsika:** Zanaky ny Ray any An-danitra ny zanakay lahy ⏱
*Nosoratan'i Jerlyn Murphy*
Na dia tianay toy ny ahoana aza ireo zanakay dia tia azy ireo bebe kokoa noho izany Andriamanitra.

**40** **Mampianatra ny zatovo sy ny ankizy kely:** Fiatrehana zava-doza ⏱
Torohevitra hanampiana ireo zanakao hahatsapa fiadanana.



⏱ Lahatsoratra fohy



**Eo amin'ny fonony**
*Lalana mankany Emaosy,*
nataon'i Wendy Keller.

## Fizarana


### Ho an'ny Tanora
**42**
Eo anatrehan'ireo safidy tsy maintsy ataontsika sy ireo **fanapahan-kevitra manova fiainana** ataontsika dia ahoana no ahafahantsika mahafantatra raha toa isika **manaraka ny drafitr' Andriamanitra** ho antsika? Vakio ny lahatsoratra amin'ity volana ity momba ny **fandraisana fanambarana.**



### Zatovo
**50**
Ianaro ny fomba ampiasanao ny tsodranon'ny patriarika anao, hevero ny hanomboka hanao **fombafomba vaovao fanao amin'ny Paska,** ary **mikatsaha fiadanana** ho an'ny tenanao rehefa mamaky ireo lahatsoratra ho an'ity volana ity.



### Ho an'ny Ankizy
Fantaro bebe kokoa ny momba **ny antony ankalazantsika ny Paska** amin'ny alalan'ny famakiana momba an'i Jesoa Kristy, ny Sorompanavotana nataony sy ny Fitsanganany tamin'ny maty, ary ny dikan'izy ireny amintsika.





**Liahona amin'ny endrika nomerika** liahona.lds.org facebook.com/liahona Application Bibliothèque de l'Évangile

## LAHATSORATRA AMIN'NY ENDRIKA NOMERIKA IHANY



**Manatanjaka ireo hozatrao ara-panahy**
*Nosoratan'i Aspen Stander*
Mba tsy hahatonga ny  fijoroana ho vavolombelona ananantsika ho marefo dia tokony hampatanjahantsika tsy tapaka ny hozatra ara-panahintsika.



**Tsy tena miaina ny Filazantsara amin'ny fonao manontolo ve ianao?**
*Nosoratan'i Chakell Wardleigh*
Inona marina no tena mampiavaka ny hoe sahirana ato am-piangonana sy ny hoe mavitrika ato am-piangonana?

## MITADIAVA MISIMISY KOKOA

Ao amin'ny application Bibliothèque de l'Évangile ao amin'ny liahona.lds.org, ianao dia afaka:

- Hitady ny gazetiboky Liahona amin'ity volana ity.
- Hijery ireo votoatiny amin'ny endrika nomerika ihany.
- Hitady ireo gazetiboky Liahona teo taloha.
- Handefa ny tantaranao sy ireo fanamarihana anananao.
- Hisoratra anarana na hanao famandrihana.
- Hanatsara ny fandalinana amin'ny alalan'ny fitaovana nomerika.
- Hizara lahatsoratra sy horonan-tsary tiana indrindra.
- Hisintona na hanao printy ireo lahatsoratra.
- Hihaino ny lahatsoratra tianao indrindra.

## RAHA HIFANDRAY AMINAY

Alefaso amin'ity ireo fanontanianao sy fanamarihana anananao liahona@ldschurch.org.

Alefaso ao amin'ny liahona.lds.org ireo tantara nampitombo ny finoanao na alefaso an-taratasy amin'ny alalan'ny paositra ao amin'ny adiresy:
*Liahona,* flr. 23
50 E. North Temple Street
Salt Lake City, UT 84150-0023, USA


**APRILY 2019 BOKY. 19 LAH. 1**
**LIAHONA 18604 654**
Gazetiboky iraisam-pirenena an' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany



**Ny Fiadidiana Voalohany:** Russell M. Nelson, Dallin H. Oaks, Henry B. Eyring

**Ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo:** M. Russell Ballard, Jeffrey R. Holland, Dieter F. Uchtdorf, David A. Bednar, Quentin L. Cook, D. Todd Christofferson, Neil L. Andersen, Ronald A. Rasband, Gary E. Stevenson, Dale G. Renlund, Gerrit W. Gong, Ulisses Soares

**Mpanomana ny Fanontana:** Randy D. Funk

**Mpanorohevitra:** Brian K. Ashton, Randall K. Bennett, Becky Craven, Sharon Eubank, Cristina B. Franco, Donald L. Hallstrom, Larry S. Kacher, Erich W. Kopischke, Lynn G. Robbins

**Tale Mpitantana:** Richard I. Heaton

**Talen'ny Gazetibokin'ny Fiangonana:** Allan R. Loyborg

**Mpitantana ny Fandraharahana:** Garff Cannon

**Mpitantana ny Fanontana:** Adam C. Olson

**Mpitantana Mpanampy amin'ny Fanontana:** Ryan Carr

**Mpanampy amin'ny famoahana:** Camila Castrillón

**Mpiara-miasa ao amin'ny Fanoratana sy Fanontana:** Maryssa Dennis, David Dickson, David A. Edwards, Matthew D. Flitton, Garrett H. Garff, Jon Ryan Jensen, Charlotte Larcabal, Michael R. Morris, Eric B. Murdock, Sally Johnson Odekirk, Joshua J. Perkey, Jan Pinborough, Richard M. Romney, Mindy Selu, Lori Fuller Sosa, Chakell Wardleigh, Marissa Widdison

**Tale Mpitantana ny Hai-tao:** J. Scott Knudsen

**Talen'ny Hai-tao:** Tadd R. Peterson

**Mpiara-miasa ao amin'ny Hai-tao:** Jeanette Andrews, Fay P. Andrus, Mandie Bentley, C. Kimball Bott, Thomas Child, Joshua Dennis, David Green, Colleen Hinckley, Eric P. Johnsen, Susan Lofgren, Scott M. Mooy, Emily Chieko Remington, Mark W. Robison, Brad Teare, K. Nicole Walkenhorst

**Mpampirindra ny mikasika ny Fananana ny Zo:** Collette Nebeker Aune

**Talen'ny Famoahana:** Jane Ann Peters

**Mpiara-miasa ao amin'ny Famokarana:** Ira Glen Adair, Julie Burdett, Thomas G. Cronin, Bryan W. Gygi, Ginny J. Nilson, Marrissa M. Smith

**Mpanara-maso alohan'ny Fanontana:** Joshua Dennis, Ammon Harris

**Talen'ny Fanaovana Printy:** Steven T. Lewis

**Talen'ny Fanapariahana:** Troy R. Barker



**Adiresin'ny biraon'ny fandikan-teny eto Madagascar:** Bâtiment Robert 5, en face du complexe Ampefiloha
Fokontany Manarintsoa Est,
Antananarivo 101, Madagascar

Ho an'ny famandrihana sy ny sarany ivelan'i Etazonia sy Kanadà dia manatòna ny mpiandraikitra ny foibe fanapariahana any amin'ny Fiangonana eo amin'ny toerana misy anao na ny mpitarika ao amin'ny paroasy na sampana misy anao.

Ny taratasy sy ny fanontaniana dia alefaso amin'ny alalan'ny internet ao amin'ny liahona.lds.org; amin'ny alalan'ity e-mail ity liahona@ldschurch.org; na amin'ny alalan'ity adiresy ity *Liahona,* Rm. 2420, 50 E. North Temple St., Salt Lake City, UT 84150-0024, USA.

Ny *Liahona* (teny avy ao amin'ny Bokin'i Môrmôna izay midika hoe "kompà" na "mpitari-dalana") dia avoaka amin'ny teny Albaniana, Alema, Anglisy, Armeniana, Bislama, Boligariana, Danoa, Espaniôla, Estoniana, Fijiana, Finisy, Frantsay, Grika, Hôlandey, Hongoroa, Indoneziana, Isilandey, Italiana, Japôney, Kambojiana, Kiribatia, Koreana, Kroasiana, Lativiana, Litoaniana, Malagasy, Marisalizy, Mongoliana, Norveziana, Okireniana, Ordo, Pôlôney, Portogey, Romaniana, Rosiana, Samoana, Seboanô, Siloveniana, Sinoa, Sinoa (notsorina), Soaily, Soedoa, Tagalogy, Tahisiana, Tailandey, Tongana, Tseky ary Vietinamiana (Ny fivoahan'ny boky dia miovaova araka ny tenim-pirenena nanoratana azy.)



© 2019 an'ny Intellectual Reserve, Inc. Zo rehetra voatokana. Natonta tany Etazonia.

Fampahalalana momba ny fahazoan-dalana: Azon'ny olona atao ny mandika zavatra avy ao amin'ny Liahona mba ho ampiasainy manokana ary tsy atao itadiavam-bola (ao anatiny koa ny fampiasana izany ho an'ny antso any am-piangonana) raha tsy hoe misy filazana mifanohitra amin'izany. Azo foanana amin'ny fotoana rehetra izany fahazoan-dalana izany. Ny sary dia tsy azo adika raha misy famerana mikasika izany eo amin'ny toerana fanaovana fanamarihana eo amin'ilay sary. Ny fanontaniana momba ny fahazoan-dalana amin'ny fandikana dia alefaso amin'izao adiresy izao: Intellectual Property Office, 50 E. North Temple St., FL 13, Salt Lake City, UT 84150, USA; email: cor-intellectualproperty@ldschurch.org.




**For Readers in the United States and Canada:** April 2019 Vol. 19 No. 1. LIAHONA (USPS 311-480) Malagasy (ISSN 1525-7592) is published four times a year (April, May, October, and November) by The Church of Jesus Christ of Latter-day Saints, 50 East North Temple, Salt Lake City, UT 84150. USA subscription price is $4.00 per year; Canada, $4.80 plus applicable taxes. Periodicals Postage Paid at Salt Lake City, Utah. Sixty days' notice required for change of address. Include address label from a recent issue; old and new address must be included. Send USA and Canadian subscriptions to Salt Lake Distribution Center at address below. Subscription help line: 1-800-537-5971. Credit card orders (Visa, MasterCard, American Express) may be taken by phone. (Canada Poste Information: Publication Agreement #40017431)

POSTMASTER: Send all UAA to CFS (see DMM 507.1.5.2). NONPOSTAL AND MILITARY FACILITIES: Send address changes to Distribution Services, Church Magazines, P.O. Box 26368, Salt Lake City, UT 84126-0368, USA.

*Velona Izy! Velona Izy!*
*Mihirà sy mifalia.*
*Tafatsangana i Jesoa,*
*Miderà sy mihobia.*
*Afaka ny olony.*
*Fa nandresy ilay Kristy.*

*("He Is Risen!"* Hymns, *lah. 199.)*



Eo am-pahatsiarovanao ny Mpamonjy mandritra ity Paska ity dia tsidiho ny **lds.org/go/4195** mba hijerena zava-kanto mahafinaritra sy fijoroana ho vavolombelona avy tamin'ireo Apôstôly momba ny toetran'ny Mpamonjy izay nahatanteraka ny Sorompanavotany sy ny Fitsanganany tamin'ny maty.

## Bob sy i Lori Thurston

*Nanompo tany amin'ny Misiônan'i Cambodge Phnom Penh*



*Tamin'ny fotoana voalohany niarahan'izy ireo nanompo, dia nianatra i Bob sy i Lori Thurston fa na dia eo aza ny sakana teo amin'ny fiteny sy ny fahasamihafan'ny kolontsaina dia afaka mitranga ny fanompoana manan-danja satria isika rehetra dia zanak' Andriamanitra avokoa.*
**LESLIE NILSSON, MPAKA SARY**



**Bob:**

Indray andro dia nahare feon-kira nandeha mafy be izahay ka tsikaritray fa nisy lay iray natsangana. Any Cambodge izany dia midika fa na misy olona iray manambady na olona iray maty.

**Lori:**

Renay fa nisy renim-pianakaviana nanan-janaka dimy na enina vao maty. Tsy teo ny vadiny. Vao taitra tamin'ny torimasony ireo ankizy no nahatsikaritra fa maty ny renin'izy ireo.

Ny zanany vavy iray nigogogogo nitomany. Tamin'ny alalan'ny mpandika teny iray no nilazany hoe "Izaho no vavimatoa. Ireo daholo no iray tampo amiko. Tsy haiko hoe inona izao no hataoko."

Nofihiniko mafy izy. Amin'ny fomba ahoana moa no tsy hanaovako izany? Vao maty reny io zazavavy kely io. Tamin'ny teny anglisy no niresahako sy nilazako taminy hoe: "Fantatro fa tsy azonao izay lazaiko fa mampanantena anao aho fa mbola ho hitanao indray ny reninao. Tsy haninona ianao. Tsy ho avela irery ianao."

Zavatra niainana maro toy ireny no nahatonga anay ho nanana fifandraisana manokana tamin'ireo olona tany Cambodge.

**HIJERY MISIMISY KOKOA**

Raha te hahita Fanehoana ny finoana bebe kokoa dia jereo ao amin'ny **lds.org/go/18**


SISTER THURSTON

## Ireo Fitsipika momba ny fanompoana

# MANAO IZAY HAHATONGA NY FANOMPOANA hampifalifaly

Ny fanompoana am-pitiavana dia sady hitondra fifaliana ho an'ny mpanome no hitondra fifaliana ho an'ny mpandray.

Indraindray ny fikatsahantsika fahasambarana eto amin'ity fiainana ity dia mety ho toy ny fihazakazahana eo ambonin'ny karipetra elektrika fihazakazahana iray. Tsy mitsaha-mihazakazaka isika kanefa tsapatsika fa tsy mihetsika eo amin'ny toerana misy antsika. Ho an'ny sasany ny fieritreretana ny hoe manompo ny hafa dia toy ireny fampitomboana bebe kokoa ny zavatra hatao ireny.

Saingy tian'ny Raintsika any An-danitra isika mba hiaina fifaliana ary hoy Izy tamintsika hoe "misy ny olona mba hahazo fifaliana" (2 Nefia 2:25). Ary ny Mpamonjy dia nampianatra fa ny fanompoana ny hafa dia ampahany manan-danja amin'ny fomba hitondrantsika fifaliana eo amin'ny fiainantsika sy eo amin'ny fiainan'ny hafa.

### Inona no atao hoe fifaliana?

Ny fifaliana dia nofaritana ho toy ny "fahatsapana fahafinaretana sy fahasambarana lehibe."[1] Ireo mpaminanin'ny andro farany dia nanome fanazavana ny amin'ny hoe aiza no ipoiran'ny fifaliana sy hoe amin'ny fomba ahoana no ahafahana mahazo izany. "[Tsy] misy ifandraisany [firy] amin'ny toe-javatra mitranga eo amin'ny fiainantsika ilay fifaliana tsapantsika ary tena mifandray amin'ny fifantohan'ny fiainantsika izany," hoy ny Filoha Russell M. Nelson. ". . . Tonga avy [amin'i Jesoa Kristy] sy noho [ny amin'i Jesoa Kristy] ny fifaliana. Izy no loharanon'ny fifaliana rehetra."[2]



ILAY BOKA NITENY HOE MISAOTRA, NATAON'I JOHN STEEL

## Mitondra fifaliana ny fanompoana

Rehefa nihinana tamin'ny voan'ny hazon'aina i Lehia dia feno "fifaliana mitafotafo" ny fanahiny (1 Nefia 8:12). Ny faniriany voalohany dia ny hizara io voa io amin'ireo olon-tiany.

Ny finiavantsika hanompo ny hafa dia afaka ny hitondra io kazarana fifaliana io ao amintsika sy ao amin'izy ireo. Nampianarin'ny Mpamonjy ireo mpianany fa ny voa vokarintsika rehefa mifandray Aminy isika dia hitondra ny fahafenoan'ny fifaliana ho antsika (jereo ny Jaona 15:1–11). Ny fanaovana ny asany amin'ny alalan'ny fanompoana sy ny fikatsahana ny hitondra ny hafa ho eo Aminy dia afaka ny ho zavatra iainana mahafaly tokoa (jereo ny Lioka 15:7; Almà 29:9; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 18:16; 50:22). Afaka ny hiaina io fifaliana io isika na dia miaina fifanoherana sy fijaliana aza (jereo ny 2 Korintiana 7:4; Kolosiana 1:11).

Naneho tamintsika ny ohatra tonga lafatra ny Mpamonjy fa ireo loharano lehibe indrindra an'ny fifaliana tena marina eto amin'ny fiainana an-tany dia azo amin'ny alalan'ny fanompoana. Rehefa manompo ireo rahalahy sy anabavintsika tahaka ny nataon'ny Mpamonjy isika, omban'ny fiantrana sy fitiavana ao am-pontsika dia afaka ny hiaina fifaliana izay mihoatra ny fahasambarana tsotra fotsiny.

Nampianatra Rahavavy Jean B. Bingham, Filohan'ny Fikambanana Ifanampiana maneran-tany fa "rehefa mandray ny [fanompoana] amin'ny fo feno finiavana isika dia ho kely kokoa isika sisa dia ho lasa vahoakan'i Ziona ary hahatsapa fifaliana lehibe isika miaraka amin'ireo izay nampiantsika manerana ny lalana hizorantsika amin'ny maha-mpianatry ny Tompo antsika."[3]

### NY LOHARANON'NY FIFALIANA MARINA

Naneho tamintsika ny ohatra tonga lafatra ny Mpamonjy fa ny fifaliana tena marina eto amin'ny fiainana an-tany dia afaka ny ho hita amin'ny alalan'ny fanompoana.



## Ahoana no ahafahantsika manao ny fanompoana ho mahafalifaly kokoa?

Misy fomba maro hitondrana fifaliana eo amin'ny fanompoantsika. Ireto misy hevitra vitsivitsy:

1. **Takaro ny tanjonao amin'ny fanompoana.** Maro ireo antony hanompoana. Amin'ny farany ireo ezaka ataontsika dia tokony hifanaraka amin'ny tanjon' Andriamanitra mba "[h]anatanteraka ny tsy fahafatesana sy ny fiainana mandrakizain'ny olona" (Mosesy 1:39). Rehefa manaiky ny fanasan'ny Filoha Russell M. Nelson mba hanampy ny hafa eo amin'ny lalan'ny fanekempihavanana isika dia afaka ny hahita fifaliana amin'ny fandraisana anjara amin'ny asan' Andriamanitra.[4] (Ho fampahalalana bebe kokoa ny amin'ny tanjon'ny fanompoana dia jereo ny "Ireo Fitsipika momba ny fanompoana: Ilay tanjona izay hanova ny fomba hanompoantsika," ao amin'ny *Liahona* volana janoary 2018.)
2. **Ataovy miompana amin'ny olona ny fanompoana fa tsy resaka andraikitra.** Nampahatsiahy antsika matetika ny Filoha Thomas S. Monson hoe: "Aza avela hanan-danja bebe kokoa noho ny olona iray mila tiavina ny olana iray mila vahana."[5] Ny fanompoana dia resaka fitiavana olona fa tsy lisitr'ireo zavatra tokony hatao. Rehefa lasa mitia bebe kokoa tahaka ny nitiavan'ny Mpamonjy isika dia handray bebe kokoa amin'ilay fifaliana izay tonga avy amin'ny fanompoana ny hafa.
3. **Ataovy izay hahatsotra ny fanompoana.** Milaza amintsika ny Filoha M. Russell Ballard, Filoha mpisolo toerana an'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo hoe: "Zava-dehibe no tanteraka amin'ny alalan'ny zavatra tsotra sy madinika.. . . Tahaka ireo poti-bolamena madinika izay voangona mandritra ny fotoana ela ka tonga harem-be, ireo fihetsika kely sy tsotra ataontsika maneho hatsaram-panahy sy fanompoana dia hangonina ka ho tonga fiainana iray heniky ny fitiavana ho an'ny Ray any An-danitra sy ny fanoloran-tena ho amin'ny asan' Andriamanitra sy Jesoa Kristy, ary ho tonga fahatsapana fiadanana sy fifaliana isaky ny mifanolo-tanana isika."[6]
4. **Aza atao mankarary saina ny fanompoana.** Tsy andraikitrao ny miasa ho an'ny famonjena ny olona iray. Rahararahan'ilay olona sy ny Tompo izany. Ny andraikitsika dia ny mitia azy ireo sy ny manampy azy ireo hitodika amin'i Jesoa Kristy izay Mpamonjy azy ireo.

### Aza ampiandrasana ny fifaliana azo avy amin'ny fanompoana

Indraindray ny olona dia miahotra ny hangataka ny fanampiana ilaina, noho izany ny fanolorantsika ny fanampiantsika dia afaka ny ho zavatra ilain'izy ireo mihitsy. Saingy tsy vahaolana koa anefa ny fanerentsika ny hafa hanaiky ny fanampiantsika. Hevitra tsara ny mangataka lalana mialoha ny hanaovantsika fanompoana.

Ny Loholona Dieter F. Uchtdorf ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo dia nitantara momba-na reny iray voan'ny kitrotro ary narary koa avy eo ireo zanany. Ilay trano izay mazàna madio tsy misy pentina dia lasa nisavoritaka sy naloto. Nisavovona ny lovia sy ny lamba maloto.

Tamin'ny fotoana izay nahatsapany ho tsy nahita izay hosarangotina indrindra dia nisy rahavavy tao amin'ny Fikambanana Ifanampiana nandondom-baravarana. Tsy niteny ry zareo hoe "Teneno anay raha misy azonay hanampiana." Rehefa hitan'izy ireo ny toe-draharaha dia nirotsaka nanao asa izy ireo.

"Nalamin'izy ireo sy nodiovin'izy ireo ilay korontana, nitondra fahazavana sy fahadiovana tao amin'ilay tokantrano izy ireo, ary niantso namana iray mba hanatitra vatsy sasantsasany izay tena nilaina. Nony vitan'izy ireo ihany ny asany tamin'ny farany ka nametraka veloma, dia vontondranomaso ilay renim-pianakaviana tanora raha nilaozan'izy ireo—ranomasom-pankasitrahana sy ranomasom-pitiavana."[7]

Samy nahatsapa fientanam-pifaliana na ny mpanome na ny mpandray.

NAMPITSANGANA NY ZANAKAVAVIN'I JAIRO, NATAON'I JEFF HEIN

## Voleo fifaliana ao amin'ny fiainanao

Arakaraka ny hambolentsika fifaliana sy fiadanana ary fahasambarana ao amin'ny fiainantsika no hahafahantsika bebe kokoa mizara amin'ny hafa rehefa manompo isika. Tonga avy amin'ny alalan'ny Fanahy Masina ny fifaliana (jereo ny Galatiana 5:22 sy ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 11:13). Zavatra mila angatahantsika am-bavaka (jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 136:29) sy angatahantsika mba hisy eo amin'ny fiainantsika izany. Indreto misy sosokevitra vitsivitsy mba hambolena fifaliana eo amin'ny fiainantsika manokana:

1. **Isao ireo fitahiana azonao.** Diniho ny fiainanao dia soraty ao amin'ny diarinao ireo zavatra izay nitahian' Andriamanitra anao.[8] Jereo sy fantaro ireo zavatra tsara manodidina anao rehetra.[9] Mariho ireo zavatra izay mety hanakana anao tsy hahatsapa fifaliana ary soraty ireo fomba hahafahanao mamaha na mahatakatra azy ireny bebe kokoa. Mandritra ity vanim-potoan'ny Paska ity dia makà fotoana hikatsahana fifandraisana lehibe kokoa amin'ny Mpamonjy (jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 101:36).
2. **Zaro ny sainao mba ho tony ka hifantoka sy hahatsikaritra ary hanaiky ireo fahatsapanao amin'ny fotoana hitrangan'izany.** Ny fifaliana dia afaka ny ho hitanao amin'ireo fotoana manginan'ny fisaintsainana.[10] Henoy tsara ireo zavatra izay mitondra fifaliana ho anao (jereo ny 1 Tantara 16:15). Indraindray dia mety ilaina ny misintaka amin'ny haino aman-jery mba hanazaranao ny sainao mba ho tony ka hifantoka sy hahatsikaritra ary hanaiky ireo fahatsapanao amin'ny fotoana hitrangan'izany.[11]
3. **Sorohy ny fampitahana ny tenanao amin'ny hafa.** Voalaza fa mandroba ny fifaliana ny fampitahana ny tena amin'ny hafa. I Paoly dia nampitandrina fa ireo "izay midera tena, na hampitaha ny tenanay aminy; [dia] tsy hendry" (2 Korintiana 10:12).
4. **Mikatsaha fanambarana ho an'ny tena manokana.** Nampianatra toy izao ny Mpamonjy: "Raha mangataka ianao dia handray fanambarana miampy fanambarana, fahalalana miampy fahalalana, mba hahafantaranao ireo mistery sy ireo zavatra mitondra fiadanana—izay mitondra fifaliana, izay mitondra fiainana mandrakizay." (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 42:61).

## Fanasana mba hanao asa

Ahoana no ahafahanao mampitombo ny fifaliana eo amin'ny fiainanao amin'ny alalan'ny fanompoana? ■

Ireo fitsipika ato amin'ity lahatsoratra ity dia azo ampiharina amin'ny fifandraisantsika aman'olona andavanandro saingy natao hanampiana ireo rahalahy sy rahavavy mpanompo amin'ireo ezaka ataon'izy ireo hitahiana ny isam-batan'olona sy ny fianakaviana izay nampiandraiketana azy ireo.


**FANAMARIHANA**

1. "Joy," en.oxforddictionaries.com
2. Russell M. Nelson, "Fifaliana sy fahavelomana ara-panahy," *Liahona,* nôv. 2016, 82.
3. Jean B. Bingham, "Manompo tahaka ny ataon'ny Mpamonjy," *Liahona,* mey 2018, 107.
4. Jereo ny Russell M. Nelson, "Eo am-pandrosoantsika miaraka," *Liahona,* aprily 2018, 4–7.
5. Thomas S. Monson, "Mahita fifaliana ao anatin'ilay dia," *Liahona,* nôv. 2008, 86.
6. M. Russell Ballard, "Mahita fifaliana amin'ny alalan'ny asa fanompoana feno fitiavana," *Liahona,* mey 2011, 49.
7. Jereo ny Dieter F. Uchtdorf, "Miaina ny filazantsara amim-pifaliana," *Liahona,* nôv. 2014, 120–123.
8. Jereo ny Henry B. Eyring, "O Remember, Remember," *Liahona,* Nov. 2007, 67.
9. Jereo ny Jean B. Bingham, "Ka ho tanteraka ny fifalianareo," *Liahona,* nôv. 2017, 87.
10. Jereo ny Dieter F. Uchtdorf, "Ny amin'ireo zavatra izay manandanja indrindra," *Liahona,* nôv. 2010, 21.
11. Jereo ny Gary E. Stevenson, "Fanakona-masoandro ara-panahy," *Liahona,* nôv. 2017, 46.




*I KRISTY SY IREO ANKIZY AO AMIN'NY BOKIN'I MÔRMÔNA,* NATAON'I DEL PARSON





## Rehefa mandalo fahakiviana dia tsarovy

# *ilay mpitondratena tao Naina*

Rehefa iny isika mahatsiaro ho hadino na tsy misy miraharaha iny mihitsy no tokony hahatsiaro hoe: "Tonga namonjy ilay mpitondratena i Jesoa tamin'ny fotoana nilany fanampiana mihitsy, ary ho tonga amintsika ihany koa Izy."

**Nosoratan'i Keith J. Wilson**

Mpampianatra momba ny soratra masina fahiny, ao amin'ny Oniversiten' i Brigham Young

Indraindray isika rehefa miaina ireo zavatra tsara sy ratsy eo amin'ny fiainana dia mety hahatsapa hoe tsy dia miasa loatra amin'ny fiainantsika andavanandro Andriamanitra. Toa mandeha miadana sy mahamonamonaina ny fizotry ny fiainantsika. Tsy dia misy fiovana firy, ary sarotra indraindray ny hamantatra hoe taiza Andriamanitra no niditra an-tsehatra mivantana teo amin'ireo zavatra nolalovantsika. Isaky ny manana ireo fahatsapana ho tsinontsinona ireo aho amin'ny fiainako dia matetika aho no mieritreritra vehivavy iray ao amin'ny Testamenta Vaovao izay mety ho nanana fahatsapana toy izany koa. Tsy voalaza ao amin'ny soratra masina ny anarany saingy fantatra fotsiny amin'ny anaran'ny tanàna nisy azy sy ny toe-panambadiany izy.

Izany vehivavy izany dia ilay mpitondratena tao Naina ary ny mpanoratra filazantsara Lioka ihany no nirakitra ny tantarany mahatalanjona. Amiko dia izy no maneho ny fanompoana miavaka nataon'ny Mpamonjy, sy ny fomba nanolorany tanana ireo kivy, dia ireo olon-tsotra teo amin'ny fiaraha-monina nisy azy. Io tantara io dia mahavaly tsara ilay fanontaniana hoe mahafantatra antsika sy miraharaha antsika ve Andriamanitra sa tsia.


Ny famintinana fohy ny fahagagana ao amin'ny Lioka toko faha-7 dia maneho an'i Jesoa manajanona mpandevina sy mamerina ny ain-jatovolahy anankiray. Saingy misy zavatra mihoatra izany tokony hotakarina momba ilay tantara. Tahaka ny fahagagana rehetra, fa indrindra indrindra amin'ity iray ity, dia zava-dehibe ny mahafantatra ny

sahan-kevitra manodidina azy mba hahatakarana io trangan-javatra io. Amin'ny maha-efa nampianatra tao amin'ny Brigham Young University Jerusalem Center ny tenako dia hozaraiko aminareo ny hevi-baovao manokana momba io fahagagana io.

I Naina dia tanàna kelin'ny tantsaha tamin'ny andron'i Jesoa, hita teo akaikin'ny Tendrombohitra More, izay namaritra ny sisiny antsinanan'ny Lohasahan'i Jezirela. Io tanàna io dia nitokana tsy falehan'olona. Voafetra ho lalana tokana ihany no mankao. Tamin'ny andron'i Jesoa dia kely io toerana io ary somary mahantra, ary dia nijanona toy izany foana hatramin'izany fotoana izany. Nisy fotoana tamin'ny tantaran'io tanàna io dia tokantrano 34 sy vahoaka 189 fotsiny no hita tao.[1] Ankehitriny izany dia ahitana mponina miisa 1.500.

Natombok'i Lioka ny fitantarany tamin'ny filazana fa tany Kapernaomy i Jesoa ny andro talohan'izay ary nanasitrana ny mpanompon'ilay kapiteny (jereo ny Lioka 7:1–10). Dia mianatra isika avy eo fa "*nony ampitson'iny*" (andininy 11, dia nandeha tamin'ny tanàna iray nantsoina hoe Naina ny Mpamonjy, niaraka tamina andiana mpianatra maro. Tena zava-dehibe io fizotry ny tantara io. Eo amin'ny moron-tsiraka avaratry ny ranomasin'i Galilia no misy an'i Kapernaomy, 183 m ambanin'ny haavon'ny ranomasina. I Naina dia 48 km atsimon'i Kapernaomy, 213 m ambonin'ny haavon'ny ranomasina, hany ka nitaky fiakarana be ny fandehanana tao Naina. Mandany roa na telo andro ny mandeha avy any Kapernaomy mankany Naina. Vao tsy ela izay dia adiny folo no nandehanan'ny andiana mpianatra tanoran'i BYU Jerusalem Center tamin'iny lalana vita amin'ny vongam-bato iny. Midika izany fa mety ho nila nifoha vao maraina be i Jesoa na mety nandeha nandritra ny alina mihitsy mba hahafahany nihaona tamin'ireo mpitondra razana ny ampitson'io.[2]

Rehefa nanatona ilay tanàna i Kristy rehefa avy nanao dia nandreraka dia nisy tovolahy mety ho 20 taona teo[3] nentina tamin'ny fitondrana faty. I Lioka dia milaza amintsika fa io tovolahy io dia zanaka lahitokan'ny mpitondratena iray, ary manampahaizana maro no nandika ireo soratra Grika ho nilaza fa tsy nanan-janaka hafa izy.[4] Nisy vondron'olona maro nanaraka azy tamin'io andro mampalahelo indrindra ho an'ny fianakaviana io.






Mazava ho azy fa ho toe-javatra mampalahelo ho an'ny olona ny fananana zanaka maty, saingy jereo ny vokatr'izany teo amin'ity mpitondratena ity. Inona no mety ho dikan'ny hoe mpitondratena tsy manana mpandova ao amin'ny Isiraely taloha raha ara-piarahamonina sy ara-panahy ary ara-bola? Tao amin'ny fomba amam-panao tamin'ny Testamenta Taloha dia ninoana fa rehefa maty mialoha ny taona maha-antitra azy ny lehilahy iray, dia famantarana ny fitsaran' Andriamanitra noho ny fahotana izany. Noho izany dia nino ny sasany fa nanafay io mpitondratena izay mitolona amin'ny fiainana io Andriamanitra. Ao amin'ny bokin'i Rota rehefa maty vady mbola tanora i Naomy dia nitaraina hoe: "Fa Jehovah efa nitsangan-ko fahavaloko, ary ny Tsitoha efa nampahory ahy" (Rota 1:21, International Standard Version).[5]



Tsy fanaintainana ara-panahy sy ara-pihetseham-po fotsiny no nisy, fa nisedra fahasahiranana ara-bola ihany koa ity mpitondratena avy any Naina ity, ary mety niaritra hanoanana mihitsy aza.[6] Rehefa manambady dia any amin'ny fianakaviam-badiny ny vehivavy no voatendry hahazo fiahiana ara-bola. Ary raha maty izy dia apetraka eo amin'ny zanany lahy manana ny fizokiana ny fikarakarana azy. Amin'izao fahafatesan'ny zanakalahitokan'io mpitondratena io izay manana ny fizokiana izao dia tsy nanana fiahiana ara-bola intsony izy. Raha toa ka teo amin'ny faha-20 taonany teo ilay zanany lahy dia mety efa vehivavy nahazohazo taona izy, nipetraka tao amin'ny tanàna ambanivohitra mitoka-monina kelin'ny tantsaha, lasa nahantra ara-panahy sy ara-piarahamonina ary ara-bola.

Raha lazaina mazava tsara dia nandritra ilay fotoana kely izay nitondran'ireo mponina



ny zanak'io vehivavy io mba halevina dia nifanehitra tamin'izy ireo i Jesoa ary "onena azy" (Lioka 7:13). Raha ny tena marina dia mety ho io no fanalefaham-piteny tena tsara indrindra nataon'i Lioka. Toa tsapan'i Jesoa ny fahadisoam-panantenana lehibe niainan'io mpitondratena io. Mety nandany ny aliny niankohoka tamin'ny tany angamba izy nitalaho tamin'ny Ray any An-danitra mba hahafantatra ny antony. Mety ho nanontany tena mivantana mihitsy angamba izy hoe nahoana izy no nangatahina mbola hiaina elaela eto amin'ity tany ity. Na mety ho natahotra mafy ny fanirery izay hiandry azy angamba izy. Tsy fantatsika. Saingy ny fantatsika dia avy hatrany dia niala tany Kapernaomy i Jesoa, izay nitaky ny handehanany nandritra ny alina mba hihaona amin'ireo mpandevina mialoha ny handevenan'izy ireo ilay vatana mangatsiaka tao amin'ny tany.

Eny, rehefa nahita ny tarehiny vonton-dranomaso nandeha tao aorian'ireo mpitondra razana i Jesoa dia onena be an'io vehivavy io, saingy izany fangorahany izany dia toa avy amin'ny fahatsapana izay nananany efa ela talohan'ny hoe "sendra" nihaona tamin'ireo mpandevina fotsiny. Tonga tsara tamin'ny fotoana nilan'ilay vehivavy fanampiana Izy.

Dia hoy i Jesoa avy eo tamin'ilay mpitondratena hoe: "Aza mitomany" (andininy faha 13). Tsy natahotra ny tsy fahadiovana ara-pomba Izy fa dia "nanendry ny tranovorona" ka "nijanona" ny mpitondra razana. Dia nandidy Izy avy eo hoe: "Ry zatovo, hoy Izaho aminao: Miarena.

"Dia niarina ny maty sady niteny. Dia natolo[tr'i Jesoa] tamin-dreniny [izy]" (andininy faha-14–15). Mazava ho azy fa gaga ny vahoaka sy ireo mpanara-dia an'i Jesoa rehefa nivadika ho fiaraha-mifaly ilay fiaraha-miorin'izy ireo. "Nankalaza an' Andriamanitra [izy rehetra] hoe: Mpaminany lehibe no efa mitsangana eto amintsika" (andininy faha-16). Saingy io fahagagana io dia mahakasika ny famonjena fanahy very fanantenana ihany koa. Fantatr'i Jesoa fa nisy zavatra tena tsy nety tany amin'io vehivavy io, olona izay tsy noraharahina teo amin'ny fomban'izy ireo. Nanaitra ny firaharahiany avy hatrany ny zavatra niainan'ilay vehivavy, na dia nila nandeha lavitra aza Izy mba ho tonga teo tamin'ny fotoana tena nilana izany. Fantany ny fahaverezam-panantenana niainany, dia tonga faingana Izy. Nilaza fahamarinana tsy azo ihodivirana ny Fioha Thomas S Monson (1927–2018) raha nilaza hoe: "Indray andro, rehefa mijery ireo zavatra izay toa fifandrifian-javatra teo amin'ny fiainantsika isika, dia hahita fa tsy fifandrifian-javatra velively izy ireny."[7]

Satria mankahery io tranga io dia tokony ho lasa zavatra mihoatra ny hoe tantara mahafinaritra ao amin'ny Baiboly fotsiny. Manamarina tsy misy isalasalana izany fa fantatr'i Jesoa io mpitondratena mampalahelo sy tsy misy mpiraharaha ary tsy manana na inona na inona io. Rehefa iny isika

mahatsiaro ho hadino na tsy misy miraharaha na tsy misy dikany iny mihitsy no tokony hahatsiaro hoe: Tonga teo amin'ilay mpitondratena i Jesoa tamin'ny fotoana nahavery fanantenana azy, ary ho tonga amintsika ihany koa Izy. Ankoatra izany, ny lesona faharoa mety ho azontsika avy amin'ny ohatra nasehon'ny Mpamonjy antsika dia ny maha-zava-dehibe ny manolotanana mba hanampy ny hafa manodidina anao. Hisy fotoana ny maro amin'ireo olona fantatrao no ho very fanantenana tsindraindray. Raha afaka milaza amin'izy ireo momba an-"drahavavy Naina" sy ny fomba nahafantaran'ny Mpamonjy tsara ny fahaverezam-panantenana sy ny olana nolalovany dia afaka manova ny alina ho maraina izany. Tsarovy ny fanamarihana mahery vaika nataon'ny Filoha Spencer W. Kimball hoe: "Tena mahita antsika Andriamanitra ary miambina antsika. Saingy matetika dia amin'ny alalan'ny olona anankiray hafa no hanomezany izay ilaintsika."[8]

Amin'ny fahagagana rehetra nataon'i Jesoa nandritra ny fotoana naha-teto an-tany Azy dia vitsy no feno fitiavana sy fangorahana toy ny fanompoany an'ilay mpitondratena tao Naina. Mampahatsiahy antsika izany fa zava-dehibe Aminy isika ary tsy hanadino antsika na oviana na oviana Izy. Tsy azontsika hadinoina izany. ■


**FANAMARIHANA**

1. Jereo ny E. Mills, *Census of Palestine 1931: Population of Villages, Towns, and Administrative Areas* (1932), 75.
2. Jereo ny S. Kent Brown, *The Testimony of Luke* (2015), 364.
3. Jereo ny Brown, *The Testimony of Luke,* 365.
4. Jereo ny Brown, *The Testimony of Luke,* 365.
5. Ao amin'ny Isaia 54:4, dikanteny vaovao amin'ny teny anglisin'ny baiboly, dia milaza amin'Isiraely mpitondratena ny Tompo fa "ho hadinony ny henatry ny famelana azy ho irery."
6. Jereo ny Brown, *The Testimony of Luke,* 365.
7. Thomas S. Monson, ao amin'ny Joseph B. Wirthlin, "Lessons Learned in the Journey of Life," *Liahona,* Maey 2001, 38.
8. *Enseignements des présidents de l'Eglise: Spencer W. Kimball* (2006), 82.



Raha hijery ny horonantsary hoe "Widow of Nain" (Ilay mpitondratena tao Naina), dia tsidiho ny **lds.org/go/041917.**





**Nosoratan'ny Filoha Henry B. Eyring**
Mpanolotsaina Faharoa ao amin'ny Fiadidiana Voalohany

# MATOKIA NY fanafahan'ny MPAMONJY

Ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy sy ny Fitsanganany tamin'ny maty dia manome Azy ny hery hankahery antsika amin'ny fitsapana antsika na hanafaka antsika amin'izy ireny.

Ho an'ireo izay namoy olon-tiana, dia mety hampalahelo sy hangina ny fotoana aorian'ny fahalasanan'izy ireny, ary ho mafy kokoa izany ho an'ireo izay tsy manana fahalalana sy fijoroana ho vavolombelona momba ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy Mpamonjy antsika sy ny Fitsangany tamin'ny maty. Tsaroanareo ireo mpianany anankiroa be fisalasalana teny an-dalana ho any Emaosy. Nanatona azy ireo ny Tompo efa nitsangana tamin'ny maty ary nanontany hoe nahoana izy ireo no nalahelo. Manome antsika ny valiny i Lioka:

"Ary hoy izy roa lahy taminy: Ny amin' i Jesosy avy any Nazareta, mpaminany mahery tamin'ny asa sy ny teny teo anatrehan' Andriamanitra sy ny vahoaka rehetra,

"dia ny amin'ny nanoloran'ny lohan'ny mpisorona sy ny mpanapaka eto amintsika Azy hanamelohany Azy ho faty, sy ny nanomboany Azy tamin'ny hazo fijaliana.

"Nefa nantenainay fa Izy no Ilay efa hanavotra ny Isiraely" (Lioka 24:19–21).

Mahazo fankaherezana isika rehefa manana fahalalana sy fijoroana ho vavolombelona fa Izy *no* efa nanavotra ny Isiraely. Izy *no* "nanapatapaka ny famatoran'ny fahafatesana" (Môsià 15:23). Izy *no* lasa "santatr'izay efa nodi-mandry" (1 Korintiana 15:20). Izy *no* nampisy ireo fanekempihavanan'ny tempoly izay mamatotra antsika mandrakizay amin'ireo izay efa "tiantsika hatry ny ela, ary very nisy fotoana!"[1]

SOMBINY AVY TAMIN'NY *NOHO IZANY ANTONY IZANY*, NATAON'I YONGSUNG KIM, NAHAZOANA LALANA AVY TAMIN'NY HAVEN LIGHT

Amin'izao vanin'andron'ny Paska izao aho dia te hizara ampahana hafatra natao nandritra ny fampaherezam-panahy izay nozaraiko taona vitsy lasa izay momba ny herim-panafahan'ny Mpamonjy. Nampahery ahy izany teo am-panomanako izany sy teo am-pizarako izany. Mivavaka aho mba hampahery anareo izany rehefa vakinareo.

### Fantatry ny Mpamonjy ny alahelontsika

Mitsahatra aloha ny fiainan'ny sasany ary izany ihany koa no hiseho amintsika rehetra. Isika tsirairay avy dia hotsapaina amin'ny alalan'ny fiatrehana ny fahafatesan'ny olona iray tiantsika.

Indray andro aho dia nihaona tamina lehilahy iray izay tsy hitako hatry ny nahafatesan'ny vadiny. Fihaonana tampoka nandritra ny fotoampialantsasatra nahafinaritra izany. Nitsiky izy raha nanatona ahy. Raha nahatsiaro ny fahafatesan'ny vadiny aho dia niarahaba azy tamim-pitandremana aho hoe: "Manao ahoana ianao?"

Nisinda ilay tsiky teny aminy ary lasa nanganohano ny masony, dia nilaza moramora izy sady tamim-paharisihana lehibe hoe: "Tsy maninona aho. Saingy tena sarotra be."

*Tena* sarotra izany araka ny efa tsikaritry ny ankamaroanareo ary isika rehetra dia hisy fotoana hahafantatra izany. Ny ampahany tena sarotra ao amin'izany fitsapana izany dia ny mahafantatra izay tokony hatao amin'ilay fahoriana sy ilay fanirery ary ny fahaverezana izay mety ho tsapatsika tahaka ny hoe very izany ny ampahany



SOMBINY AVY TAMIN'NY *TOMPO TIA VAVAKA*, NATAON'I YONGSUNG KIM, NAHAZOANA LALANA TAMIN'NY HAVEN LIGHT

*Azon'ny Mpamonjy nofantarina tamin'ny alalan'ny fitarihan'ny Fanahy ny alahelontsika, saingy nisafidy ny hahafantatra izany tamin'ny alalan'ny fiainany izany manokana Izy.*

amintsika. Mety hitoetra tahaka ny areti-mitaiza ny alahelo. Ary ho an'ny sasany dia mety hitsy fahatsapana fahatezerana na zavatra tsy rariny.

Ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy sy ny Fitsanganany tamin'ny maty dia manome Azy ny hery hanafaka antsika amin'ny fitsapana toy izany. Tamin'ny alalan'ny zavatra niainany dia lasa nahafantatra ny alahelontsika rehetra Izy. Azony nofantarina izany tamin'ny alalan'ny fitarihan'ny Fanahy, saingy nisafidy ny hahafantatra izany tamin'ny alalan'ny fiainany izany manokana Izy. Toy izao ilay tantara:

"Ary indro, haterak'i Maria Izy, ao Jerosalema izay tanin'ny razambentsika, izy izay virijiny sady fanaka iray sarobidy sy nofinidy izay halofana sy hitoe-jaza noho ny herin'ny Fanahy Masina, ary hiteraka zazalahy, eny, dia ny Zanak' Andriamanitra.

"Ary handeha Izy, hiaritra fanaintainana sy fahoriana ary fakam-panahy isan-karazany; ary izany dia ny mba hahatanteraka ny teny izay milaza fa hitondra eo Aminy ny fanaintainana sy ny aretin'ny olony Izy.

"Ary haka ny fahafatesana ho eo Aminy Izy, mba hahazoany mamaha ny famatoran'ny fahafatesana izay mamatotra ny olony; ary haka ny rofiny ho eo aminy Izy mba hahatonga ny ao anatiny ho feno famindram-po araka ny nofo, mba hahafantarany araka ny nofo ny fomba hanampiana ny vahoakany arakaraka ny rofiny" (Almà 7:10–12).

Hiezaka ny hahatakatra ny alahelonao amin'ny famoizana olon-tiana ny olona tsara manodidina anao. Mety hahatsapa alahelo izy ireo. Ny Mpamonjy dia tsy hoe mahatakatra sy mahatsapa alahelo fotsiny fa mahatsapa ihany koa ny *alahelonao* manokana izay ianao ihany no mahatsapa azy. Ary fantany tanteraka ianao. Fantany ny ao am-ponao.

### Asao ny Fanahy Masina

Ny Mpamonjy dia afaka mahafantatra hoe inona amin'ireo zavatra maro azonao atao no tena tsara ho anao rehefa manasa ny Fanahy Masina hankahery sy hitahy anao ianao. Ho fantany hoe aiza no tena tsara hanombohanao. Indraindray mety hoe mivavaka izany. Indraindray mety hoe mandeha mankahery olon-kafa izany. Mahafantatra mpitondratena iray malemin'ny aretina aho izay nentanin'ny Fanahy hitsidika mpitondratena iray hafa. Tsy tany aho, saingy azoko antoka fa ny Tompo dia manome fitaomam-panahy ny mpianatra mahatoky mba hanolo-tanana ny hafa ka hitondra fanampiana ho azy roa.

Maro ny fomba ahafahan'ny Mpamonjy manampy ireo izay malahelo, arakaraka izay filany avy. Afaka matoky ianao fa afaka manampy sy hanampy amin'ny fomba izay tena tsara indrindra an'ireo izay malahelo sy ireo izay manodidina azy ireo Izy. Ny zavatra iray tsy miova rehefa manafaka olona amin'ny alahelo Andriamanitra dia ny fahatsapan'izy ireo fanetrentena toy ny an'ny zaza manoloana Azy. Ny ohatra iray amin'ny herin'ny fanetrentena amim-pahatokiana dia avy amin'ny fiainan'i Joba (jereo ny Joba 1:20–22). Ny zavatra iray hafa tsy miova, izay nananan'i Joba ihany koa, dia ny finoana tsy miofo ny herin'ny Fitsanganan'ny Mpamonjy tamin'ny maty (jereo ny Joba 19:26).

Samy hitsangana amin'ny maty avokoa isika rehetra, anisan'izany ireo olon-tianao izay efa maty. Ny fihaonantsika amin'izy ireo dia tsy ho maivana fa miaraka amin'ny vatana izay tsy ho faty sady tsy ho antitra ary tsy hisy kilema na oviana na oviana.

Rehefa niseho tamin'ireo Apôstôliny i Jesoa taorian'ny nitsanganany tamin'ny maty dia tsy izy ireo irery ihany no nomeny toky tao anatin'ny alahelon'izy ireo fa isika rehetra izay mety malahelo ihany koa. Nanome toky azy ireo sy antsika Izy nanao hoe:

"Fiadanana ho anareo . . .

"Izahao ny tanako sy ny tongotro, fa Izaho no Izy; tsapao Aho, ka jereo, fa ny matoatoa tsy mba manana nofo sy taolana, tahaka izao ahitanareo Ahy izao." (Lioka 24:36, 39).

Afaka manentana ny fanahintsika ny Tompo mba hikatsaka ny hery manafaka antsika amin'ny alahelontsika amin'ny fomba mety indrindra amintsika. Afaka misafidy ny hanompo ny hafa ho an'ny Tompo isika. Afaka mijoro ho vavolombelona momba ny Mpamonjy, ny filazantsarany, ny Fiangonany naverina amin'ny laoniny ary ny Fisanganany tamin'ny maty isika. Afaka mitandrina ny didiny isika.

Ireo safidy rehetra ireo dia manasa ny Fanahy Masina. Ny Fanahy Masina no afaka mankahery antsika amin'ny fomba izay mifanaraka amin'ny filantsika. Ary amin'ny alalan'ny fitaoman'ny Fanahy isika dia afaka manana fijoroana ho vavolombelona momba ny Fitsanganana amin'ny maty ary fomba fijery mazava an'ilay fihaonana tena lehibe izay miandry. Nahatsapa izany fampiononana izany aho rehefa niondrika teo amin'ny fasan'ny olom-pantatro iray, olona izay fantatro fa hofihiniko amin'ny fotoana iray any aoriana any. Raha nahafantatra izany aho dia tsy vitan'ny hoe afaka tamin'ny alahelo fotsiny fa heniky ny fanantenana feno fifaliana ihany koa.

*Afaka matoky ianao fa afaka manampy sy hanampy amin'ny fomba izay tena tsara indrindra an'ireo izay malahelo sy ireo izay manodidina azy ireo ny Mpamonjy.*

Raha niaina hatramin'ny fahamatorany io olona kely io dia ho nila fanafahana tao anatin'ny fitsapana hafa izy. Hotsapaina izy raha hijanona ho mahatoky amin' Andriamanitra amin'ny alalan'ireo fanamby izay tonga amin'ny olon-drehetra. Na dia zava-boahary mahatalanjona aza ny vatana dia fanamby iray izay mitsapa antsika ny fihazonana izany mba ho salama. Tsy maintsy misedra aretina sy ny vokatry ny fahanterana avokoa ny olona rehetra.

**"Aoka ianao hanetry tena"**

Efa eo ny hery manafaka avy amin'ireo fitsapana antsika. Mitovy fiasa amin'ny fanafahana avy amin'ny fiatrehana ny fahafatesan'ny olon-tiana iray izany. Tahaka ny tsy mahavoatery ny hitsimbinan'izany fanafahana izany ny ain'ny olon-tiana iray, ny fanafahana avy amin'ny fitsapana hafa dia mety tsy ny hanalana izany. Mety tsy hanome fanampiana ny Tompo raha tsy mampitombo finoana mba hanao safidy izay mitondra ny herin'ny Sorompanavotana mba hiasa ao amin'ny fiainantsika isika. Tsy hoe akory tsy miraharaha antsika Izy raha mitaky izany, fa satria Izy tia antsika.

Nisy torolalana momba ny fahazoana ny herin'ny Tompo manafaka amin'ny fanoherana eo amin'ny fiainana nomena an'i Thomas B. Marsh, izay filohan' ny Kôlejin' ny Apôstôly Roambinifolo tamin'izany. Tao anatina fitsapana sarotra izy ary fantatry ny Tompo fa mbola



SOMBINY AVY TAMIN'NY *ONDRY VERY*, NATAON'I YONGSUNG KIM, NAHAZOANA LALANA AVY TAMIN'NY HAVEN LIGHT

hiatrika misimisy kokoa. Toy izao ilay torohevitra izay alaiko ho ahy ary omeko anareo: "Aoka ianao hanetry tena; ary ny Tompo Andriamanitra dia hitarika anao amin'ny tanana sy hanome anao ny valin'ny fivavakao" (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 112:10).

Maniry foana ny hitarika antsika any amin'ny fanafahana amin'ny alalan'ny fahatongavantsika ho marina kokoa ny Tompo. Mitaky fibebahana izany. Ary mila fanetrentena. Noho izany ny lalana mankany amin'ny fanafahana dia mitaky foana fanetrentena mba hahafahan'ny Tompo hitarika antsika amin'ny tanany any amin'ny toerana izay tiany hitondrana antsika amin'ny alalan'ny fahoriantsika ary ho amin'ny fanamasinana.

Mety hiteraka fahatezerana na fahakiviana ny fitsapana. Ny fanetrentena izay ilaintsika sy ianao mba hitarihan'ny Tompo antsika amin'ny tanana dia avy amin'ny finoana. Izany dia avy amin'ny finoana fa velona tokoa Andriamanitra, tia antsika Izy, ary ny zavatra iriny, izay mety ho sarotra, dia ny tsara ho antsika hatrany.

Naneho antsika izany fanetrentena izany ny Mpamonjy. Efa novakinao ny vavaka nataony tao amin'ny Sahan'i Getsemane raha niaritra fitsapana teo amin'ny toerantsika Izy izay mihoatra ny fahafahantsika mahatakatra na miaritra, na manoritra akory aza raha ho ahy. Tsaroanareo ny vavaka nataony manao hoe: "Raiko ô, raha sitrakao, dia esory amiko ity kapoaka ity; nefa aoka tsy ny sitrapoko anie no hatao, fa ny Anao" (Lioka 22:42).

Nahafantatra sy natoky ny Rainy any Andanitra, ilay Elohima lehibe, Izy. Fantany fa ny Rainy dia mahefa ny zava-drehetra sy tsara fanahy tsy misy fetra. Nangataka tamin'ny teny feno fanetrentena ilay Zanaka malala, tahaka ny an'ny ankizy madinika, mba hahazo ny herimpanafahana mba hanampy Azy.

### Mahazoa hery sy fampiononana

Tsy nanafaka ny Zanaka tamin'ny fanalana ilay fitsapana ny Ray. Ho antsika dia tsy nataony izany fa navelany hamita ny iraka izay nahatongavany teto ny Mpamonjy. Fa tokony hahazo hery sy fampiononana mandrakariva isika noho ny fahafantarana ny fanampiana izay nomen'ny Ray:

"Ary nisy anjely avy tany an-danitra niseho teo aminy ka nampahery Azy.

"Ary fadiranovana Izy, ka dia nivavaka mafimafy kokoa; ary ny dininy dia tahaka ny ra nipotrapotraka tamin'ny tany.

"Ary nony nitsangana avy nivavaka Izy, dia nankeo amin' ny mpianatra ka nahita azy matorin'alahelo.

"Dia hoy Izy taminy: Nahoana no dia matory hianareo? Mitsangàna, ka mivavaha, mba tsy hidiranareo amin' ny fakam-panahy." (Lioka 22:43–46).

Nivavaka ny Mpamonjy mba hahazo fanafahana. Tsy ny fahafahana mitsoaka ilay fitsapana no nomena Azy fa fampaherezana ampy handalovana izany amim-boninahitra kosa.

Ny zavatra nandidiany ny mpianany izay notsapaina ihany koa dia torolalana ho antsika. Afaka manolo-tena ny hanaraka izany isika. Afaka

*I Jesoa Kristy dia nanefa ny saran'ny otantsika rehetra sy ny an'ireo zanaky ny Ray any An-danitra rehetra mba hahatonga antsika ho afaka amin'ny fahafatesana sy ny fahotana.*

manolo-tena ny hitsangana isika ka hivavaka amim-pinoana sy amim-panetrentena lehibe. Ary afaka manaraka ilay baiko nomena ao amin'ny Marka isika manao hoe: "Mitsangàna, andeha isika" (Marka 14:42).

Avy amin'io ianao dia mahazo toromarika ny handalo ireo fitsapana ara-batana sy ara-panahy amin'ny fiainana. Hila ny fanampian' Andriamanitra ianao rehefa nataonao izay rehetra azonao natao. Koa mitsanganà dia mandehana, saingy katsaho araka izay azonao atao ny fanampiany, fa aza miandry ny fotoan-tsarotra vao mangataka fanafahana.

Mijoro ho vavolombelona aminareo aho fa velona Andriamanitra Ray ary tia antsika Izy. Fantatro izany. Tonga lafatra ny drafitry ny famonjeny ary *tena* drafitry ny fahasambarana izany. Nitsangana tamin'ny maty i Jesoa Kristy, tahaka ny hitranga amintsika ihany koa. Nijaly Izy mba hahafahany manavotra antsika amin'ny fitsapana antsika rehetra. Nefainy ny saran'ny otantsika rehetra sy ny an'ireo zanaky ny Ray any An-danitra rehetra mba hahatonga antsika ho afaka amin'ny fahafatesana sy ny fahotana.

Fantatro fa ao amin'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy dia afaka ho tonga hampionona sy hanadio antsika ny Fanahy Masina rehefa manaraka ilay Mpampianatra isika. Enga anie ianareo hahazo ny fampiononany sy ny fanampiany amin'ny fotoana ilanareo izany, amin'ireo fitsapana rehetra eo amin'ny fiainanareo. ■

*Nalaina avy tamin'ny lahateny iray mitondra ny lohateny hoe, "Ny herim-panafahana," izay nozaraina tao amin'ny Onivesiten'i Brigham Young tamin'ny 15 janoary 2008.*

**FANAMARIHANA**

1. "Brillante étoile, étoile du matin," *Cantiques,* no. 52.



SOMBINY AVY AMIN'NY *GETHSEMANE,* NATAON'I J. KIRK RICHARDS; SAMPAN'OLIVA AVY AMIN'NY GETTY IMAGES

# Tao an-jaridaina tao

*Amim-pisainana* ♩ = 60–68

Tonony sy feony nataon'i Tammy Simister Robinson




© 2003 Tammy Simister Robinson. Zo rehetra voatokana.
Ity hira ity dia azo adika raha ilaina any am-piangonana na any an-tokantrano ka tsy atao itadiavam-bola.
Ity fanamarihana ity dia tsy maintsy ampidirina ao amin'ny tahadika tsirairay izay havoaka.



**Nosoratan'i Brian K. Ashton**
Mpanolotsaina faharoa ao amin'ny Fiadidian'ny Sekoly Alahady maneran-tany

# Lesona telo momba ny fitiavana sy fifaliana ary fiadanana

Afaka ny hitondra fiovana lehibe eo amin'ny fiainanao ny manaraka ireo sosokevitra telo ireo ary hanampy anao hahatsapa ireo vokatry ny Fanahy.



Nieritreritra mafy momba ny hoaviko aho fony aho mpianatra tany amin'ny oniversite. Raha vantany fa tonga tao amin'ilay hoavy aho, izany hoe ny fiainana taorian'ny oniversite, dia nianatra lesona telo manan-danja izay nitondra fiovana lehibe teo amin'ny fiainako. Tiako hozaraina aminao ireo lesona telo ireo ary manantena aho fa tsy ho ela tahaka ny nianarako izany no ianaranao azy. Izy ireo dia afaka ny hanampy anao hahita fifaliana lehibe kokoa eo amin'ny fiainana, ary amin'ny farany dia hahazoanao ny fiainana mandrakaizay miaraka amin'ny Rainao any An-danitra.

### 1. Katsaho ny fahasambarana sy ny fiadanana ary ny Fanahy Masina

Nandritra ny taona faharoa nianarako teny amin'ny oniversite, izany hoe teo ho eo amin'ny enim-bolana niverenako avy nanompo tamin'ny fotoana feno, no nahitako an'i Melinda vadiko. Fantatro avy hatrany fa tiako hovadina i Melinda. I Melinda kosa anefa tsy nahatsapa toy izany. Tsy nitranga izany raha tsy efa

dimy taona taty aoriana rehefa nahazo valiny izy nony farany hoe "METY" raha manambady ahy izy.

Nandritra ireo dimy taona ireo dia nisedra ny iray tamin'ireo fitsapana sarotra indrindra teo amin'ny fiainako aho. Fantatro hoe iza no tokony hovadiko, ary ny Fanahy dia namporisika ahy foana ny amin'izany, saingy toa tsy mahatratra izany tanjona izany raha ny fahitako ahy.

Fotoana fohy taorian'ny nahavitan'ny fiana-rako dia nanapa-kevitra ny handeha hitory ny filazantsara i Melinda. Noheveriko hoe anisan'ny antony nanosika azy handeha ny hanalavitra ahy. Nandritra ny fotoana naha-tany amin'ny sahan'-ny misiôna azy dia nisy fotoana aho no ory noho ny fifantohako tamin'ny zavatra tsy nananako. Kanefa nandalina ny soratra masina sy nivavaka isan'andro aho, nanompo tao am-piangonana ary nilofo nanao zavatra izay nitondra ny Fanahy Masina teo amin'ny fiainako.

Indray Alahady vao maraina mamirifiry tao Minneapolis, Minnesota, Etazonia, teo am-pamiliana fiara hanatrika fivoriam-bavaka aho dia nieritreritra hoe: "Tokony ho tena ory aho amin'izao. Tsy mitranga araka izay itiavako azy ny zava-mitranga. Kanefa aho tsy ory. Tsy mampino fa tena mahatsapa tena ho sambatra aho!"

Eny ary, tamin'ny fomba ahoana no mety nahasambatra ahy raha toa aho ka nandalo fitsa-pana izay tena sarotra tamiko?

Ny valiny dia hita ao amin'ny Galatiana 5:22–23: "Ny vokatry ny Fanahy kosa dia fitiava-na, fifaliana, fiadanana, fahari-po, fahamoram-panahy, fanaovan-tsoa, fahamarinana, fahalemem-panahy, fahononam-po."

Koa satria aho nanao ireo zavatra izay nitondra ny Fanahy teo amin'ny fiainako dia nahatsapa ny fitiavan' Andriamanitra aho. Nahatsapa fifaliana sy fiadanana aho. Afaka nandalo fitsapana naharitra aho kanefa mbola sambatra ihany.

Ny fananana fitiavana sy fifaliana ary fiadana-na eo amin'ny fiainantsika sy eo amin'ny fiana-kaviantsika ary eo amin'ny fanambadiantsika dia tsy tonga amin'ny alalan'ny fananana trano miezinezina, fiara tsara tarehy, ny hiaka farany

*Rehefa manao ireo zava-madinika ianao sy mitoky amin'ny sorona nataon'i Jesoa Kristy, dia hahita fitiavana sy fifaliana ary fiadanana na inona na inona toe-javatra iainanao.*

tamin'ny fitafiana, fahombiazana amin'ny asa na izay mety ho zavatra izay lazain'izao tontolo izao hoe fahasambarana. Raha ny marina, na dia avy amin'ny Fanahy aza ireo fahatsapana fitiavana sy fifaliana ary fiada-nana dia dia tsy voatery hifandray amin'ireo toe-javatra ara-batana iainantsika velively ny fahatsapana azy ireny.

Miangavy anao aho mba hahatakatra fa izaho akory tsy miteny hoe ho samba-tra lalandava isika na hoe ireo toe-javatra ara-batana iainantsika tsy hisy ifandraisany na oviana na oviana amin'ny fahasamba-rantsika. Eny tokoa, raha tsy manandrana ny mangidy isika dia tsy afaka ny hahalala ny mamy (jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 29:39; jereo ihany koa ny Mosesy 6:55).

Mila sahirana isika indraindray. Ambonin'izany, ny sasany amin'ireo toe-tena ara-batana sy ara-pihetseham-po dia mety hiteraka fijaliana lehibe ho antsika ka zary lasa sarotra tokoa ho antsika ny hahatsapa ny Fanahy. Kanefa isika raha milofo ny hanana Fanahy eo amin'ny fiainantsika sy matoky an' Andriamanitra, dia afaka ny ho sambatra isika amin'ny ankabeazan'ny fotoana.

Avy amin'ny zavatra niainako manokana no ijoroako ho vavolombelo-na fa marina izany. Hatramin'ny zavatra niainako nandritra ny naha-tany amin'ny sahan'ny misiôna an'i Melinda dia tsikaritro fa raha manao ireo zavatra izay mitondra ny Fanahy eo amin'ny fiainako aho, anisan'izany ny mino sy manaiky fa hitranga araka ny fomba irian' Andriamanitra ny zava-drehetra dia mazàna aho no sambatra (jereo ny Jakôba 3:2).[1]

## 2. Aza mino fahatsapana hosoka

I Satana dia manana zavatra hosoka amin'ny zavatra rehetra ataon' Andriamanitra mba hampisavorovoroana ny saintsika sy hamitahana antsika. Na dia eo aza ireo andrana ataon'i Satana mba handresen-dahatra antsika ny amin'ny mifanohitra amin'izany dia mampianatra antsika ny Mpamonjy fa "ny hazo ratsy tsy [afaka] mamoa voa tsara" (3 Nefia 14:18). Koa satria i Satana dia hazo ratsy, dia tsy afaka ny hanao izay hahatsa-pantsika "fitiavana, fifaliana, fiadanana, fahari-po, fahamoram-panahy, fanaovan-tsoa, fahamarinana, fahalemem-panahy [ary] fahononam-po" izy (Galatiana 5:22–23). Saingy i Satana kosa dia maniry ny hampaory antsika (jereo ny 2 Nefia 2:27).

Inona ary noho izany no ataon'i Satana? Miezaka ny hamitaka antsika izy.

Nisy namako iray, iray tamin'ireo olom-boafidy, no voafitaka. Nanao asa fitoriana ny filazantsara ilay namako ary misiônera tena niavaka. Rehefa nody avy tamin'ny asa fitoriana nataony izy dia nanam-paniriana ny hanao

ireo zavatra kely rehetra izay nitondra ny Fanahy teo amin'ny fiainany sy nampatanjaka azy nandritra ny fanompoany. Ary nisy fotoana izy nanao izany.

Saingy hitany fa ireo namany, izay misiônera niverina ny ankamaroany, dia tonga nivavaka isaky ny Alahady kanefa rehefa ivelan'ny Fiangonana izy ireo dia niaina ny fiainan'izao tontolo izao. Toa sambatra ny fahitana azy ireo. Nanao zavatra "mahafinaritra" izy ireo. Ary ny fiainan'izy ireo dia toa tsy nitaky asa be toy ny azy.

Nitsahatra tsikelikely izy tamin'ny fanaovana ireo zava-madinika izay nitondra tanjaka ara-panahy ho azy nandritra ny asa fitoriana ny filazantsara nataony. Mbola nanana fijoroana ho vavolombelona izy kanefa nolazainy tamiko fa raha nataony ny fandinihana dia izao: "Raha manatrika ireo fivoriam-piangonana fotsiny aho dia TSY MANINONA, izany hoe ieren-doza aho." Na izany aza anefa hoy izy dia "Malaindaina ara-panahy aho".[2] Rehefa niaina araka ny fanaon'izao tontolo izao izy, nirona tamin'ny safidy ratsy iray ho amin'ny iray hafa dia tsy ela dia bevohoka.

Nitondra voka-dratsy teo aminy nony farany ireo safidy ratsy nataony. Tsy sambatra izy ary fantany izany. Soa ihany fa niaiky ilay namako fa voafitaka ka nibebaka izy.

Ny tantarany dia maneho fa na dia ireo olona tsara indrindra amintsika aza dia afaka ny ho voafitaka. Ho fanampin'izany, ny tantarany dia mampianatra fa isika dia tsy maintsy mailo hatrany amin'ny fitaka. Manao izany isika amin'ny alalan'ny fanaovana ireo zavatra madinika izay mitondra ny Fanahy eo amin'ny fiainantsika.

Faly aho milaza aminao fa ankehitriny dia sambatra ilay namako, sy milofo mitandrina ireo didy ary mavitrika ara-batana sy ara-panahy ao amin'ny filazantsara.

Miseho amin'ny fomba maro ny fitak'i Satana. Vitsivitsy fotsiny no holazaiko.

Mandresy lahatra antsika i Satana mba hanao lohalaharana ireo zavatra ara-nofo mihoatra ireo zavatra ara-panahy. Azontsika fantarina raha toa ireo laharam-pahamehantsika ka tsy araka ny tokony ho izy rehefa mahatsapa isika hoe impiry isika no miteny hoe "Be atao na vizana loatra aho amin'izao raha __________." Fenoy ny banga amin'ny hoe: ho any amin'ny tempoly, na hanompo, na handalina sy handinika ny soratra masina, na hanatanteraka ny antsoko, na ny hivavaka aza.

*I Satana dia manana zavatra hosoka amin'ny zavatra rehetra ataon' Andriamanitra mba hampisavorovoroana ny saintsika sy hamitahana antsika. Mampianatra antsika ny Mpamonjy fa "ny hazo ratsy tsy [afaka] mamoa voa tsara"*

**(3 Nefia 14:18).**

Ny antony iray hahatsapantsika tena ho be atao dia noho i Satana miasa mafy mba handrebirebena antsika. Mampiasa ireo smartphone eny ampelatanantsika, ny fampielezam-peo ao anatin'ny fiarantsika, sy ny fahitalavitra ao an-tokantranontsika ary zavatra hafa maro be izy mba hamerezan-dia tsy tapaka antsika saika amin'ny fotoana rehetra. Vokatr'izany dia mahatsapa tena ho be atao mihoatra ny tena izy isika.

Vokany iray hafa aterak'io fandrebirebena io ny hoe mihena tsikelikely hatrany ny fandinihana ataontsika. I Satana dia miasa mba handrebirebena antsika satria fantany fa ny fandinihana, indrindra ireo soratra masina dia mitondra ho amin'ny fiovam-po sy fanambarana lehibe kokoa.

Ao koa ny zavatra iray hafa izay isan'ireo famitahan'i Satana izay miseho amin'ny alalan'ny fiheverana fa ireo fihetsika miseho ivelany ataontsika dia manan-danja kokoa noho ireo antony mandrisika antsika. Rehefa tsy manana antony tsara manosika antsika mba hanao zavatra ara-panahy isika dia tsy afaka ny hiaina ny fifaliana avy amin'ny filazantsara. Vokatr'izany dia manomboka ho lasa toy ny enta-mavesatra ny fitandremana ireo didy ary fantatr'i Satana fa raha vitany ny mahatonga antsika hahatsapa toy izany dia tsy ho ela isika dia hitsahatra tsy hanao ireo zavatra izay fantatsika fa tokony hataontsika.

Mamitaka antsika ihany koa i Satana mba hino fa ny fifaliana sy ny fahasambarana dia tonga avy amin'ny fananana fiainana mora na avy amin'ny fialam-boly foana foana fotsiny. Tsia, tsy avy amin'izany no iavian'ny fifaliana sy ny fahasambarana. Raha ny marina dia tsy misy ny fifaliana na fahasambarana raha tsy misy zavatra horesena (jereo ny 2 Nefia 2:11, 23).

Ny famitahan'i Satana farany holazaiko dia ny hoe miezaka ny handresy lahatra antsika izy fa ny faharatsiana sy ireo fahafinaretana mandalo miaraka amin'izany dia fahasambarana tokoa. Fantatr'i Satana fa farafaharatsiny



amin'ny fotoana hisian'izany dia misy ireo fahatsapana na fihetseham-po sasany mety (1) hanao izay hieritreretantsika fa mahatsapa ireo vokatry ny Fanahy isika, (2) hanakona ireo faniriantsika hahatsapa ireo vokatry ny Fanahy ireo, na (3) ho zary raisintsika ho fahatsapana mpisolo toerana azo ekena.

Ohatra, maka fanahy antsika i Satana mba hikatsaka ny filan'ny nofo eo amin'ny toeran'ny fitiavana. Mety hosarihany ho amin'ny fientanentanana isika toy izay ho amin'ny fifaliana maharitra. Ezahany ny hamerezan-dia antsika toy izay hanome antsika fiadanana. Ataony izay hahampanamarin-tena sy haha-entanim-po antsika sy ny hahatonga antsika ho mpanara-drenirano izay zavatra rehetra heverin'izao tontolo izao fa mety indrindra toy izay ho mpanetry tena, sy mpankatò tsy tapaka ary olona mifantoka ara-panahy araka ny tokony ho izy. Ireo fakam-panahiny dia mety hahatonga antsika hisavorovoro ka hitarika antsika hihevitra avy eo fa hitondra fahasambarana ny tsy fitandremana ireo didy.

### 3. Ataovy ireo zava-madinika

Mazàna no ireo zava-bitika no mitondra ny Fanahy eo amin'ny fiainantsika, sy miaro antsika tsy ho voafitaka ary amin'ny farany dia manampy antsika hahazo hery hitandremana ireo didy sy hanana ny fiainana mandrakizay. Ny Mpamonjy dia nampianatra io fitsipika io an'ireo loholon'ny Fiangonana tao Kirtland, Ohio nanao hoe: "Koa aza ketraka amin'ny fanaovan-tsoa fa mandatsaka ny fanorenan'ny asa lehibe ianareo. Ary avy amin'ny zavatra madinika no hivoahan'izay lehibe" (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 64:33).

Nahoana ireo zava-madinika no tena manandanja? Ao amin'ny andininy manaraka ny Mpamonjy dia nanazava fa "mitaky ny fo sy ny saina marisika ny Tompo" (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 64:34). Nahoana ny Mpamonjy no nampifandray ny fanaovana ireo zava-madinika amin'ny fo sy saina marisika? Satria amin'ny fanaovana tsy tapaka ireo zava-madinika isika dia manolotra ny fontsika sy ny saintsika an' Andriamanitra ary ny fanaovana

izany dia manadio sy manamasina antsika (jereo ny Helamàna 3:35).


Izany fanadiovana sy fanamasinana izany dia manova ny toetrantsika, tsikelikely, mba hahatonga antsika ho tahaka ny Mpamonjy bebe kokoa hatrany. Izany ihany koa dia mahatonga antsika ho mora mandray bebe kokoa ireo fitaoman'ny Fanahy Masina izay mahatonga antsika tsy ho mora ho voafitaka kokoa.

Fony aho tao amin'ny taona famaranana tany amin'ny lycée dia ny raiko no nampianatra seminera ahy tao an-tranonay. Satria ny Bokin'i Môrmôna no lohahevitra tamin'izany taona izany dia nanapa-kevitra ny raiko fa hamaky manontolo izany miaraka izahay, dia mifampiresaka ny zavatra nianaranay. Teo am-pamakianay ny raiko dia nametraka fanontaniana izay nahatonga ahy hisaina ny zavatra izay novakianay ka hazavainy amiko ireo zavatra izay tsy takatro. Mbola tsaroaka ny nianarako momba ny Mpamonjy sy nahatsapako fa tena namangy ireo Nefita Izy ary izaho dia afaka ny ho voavela amin'ny fahotako tokoa noho ny Sorompanavotana nataony.

Ireo fotoam-pamakiana soratra masina niaraka tamin-draiko ireo no fiantombohan'ny fifotorako tao amin'ny soratra masina. Nahatsapa zavatra aho teo am-pamakianay. Ary angamba ny manan-danja kokoa dia niova ireo faniriako sy ireo antony manosika ahy hanao zavatra, ary ireo fihetsiko. Naniry ho lasa olona tsaratsara kokoa aho. Nanomboka nahita ny zavatra nahavoafitaka ahy aho. Nibebaka matetika kokoa aho. Rehefa nifarana ny taona voalohany nianarako tao amin'ny oniversite dia lasa namaky soratra masina isan'andro aho.

Tamin'izany fotoana izany, ny Filoha Ezra Taft Benson (1899–1994) no nanasa ireo mpikamban'ny Fiangonana hamaky ny Bokin'i Môrmôna sy hampihatra ny zavatra nianaran'izy ireo.[3] Noho izany, ho fanampin'izay mety ho zavatra hafa novakiko dia faharafakeliny aho mamaky zavatra avy ao amin'ny Bokin'i Môrmôna.

Nandritra ny fotoana nitoriako ny filazantsara no nianarako ny tena fomba fandalinana sy ny



*Mampanantena anao aho fa raha mivoky amin'ny soratra masina isan'andro ianao, indrindra indrindra fa ny Bokin'i Môrmôna, dia hanasa ny Fanahy eo amin'ny fiainanao ianao.*

fivokisana amin'ny soratra masina. Tsy vitan'ny hoe nahatsapa ny Fanahy Masina fotsiny aho rehefa mamaky fa sady nanomboka nahatsapa fifaliana ihany koa rehefa mikaroka valim-panontaniana ho an'ireo olako sy ny an'ireo naman'ny Fiangonana nampianariko ao amin'ny soratra masina.

Taorian'ny asa fitoriana ny filazantsara nataoko dia nanohy nivoky isan'andro tamin'ny soratra masina aho. Satria nanasa ny Fanahy Masina teo amin'ny fiainako io fanao io dia nandray ny fitarihany aho mba hanampy ahy hampiasa ny fotoako tamim-pahombiazana. Vokatr'izany dia nahomby kokoa aho tany am-pianarana ary avy eo teo amin'ny sehatry ny asa. Lasa mora kokoa ny mandray fanapahan-kevitra tsara. Nivavaka bebe kokoa aho ary nazoto kokoa tamin'ny fanatanterahana ireo antsoko. Tsy namaha ireo olako rehetra ny fivokisana tamin'ny soratra masina isan'andro saingy moramora kokoa ny fiainana.

Ny volana aogositra 2005, ny Filoha Gordon B. Hinckley (1910–2008) dia namoaka fanamby ny mba hamakiana na hamerenana mamaky ny Bokin'i Môrmôna mialoha ny faran'ny taona.[4] Koa satria moa aho efa namaky ny Bokin'i Môrmôna isan'andro rahateo, dia efa tany amin'ny Etera na Môrônia aho. Noho izany aho rehefa nahavita namaky izany herinandro na roa herinandro taty aoriana dia hoy aho hoe efa nahavita ny fanamby nomen'ny Filoha Hinckley izany aho.

Kinanjo avy eo dia tonga namangy ny fianakavianay ny mpampianatra isan-tokantrano iray. Nanontaniany ahy izy hoe aiza ho aiza aho amin'ny fanatanterahana ny fanasan'ny Filoha Hinckley.

Nambarako azy fa tsara vintana aho fa efa nanomboka namaky ny Bokin'i Môrmôna mialoha ny fanambin'ny Filoha Hinckley. Avy eo dia tamim-panamarinan-tena no nilazako fa efa vitako ny asa.

Soa ihany fa nanana fomba fijery hafa ny mpampianatra ahy isan-tokantrano. Rehefa nahitsiny tamin-kalem-panahy aho dia nibitsika tamiko ny Fanahy fa marina ny an'ilay mpampianatra ahy isan-tokantrano.

Tamin'izay aho dia lasa namaky toko roa isan'andro mba hamita izany indray rehefa mifarana ny taona. Rehefa nampitomboiko ny habetsahan'ny famakiako ny Bokin'i Môrmôna dia tsikaritro fa nisy hery bebe kokoa tonga teo amin'ny fiainako. Nanana fifaliana bebe kokoa aho. Nazava kokoa ny fomba fahatakarako zavatra. Voa mainka aho nibebaka matetika kokoa. Naniry ny hanompo sy hanampy ny hafa aho. Lasa tsy mora nandairan'ny fitaka sy ny fakam-panahin'i Satana aho. Tiako bebe kokoa ny Mpamonjy ahy.

Tamin'ny volana nôvambra tamin'io taona io aho no nantsoina ho evekan'ny paroasinay. Ny nahavitako ny fanambin'ny Filoha Hinckley dia nanomana ahy ho amin'io antso io. Hatramin'izay aho nahatsikaritra fa arakakaraka ny maha-be atao ahy na any am-piasana na ao am-piangonana no ilako mandalina soratra masina bebe kokoa, indrindra indrindra fa ny Bokin'i Môrmôna.

Afaka mahazo fitahiana sy hery toy izany eo amin'ny fiainanao ianao raha mivoky amin'ny soratra masina isan'andro ihany koa. Mampanantena anao aho fa raha mivoky amin'ny soratra masina isan'andro ianao, indrindra indrindra fa ny Bokin'i Môrmôna, dia hanasa ny Fanahy eo amin'ny fiainanao ianao ary ho lasa hivavaka isan'andro ho azy, sy hibebaka matetika ary ho lasa mora kokoa aminao ny handeha any am-piangonana sy handray ny fanasan'ny Tompo isan-kerinandro.

Mijoro ho vavolombelona aho fa rehefa manao ireo zava-madinika sy matoky ny Tompo ianao dia hahita fitiavana sy fifaliana, fiadanana ary fahasambarana na inona na inona toe-javatra iainanao. Mijoro ho vavolombelona ihany koa aho fa azo atao izany noho ny sorona nataon'i Jesoa Kristy. Izay zavatra tsara rehetra dia avy Aminy avokoa (jereo ny Môrônia 7:22, 24). ■

*Nosintonina avy amin'ilay lahateny, "Happiness, Deceit, and Small Things," izay natao nandritra ny fampaherezam-panahy tao amin'ny Brigham Young University ny 5 desambra 2017.*

**FANAMARIHANA**

1. Rehefa mafy orina ao amin'ny finoana an'i Kristy isika dia afaka mivoky amin'ny fitiavan' Andriamanitra na manao ahoana na manao ahoana ny toe-javatra iainantsika.
2. Fanamarihana sy rakitsoratra tamin'ny tafa sy dinika eo am-pelatanan'ny mpanoratra.
3. Jereo ny Ezra Taft Benson, "A Sacred Responsibility," *Ensign,* May 1986, 77–78; jereo ihany koa ny "The Book of Mormon —Keystone of Our Religion," *Ensign,* Nov. 1986, 4–7.
4. Jereo ny Gordon B. Hinckley, "First Presidency Message: A Testimony Vibrant and True," *Ensign,* Aug. 2005, 2–6.

# Na rivo-doza aza tsy hahasakana anay

Fotoana fohy taorian'ny niverenako avy nanao asa fitoriana dia nahazo fanasana hamonjy alim-pandihizana aho. Rehefa tany amin'ilay alim-pandihizana dia very ny findaiko ary nisy zatovolahy iray nanampy ahy hitady izany. Rehefa niresaka izahay dia nahafantatra fa samy misiônera tafaverina avokoa izahay roa ary nifampizara hevitra sy tanjona maro.

Nihanitombo hatrany ny fifandraisanay ary lasa mpifamofo izahay. Nofinofinay ny hoe ho voafehy ao amin'ny Tempolin'i Washington D.C. nialoha ny hikatonan'izany tamin'ny martsa 2018 noho ny fanamboarana. Saingy rehefa nanapa-kevitra ny amin'izany izahay dia nahazo fitsapana. Voalohany dia very asa aho ary tsy nanana fomba hanangonam-bola hanaovana ilay dia ho any amin'ny tempoly. Manaraka izany dia nisy rivo-doza nandona an'i Porto Rico taloha kelin'ny andro hivadianay.

Rehefa namely ilay rivo-doza Maria dia nandrava ilay nosinay tsara tarehy. Nikatona ny mpivarotra. Tsy nisy intsony ny herinaratra. Lasa sarotra hita ny rano sy ny sakafo ary ireo zavatra tena ilaina. Very avokoa ny zavatra rehetra izay nokasainay hampiasaina amin'ny lanonam-panambadianay. Voatery nanafoana ilay lanonana izahay, ary toa tsy maintsy nofoanana koa ny fanambadianay. Voafetra ny fidirana sy ny fivoahana an'i Porto Rico, ary tsy nisy nahafantatra hoe hafiriana. Nanomboka kivy aho, ary heniky ny fisalasalana sy fisafotofotoana.


Indray takariva dia niresaka momba ny zavatra nolalovanay izaho sy ny fofombadiko. Tsy azo antoka ny fandehanana, ary tsy hanana akanjo hanaovana amin'ny lanonana sy ny amin'ny fanambadiana izahay, saingy nanamafy ny Fanahy fa nila natoky ny Tompo izahay. Ny tena manandanja dia ny famehezana any amin'ny tempoly. Nivavaka izahay mba hahazo fanampiana amin'ny Ray any An-danitra.

Rehefa niverina nisy ny sidina mivoaka an'i Porto Rico dia tsy maintsy nanao drafitry ny sidina vaovao indray izahay ary nandamina daty hanaovana ny famehezana anay indray. Tsy nifandray nandritra ny herinandro maro izahay taorian'ilay rivo-doza, saingy nisy findain'ny namana iray nandeha. Navelany hampiasainay izany mba hiresahana amin'ny any amin'ny tempoly. Afaka nandamina ny zavatra rehetra indray izahay ka dia mbola afaka nofehezina ihany! Herinandro vitsivitsy talohan'ny dianay dia nanolotra kiraro sy akanjo ireo havana sy namana ary nanampy anay hahazo zavatra maro ho an'ny fanambadianay.

Rehefa niditra ny tempoly izahay nony farany dia nohadinoinay ireo tebitebinay. Nifampitantana izahay mba hiara-hiatrika ny hoavinay. Tena afaka milaza aho fa nahatsapa ny tanan'ny Tompo nitantana sy nankahery anay ka isaky ny natoky Azy izahay dia nilamina ny zava-drehetra. Ankehitriny izahay dia manana zanaka lahy mahafinaritra ary izahay dia fianakaviana voafehy ho amin'ny mandrakizay. ■

**Koraima Santiago de Jesus, San Juan, Porto Rico**

SARY NATAON'I SUZANNE SIMMONS



*Taorian'ny rivo-doza Maria dia toa tsy maintsy nanafoana ny fanambadianay izahay.*



SARY NATAON'I JOHN KACHIK

# "Izany no fiainana!"

Nody tara aho indray alina rehefa avy nanao tafa sy dinika maromaro tamin'ny naha-eveka ahy. Tena reraka aho. Nandrera-tsaina ny asa nandritra ny herinandro maro, ary ny andraikitra ao amin'ny fianakaviana sy tao am-piangonana dia nahatonga ahy hahatsapa tena ho tsy mahavita izay angatahina amiko.

Tamin'izay takariva izay dia tsy maintsy nanamboatra ny fiarako mba hahafahako tonga tany am-piasana ny ampitso marainan'io aho. Rehefa nanaovako ny akanjo fiarovako dia nivadika ho mpanamboatra fiara izaho ilay eveka teo. Nandry teo amin'ny tany mangatsiakan'ny fitoeran'ny fiara aho tao ambanin'ilay fiara ary nanomboka niasa. Nahoana moa aho no tsy maintsy vonton-katsiaka sy reraka ary mandratra tanana nefa efa niasa mafy tamin'io andro io? Lasa tsy nanana faharetana aho ary nanomboka nitalaho am-bavaka tamin'ny Ray any An-danitra.

"Mety ho afaka manampy ahy kely ve Ianao?" Hoy aho. "Miezaka manao izay tsara indrindra azoko atao aho mba ho ray sy vady ary eveka tsara, ary miaina ireo didy. Tsy hanompo tsara kokoa ve aho raha mba afaka maka aina kely? Mitalaho re, mba ampio aho hahavita an'ity mba hahafahako mamonjy fandriana."

Tampoka teo dia nisy teny anankitelo mazava sy miavaka tsara tonga tao an-tsaiko: "Izany no fiainana!"

"Inona?" Hoy ny navaliko.

Dia tonga indray ireo teny ireo: "Izany no fiainana!"

Dia nanomboka nameno ny saiko sy ny foko ny fahatakarana rehefa tonga fanintelony ireo teny ireo: "Izany no fiainana!" Nitondra hafatra ho an'ny fanahiko ireo teny ireo. Ilay hoe "fiainana" dia ny fiainana an-tany, ary izaho dia niaina fotoam-pitomboana izay natao mba hanampiana ahy ho tonga ilay olona tian'ny Ray any An-danitra hahatongavako. Toy ny nilaza tamiko izany ny Fanahy hoe: "Nanantena ity fiainana an-tany ity ho tsisy olana ve ianao?" Rehefa nitsangana avy tamin'izany tany nangatsiaka izany aho dia tsy nitovy ny tamin'ny teo aloha intsony.

Arakaraka ny fihetsitsika manoloana ny fitsapana no mety hahitantsika azy ireny ho toy ny fanomezana avy amin'ny Ray any An-danitra be fitiavana. Manome fahafahana antsika Izy mba hiatrika ireo fitsapana mba hahafahantsika mianatra mitodika any Aminy. Rehefa ataontsika izany dia voatahy isika amin'ny fianarana sy ny fitomboana ara-panahy.

> *Nanamboatra ny fiarako aho raha nisy hafatra mazava tonga tato an-tsaiko.*

Ireo teny ireo izay tonga tao an-tsaiko tamin'io alina mangatsiaka teo amin'ny tany tao amin'ny fitoeran'ny fiarako io dia nitahy ahy nandritra ny 35 taona mahery. Miezaka mafy aho mba tsy handanindany ireo fotoana hitsapana ahy. Hitako toy ny fahafahana hianatra zavatra izay tsy ho nianarako tamin'ny fomba hafa mihitsy ny fitsapana. ■

**Richard J. Anderson, Utah, Etazonia**

# Mahita an'i Dada mihira

Vao efa-bolana sy tapany no nitoriako ny filazantsara tao amin'ny misiôna-n'i Honolulu, Hawaii, Etazonia no nisy fihetsehan'aretina tamiko ka hita avy eo fa voan'ny androbe aho. Ireo volana nanaraka izany dia nomban'ny fandehanana matetika tany amin'ny hôpitaly sy fitiliana tsy hita isa ary fihinanana fanafody vaovao hisorohana ny fiantraikany mahasorena [aterak'ilay aretina androbe].

Hatramin'izay dia nifantoka be tamin'ny asa fitoriana ny filazantsara aho ka tsy nahatsapa tena ho manin-te-hody, kanefa hatramin'ilay fotoana nampihetsika ahy dia narary ny foko. Nalahelo ireo ray aman-dreniko aho ary nahatsapa tena ho irery na dia voahodidina olona mahafinaritra sy mikarakara aza. Tsy te hody aho fa te hahatsapa fiadanana.


Rehefa nomen'ny filohan'ny misiônako alalana aho dia niresaka an-telefaonina tamin'ireo ray aman-dreniko momba ny fitsaboana ahy. Ny raiko izay vao nahatanteraka ny nofinofiny hatramin'izay niainany, dia ny fidirana ao amin'ny Amboaram-peon'ny Tabernakely ao Temple Square, dia nanome toky ahy fa hihira faran'izay tsara ho ahy izy mandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany izay hiantomboka ny andro manaraka io.

Ny ampitso marainan'io aho dia nivavaka tamin'ny foko manontolo mba hanana ny fiadanana izay tena nilaiko fatratra. Efa nandray valina fanontaniana manokana nandritra ny fihaonamben' ny Fiangonana aho taloha ary natoky aho fa mbola afaka ny handray fitarihana indray. Rehefa nanomboka ny fihaonamben'ny Fiangonana dia nihira ny "Chers enfants, sur vous Dieu veille" ny amboaram-peo (*Cantiques,* no. 190). Tao anatin'ireo minitra voalohany dia hitako teo amin'ny efijerin'ny fahitalavitra ny raiko. Nitifitra azy akaiky teo amin'ny tarehiny naharitra ny fakantsary.

Nanganohano ny masoko raha nahatsapa fiadanana lehibe aho nanenika ahy. Fantatro fa tia ahy Andriamanitra. Fantany tsara ny zavatra nilaiko tamin'io andro io, dia ny fanomezan-toky tsotra fa tsy lavitra Izy ary fantany aho. Nahatsapa ny fitiavan' Andriamanitra aho ary koa ny an'ny fianakaviako, sy ireo mpiara-mitory tamiko, ary ny an'ny filohan'ny misiônako. Raha toa ka tokony hahatsapa ho notambesaran-javatra aho, izao kosa aho dia nahita fahafahana iray mba hanatonana ny Tompo bebe kokoa.

Tsy niala ilay olako arapahasalamana. Voatery nandao mialoha ny sahan'ny misiônako aza aho saingy fantatro fa teo Andriamanitra ary tiany aho. Izany tokin'aina izany dia nanaraka ahy hatrany namakivaky fitsapana bebe kokoa ary nanome fanantenana ahy tao amin'ireo fotoan-tsarotra indrindra. Ny hafa mety hieritreritra izany ho toy ny fifandrifian-javatra fa izaho kosa dia mahafantatra fa ny fahitana ny raiko nihira momba ny fitiavan' Andriamanitra dia fahagagana madinika tamin'ny fotoana nanahirana ahy. ■

**Maria Oka, Californie, Etazonia**



*Nanganohano ny masoko raha nahita ny raiko teo amin'ny efijerin'ny fahitalavitra.*

SARY NATAON'I ALLEN GARNS

# Fanasana ho an'i Ricardo



Rehefa maheno fiaraha-mientana ataon'ny Fiangonana aho dia manasa olona 10 tsy mpikamban'ny Fiangonana foana mba hanatrika. Izany no nataoko nandritra ny taona maro. Manamboatra fanasana aho ary ataoko anaty valopy fotsy izany dia mivavaka aho mba hotarihin'ny Fanahy. Avy eo dia zaraiko ireo fanasana. Mahalana no tonga daholo izy folo, fa na dia iray fotsiny aza no tonga dia mahatsapa ho nahomby aho.

Taona maro lasa, dia nanomana fanasana folo aho mba hamonjy takariva amorom-patana ho an'ny mpivady. Nozaraiko tamin'ny olona tany am-piasana ny sivy ary nisy anankiray ambiny. Tsy fantatro hoe iza no homeko izany. Minitra vitsy taorian'izay dia nandalo teo amin'ny biraoko i Ricardo, mpisolotena ara-barotra iray. Nahatsapa ho notaomim-panahy hanasa azy aho, na dia efa nandà fanasana avy tamin'ny mpiara-miasa iray mba hanatrika hetsika tany am-piangonany aza izy. Tsy neritreretiko ho liana i Ricardo.

Saingy rehefa nandalo teo amin'ny biraoko indray i Ricardo raha izy hivoaka iny dia tsapako indray ilay fitaomam-panahy. Na izany aza dia nivoaka haingana izy ka tsy nanana fahafahana ny hiresaka taminy aho. Nivavaka aho ny mba hiverenan'i Ricardo raha toa ka tokony hanome azy ilay fanasana aho.

Rehefa vita ny vavaka nataoko dia niverina i Ricardo mba hametraka fanontaniana amiko. Dia hoy aho avy eo: "Ricardo, misy fiaraha-mientana ho an'ny mpivady hatao any ampiangonako. Hizara traikefa momba ny fomba hiainana fiainana sambatra foana isan'andro izahay. Dia hisy fandihizana aorian'izay. Ho tonga ve ianao raha asaiko?"

"Mazava ho azy!" Hoy i Ricardo saingy tsy nandresy lahatra ahy ny valin-teniny.

*Nozaraiko tamin'ny olona tany am-piasana ny fanasana sivy dia nisy anankiray ambiny. Tsy fantatro hoe iza no homeko izany.*

"Efa nanao ny anjarako aho izay," hoy aho tany an-tsaiko.

Tonga taloha tany amin'ilay fiaraha-mientana izaho sy ny vadiko mba hiarahaba olona rehefa tonga izy ireo. Tampoka teo dia hitako i Ricardo niaraka tamin'i Regina vadiny. Nampahafantariko ny vadiko sy ireo hafa tonga nanatrika izy ireo. Nandritra ny takariva iray manontolo, dia hita toa finaritra ery i Ricardo sy i Regina. Gaga aho raha nilaza izy fa ho tonga aty ampiangonana izy ireo amin'ny alahady mba hianatra misimisy kokoa.

Tena nianatra misimisy kokoa i Ricardo sy i Regina niaraka tamin'ny zanak'izy ireo anankiroa. Tamin'ny farany dia niditra ho mpikamban'ny Fiangonana izy ireo. Taty aoriana dia nofehezina tany amin'ny tempoly izy ireo. Nilaza tamiko i Ricardo fa efa niresaka momba ny fisarahana izy sy ny vadiny, ary avy eo dia notarihin'ny Tompo teo amin'ny biraoko i Ricardo.

Nanomboka tamin'izay aho dia nangataka Andriamanitra mba hamela ahy noho ny nieritreretako fa tsy hanaiky ny fanasana ataoko i Ricardo. Nianatra aho fa zava-dehibe ny manasa ny olondrehetra. Tsy ho ampoizinao mihitsy hoe iza no hanaiky ny fanasana. ■

**Martin Apolo Cordova, Paraná, Brésil**

SARY NATAON'I KATY DOCKRILL

# Miroborobo ny orinasa

**Nosoratan'i Joshua J. Perkey**
Gazetibokin'ny Fiangonana

Noho ny zavatra nianaran'i Teddy Reyes tao amin'ny kilasin'ny fizakan-tena. Raha nikatona ho an'i Teddy ny varavarana iray dia vetivety dia nisy varavarana iray hafa nisokatra ho azy.

Amin'y 4 maraina ao Santo Domingo, République Dominicaine, ary efa mifoha sahady i Teddy Reyes ary efa miasa. Be zavatra atao izy androany hihazonana ny asany izay efa mandroso tsara. Manomboka manapaka voatabia sy mofo izy. Dia manao ilay saosiny miavaka izy.

Mandra-pahatonga ny amin'ny 6 maraina dia mpiasa anankiroa no tonga manampy azy, dia mihahaingana ny fikarakarana. Tonga ny amin'ny 8 ora dia efa nahavita sandwich 300 izy ireo, nofonosina tsirairay tamin'ny famonosana vita amin'ny plastika ary natao anaty kitapo. Mpiasa enina indray no tonga ary lasa nandeha nivarotra ny ekipa iray manontolo.

Amin'ny 9 ora dia lafo avokoa ny sandwich rehetra afa-tsy vitsivitsy ihany, telo na efatra izay nampirimin'i Teddy hohanin'ny ekipany.

Mandeha tsara ny asa ho an'i Teddy. Saingy tsy mora foana ny zava-drehetra hatrizay. Eny tokoa, tao anatin'ny dimy taona lasa dia tsy afaka nahita asa maharitra nifanaraka tamin'ny karazan'asa nilofosany izy, dia ny an'ny mpisolovava izany.

Koa tamin'ny fomba ahoana no niovan'i Teddy avy tany amin'ny fanomezana torohevitra olona nankany amin'ny fivarotana sandwich? Mazava ho azy fa nitaky asa mafy betsaka izany saingy nitaky fampiharana tamim-pitandremana ireo fitsipika nianarany tao amin'ireo kilasy nomena tamin'ny alalan'ny ezaka



ataon'ny sampan-draharaha misahana ny fizakan-tena an'ny Fiangonana.

**Ny fahaverezan'ny asany**

Dimy taona lasa izay dia tsara ny fiainan'i Teddy. Nanana asa tsara tamin'ny naha-mpisolovava azy izy, vao tsy ela izy no nanambady, ary nanao batisa ny vadiny izy. "Saingy nanana olana izahay" hoy izy "dia very ny asako."

Tao anatin'ny efa-taona nanaraka izay dia sahirana i Teddy nitady asa. "Misy asa betsaka azoko natao saingy tsy nisy olona te hanakarama ahy. Nanandrana nanomboka asa hafa ho an'ny tenako aho, saingy tsy nahomby izany."

Nanana asa tsara i Stephany vadiny, saingy tsy ampy handoavana ny faktiora ny karamany irery. Tsy ela dia nananjanaka izy mivady. Faly izy ireo saingy niha-nanifv ny toe-bolan'izy ireo. Lasa ny tranon'izy ireo. Tsy maintsy namidy ny fiarany ary nampiasainy daholo ny tahiriny rehetra. Tsy maintsy nifindra tamin'ny trano kely iray an-drenin'i Stephany izy ireo nony farany.

Saingy tsy nilavo lefona i Teddy. Tsy ela dia nisy zava-mahasoa tsy nampoizina nitranga.

**Ny herin'ny fizakan-tena**

Rehefa avy sahirana nandritra ny taona maro i Teddy dia nahafantatra fa fotoana tamin'izay mba hisian'ny fiovana.

"Nanapa-kevitra ny hanaraka ireo fampianarana ao amin'ny fizakantenan'ny Fiangonana aho" hoy izy. "Efa henoko ny momba izany fa nihevitra foana aho hoe tsy natao ho ahy izany. Neritreretiko ho fanaovana zavatra samirery fotsiny izany. Tena nahafinaritra ireo kilasy."

Voalohany dia niditra tao amin'ny vondrona manaraka ny "Finances personnelles" (Teti-bolan'ny tena manokana) izy. Avy eo izy dia niditra tao amin'ny vondrona "Lancer mon entreprise et la développer" (manangana sy mampiroborobo ny orinasako). Tsy vitan'ny hoe nanampy an'i Teddy tamin'ny fahaizany ny asa fandraharahana ny mpiray kilasy taminy fa nanampy azy hivoatra ara-panahy ihany koa.

"Nanova ny zava-drehetra ny fanatrehana ireo kilasy ireo" hoy izy. "Nanapa-kevitra ny hanao izay rehetra nampianarina aho. Ary niova avy hatrany ny teti-bolako. Nanomboka nandoa fahafolonkarena feno sy nivavaka isan'andro, nandalina ny soratra masina ary nampihatra finoana aho. Dia nisy ny fiovana, nanomboka nanangom-bola aho ary nihazona ny andro sabata ho masina. Nitahy ahy avokoa ny fitsipika tsirairay."

Tao amin'ny vondrony "Lancer mon entreprise et la développer" i Teddy dia nianatra ny fomba hamantarana ny zavatra mety hahasoa an'ireo mpanjifa eo amin'ny toerana misy azy. Rehefa nanombantombana ny zavatra tadiavan'ny olona izy, dia nanomboka nirotsaka ny fitaomam-panahy. Tia sandwiches vao vita ny olona ao amin'io faritra io, fa tian'izy ireo ihany koa ny manafatra izany, ka aterina any aminy.

"Toeram-pisakafoanana maro no manana ny saosy mampiavaka azy izay mahatonga ny sakafony hiavaka" hoy i Teddy. "Koa nanao ny saosiko manokana aho!"

**Mampiroborobo ny Orinasany**

Tamin'ny andro nanombohan'i Teddy ny orinasany dia nanao sandwich 30 izy.

"Telopolo minitra taorian'izay aho dia efa nody," hoy izy. "Nanomboka gaga ny vadiko rehefa nahita ahy teo amin'ny sezalava. Nanontany ahy izy hoe inona sahady no nataoko tato an-trano, tsy tokony mbola eny ampivarotana sandwich ve aho? Efa lafoko daholo izy ireo!"

Tao anatin'ny herinandro vitsivitsy manaraka izany, dia nanatona ireo orinasa sy sekoly teo an-toerana aho. Maro ireo vonona hividy ireo sandwich ataony, ary dia nanomboka niroborobo ny orinasany. Nianatra haingana ny fomba fikarakarana legioma mba hateza izy. Hainy tsara ihany koa hoe mitana hafiriana ilay saosiny miavaka. Manafatra sy maka mofo izy isaky ny hariva. Mividy legioma mora izy isaky ny sabotsy, mora vidy saingy mbola ho tsara ny alatsinainy.

Tsy ela izy dia nisy nanafatra karazana sandwich manokana, ary sandiwich be dia be mihitsy aza rehefa misy hetsika manokana. Nila fanampiana izy ary nanomboka naka mpiasa.

Tamin'ny alalan'ny fametrahana fifandraisana tsara tamin'ireo sekoly sy orinasa teo an-toerana dia nanorina vondron'ny mpanjifa mavitrika sy mahatoky i Teddy. Tao anatin'ny efa-bolana dia nanana mpiasa valo izy ary nahalafo sandwich 300 isan'andro, dimy andro ao anatin'ny herinandro. Tena mahomby ny ekipan'ny varony ka nahalafo sandiwch foana izy ireo mandritra ny fahavaratra rehefa mikatona ny sekoly. Izao i Teddy dia vonona ny hanitatra.

Noho ny fanatrehany ireo kilasin'ny fizakan-tena dia nahazo fitaomampanahy izy ka nanana hevitra ny hanangana orinasa manao sandwich. "Noho io fitarihana avy amin'ny Fiangonana io sy ireo fitahiana voaraiko" hoy izy "dia manana fijoroana ho vavolombelona matanjaka aho momba ny Fiangonana sy i Jesoa Kritsy." ■

SARY NATAON'I RAUL SANDOVAL



# Zanaky ny Ray any An-danitra ny zanakay lahy

Nosoratan'i Jerlyn Murphy

Mangana sy tsy niaina ary nitolona tamin'ny fahafatesana i Hayden, zanaka lahy kely maminay raha vao teraka. Tsy nitomany. Tsy nihetsika.

Rehefa nihazakazaka nihodinkodina ny efitrano fitsaboana ireo dokotera sy ny mpanampy azy dia fantatro fa nisy zavatra tena ratsy. Nanome tsodranon'ny fisoronana haingana an'i Hayden ny vadiko sy ny raiko ary nentina haingana tany amin'ny fitsaboana ireo olana ara-pahasalamana mila fitandremana izy Tsy ela dia nahitana tsy fahatomombanan'ny fo,izay aretina tsy dia fahita firy izy. Tao anatin'ny andro vitsivitsy dia nandalo fandidiana fo maro izy.

Tamin'ny alalan'ny hery mahagaga avy amin'ireo tsodranon'ny fisoronana sy fifadian-kanina, ary ny vavaka dia tafavoaka velona i Hayden na dia teo aza ny zavatra nampoizina hitranga. Heniky ny fifaliana izahay nitondra ny zanakay nody ary nanomboka niara-niaina ny fiainanay vaovao.

Nitondra fifaliana tsy hay refesina teo amin'ny fiainanay i Hayden. Nankamamianay ary tena tianay izy. Saingy rehefa nandeha ny fotoana dia nanomboka natahotra aho sao tsy hitombo araka ny tokony ho izy izy. Na dia efa nanome toky anay aza ireo manampahaizana fa hitombo araka ny tokony ho izy ihany izy, dia mbola nanahy hatrany aho noho ny fahasahiranako manampy ny zanako.

Nianatra izahay mivady mba hahafantatra ny zavatra rehetra azonay ianarana momba ny aretin'i Hayden. Nataonay daholo izay rehetra nampanaovin'ny dokotera anay. Fa mbola tsy nahitana fivoarana hatrany teo aminy.

Nanomboka reraka sy sorena aho. Nitalaho tamin'ny Raiko any Andanitra aho mba hanampy ahy hahita olona afaka manampy an'i Hayden,

saingy tsy nisy fanampiana tonga. Niharatsy ny fahasalaman'i Hayden. Nanomboka nifanintona izy. Natahotra izahay. Nieritreritra izahay fa handao anay izy.

Indray alina dia niari-tory aho mba hikaroka valinteny. Nanoratra taratasy ho an'i Hayden aho. Nolazaiko azy ny haben'ny fitiavako azy sy ny hamafin'ny ezaka nataoko mba hanamorana ny fiainany. Nampanantena aho fa handany ny androm-piainako sisa amin'ny fiezahana hahazo ny fanampiana izay ilainy.

Heniky ny fahakiviana sy ny ahiahy aho indraindray. Nandohalika aho ary nangataka ny Ray any An-danitra hoe "Nahoana?" Noheveriko fa nandefa an'i Hayden ho aty amiko Izy satria fantany fa tsy hilavo lefona mihitsy aho hiezaka hanampy ny zanako lahy. Koa nahoana aho no tsy mety mahita valiny? Nahoana ny dokotera vaovao sy ny fitsaboana vaovao rehetra no nitondra fisedrana hafa indray? Tsy tian'ny Ray any An-danitra angaha i Hayden?

Tsy hohadinoiko mandrakizay izany fotoana izany. Nahatsapa fitiavana lehibe nanenika ahy tampoka aho. Nisy teny izay tsy ahy akory niditra tao an-tsaiko nanao hoe: "Jerlyn, mieritreritra ve ianao fa tia azy mihoatra ahy?"

Gaga aho. Toa nijanona ny fotoana. Nirotsaka tamin'ny tavako ny ranomaso, tsy noho ny fahakiviana toy ny teo aloha fa noho ny fanantenana sy fahatakarana ary fitiavana.


Tamin'io fotoana io dia niova ny zavadrehetra. Lasa nanetry tena kokoa aho. Niova ireo fanontaniako. Takatro izao fa tia an'i Hayden amin'ny fitiavana tonga lafatra ny Raiko any An-danitra. Nalefa tety an-tany i Hayden tao anaty vatana izay mifanaraka amin'ny filany sy ireo fahafahany hitombo sy hianatra. Manana ny fahaiza-manaony sy ny fanambiny manokana izy, tahaka ny tsirairay amintsika. Lasa nahafantatra aho fa ireo zaza manana fahasembanana dia zanaka sarobidy sy mamin'ny Ray any An-danitra izay manana iraka nampanaovina azy manokana ety ambonin'ny tany.

Nisy teny izay tsy ahy akory niditra tao an-tsaiko nanao hoe: "Mieritreritra ve ianao fa tia azy mihoatra ahy?"

Mahazo valinteny sy fitahiana tsy tapaka izaho sy ny vadiko saingy tonga amin'ny fotoan'ny Tompo izany fa tsy ny anay. Voatarika nankany amin'ny boky, fitsaboana, sekoly, ary mpampianatra tsara izahay mba hanampy an'i Hayden hahomby amin'ny fiainany an-tany. Miezaka mikatsaka ny lalana izay napetraky ny Raintsika any An-danitra ho an'i Hayden izahay fa tsy izay tianay handehanany. Manao izay rehetra azonay atao izahay mba hanampiana an'i Hayden hahatratra ny maha-andriamanitra azy sy hiainany ny fiainana izay novolavolain'ny Ray any An-danitra ho azy. Nihanazava bebe kokoa izao ny fahatakaranay ny drafitry ny Ray any An-danitra ka takatray fa Azy i Hayden talohan'ny nahazoanay azy. ■

*Monina any Arizona, Etazonia ny mpanoratra.*

SARIN'NY MPANORATRA SY NY ZANANY.



**NY VATANA: FANOMEZANA SAROBIDY**

"Noho ny antony izay tsy fantatra dia misy olona sasantsasany manana olana ara-batana hatramin'ny fahaterahana. Mety tsy ho tomombana ny ampahany sasany amin' ny vatana. Mety tsy mirindra tsara ny fiasan' ny rafitra sasany ao amin' ny vatana. Ary samy iharan' ny aretina sy fahafatesana ny vatantsika rehetra. Na izany aza anefa dia fanomezana tsy voavidim-bola ny vatana. Raha tsy misy izany dia tsy afaka ny hahazo ny fahafenoan'ny fifaliana isika.

"Tsy mitaky vatana tonga lafatra ny fanatratrarana ny anjara hitovy amin' Andriamanitra. Raha ny marina, ny sasantsasany amin' ireo fanahy tsara indrindra dia mitoetra ao amin' ny vatana malemy na tsy tomombana. Matetika ireo olona manana fahasembanana ara-batana no manana tanjaka lehibe ara-panahy satria efa tena miatrika fanamby lehibe izy ireo. Ny olona tahaka ireny dia mahazo ireo fitahiana izay nomanin' Andriamanitra an'ireo zanany mahatoky sy mpankatò ihany koa."

**Filoha Russell M. Nelson, "We Are Children of God,"** ***Ensign,*** **Nov. 1998, 86–87.**

# Fiatrehana zava-doza

Na ho ela na ho haingana ireo ankizy dia ho sendra zava-doza na ao an-tokantrano izany na any lavitra any. Kanefa "na dia ao anatin'ny korontana aza ny tontolo manodidina anao dia afaka mandray ny fitahian'ny fananana fiadanana anaty ianao."[1] Indreto misy zavatra sasantsasany azonao atao hanampiana ny ankizy hahatsapa izany fiadanana izany.



**Fahatoniana**

Rehefa misy zava-doza mitranga dia mety ho tsapan'ny ankizy ho toy ny misy tsy mety loatra ny tontolo misy azy. Aoka ianao ho ohatra eo amin'ny fahatoniana ho azy ireo. Resaho amim-pahatoniana sy amim-pahatokian-tena ilay olana. Araka izay tratranao dia ataovy hatrany ireo zavatra fanaonao araka ny mahazatra. Ataovy izay azonao atao mba hanohizana ny takarivan'ny mpianakavy, ny fandalinana ny soratra masina, ny vavaka ary ireo fahazarana hafa fanaon'ny fianakaviana. Rehefa mandeha ny fotoana dia afaka mianatra ireo ankizy fa na dia voasembantsembana aza ny tontolon'izy ireo, ny filazantsara dia mamela antsika hisaina momba ny mandrakizay sady afaka manohy miaina sy mitombo.

**Fanajana**

Manehoa fanajana ny fihetseham-pon'ny ankizy. Henoy ny ankizy ary ekeo ny zavatra tsapany. Asehoy azy ireny fa tena amim-pahamatorana no andraisanao ny ahiahin'izy ireo. Aza terena hiteny izy ireo saingy ampahafantaro azy ireo fa eo foana ianao rehefa vonona ny hiresaka izy ireo. Valio amin-kitsimpo araka ny fahatakaran'izy ireo azy ireo fanontaniana mipoitra. Ampio ireo zanakao hahafantatra fa afaka miresaka foana aminao momba ny tahotra sy ny ahiahiny izy ireo.





**Fitarihana**

Mety hanontany ireo zanakao hoe "Nahoana Andriamanitra no mamela ireo zavatra ratsy hitranga?" Hazavao fa na ireo fotoana tsara na ireo fotoana ratsy dia sady anisan'ny fiainana no tafiditra ao amin'ny drafitr' Andriamanitra. Ny olona tsirairay dia avelany hanao araka izay safidiny avy ary indraindray ny olona no manao safidy ratsy izay miteraka fijaliana. Indraindray ny loza dia tsy vokatry ny hadisoan'iza na iza fa ampahany amin'ny natiora fotsiny ihany. Na inona na inona mitranga dia eo ny Ray any An-danitra ho antsika. Miaraka amin'ny fanampiany isika dia mianatra sy mivoatra eny na dia avy amin'ireo zavatra niainana nampijaly aza. Afaka mitodika any Aminy isika mba hahitana fiadanana.

**Fampaherezana**

Asehoy ny ankizy fa manana hery hanovana zavatra izy ireo amin'ny alalan'ny fanomezana azy ireo fomba hanampiana. Ohatra, afaka manampy manangona ireo tolo-tanana ho an'ireo niharam-boina noho ny loza izy ireo, na mamangy marary na namana naratra iray any amin'ny hôpitaly, na mankahery olona iray miatrika fahafatesan'ny olana ao amin'ny fianakaviana, na mivavaka ho an'ireo sahirana. Tsy afaka ny hamaha ny olana rehetra isika saingy manana fahafahana hanao zava-tsoa maro ary "manao izay hisian'ny fiadanana isika isaky ny manampy hanamaivana ny fahorian'ny hafa."[2]





**Fankaherezana**

Ampahatsiahivo ireo zanakao fa tia azy ireo Andriamanitra sady tianao izy ireo. Aza mandainga fa hoe tsy hisy zavadratsy hitranga amin'izy ireo, kanefa omeo antoka izy ireo fa ieren-doza izy ireo amin'izao ary hanao izay vitanao rehetra ianao mba hiarovana azy ireo. Omeo antoka izy ireo fa ny Ray any An-danitra dia hanampy azy ireo hisedra izay mety ho fitsapana holalovan'izy ireo.

Rehefa malahelo ny tenanao vokatry ny fahoriana dia tsarovy fa amin'ny farany dia handresy ny ratsy ny tsara. "Mamaky ady amin'ny fahotana isika, . . . kanefa tsy mila kivy isika," hoy ny nampianarin'ny Filoha Thomas S. Monson (1927–2018). "Ady izay mety handresentsika izany ary handresy isika amin'izany. Ny Raintsika any An-danitra dia nanome antsika ireo fitaovana ilaintsika mba hanatanterahana izany. Izy no mitantana. Tsy manana na inona na inona atahorana isika."[3] ■

**FANAMARIHANA**


1. "Peace," Gospel Topics, topics.lds.org.
2. "Peace," Gospel Topics.
3. Thomas S. Monson, "Looking Back and Moving Forward," *Liahona*, May 2008, 90.

**HO AN'NY ANKIZY**

Ao amin'ny *Namana* ho an'ity volana ity:

- "Mbola hahita azy indray aho" (pejy N20)
- "Taratasy fankaherezana" (pejy N21)

Raha te hahazo loharanompitaovana hafa dia tsidiho ny lessonhelps.lds.org dia tsindrio ny "Lesson Helps by Topic."




**HO AN'IREO ZATOVO**

Ato amin'ity laharana ity:

- "Mikatsaka fiadanana ho an'ny tenanao sy ho an'ny hafa ao anatin'ny fotoan-tsarotra" (pejy 52–53).

Raha te hahazo loharanompitaovana hafa dia tsidiho ny youth.lds.org.





# Mitarika ahy ve Andriamanitra?

Feno safidy lehibe ny fiainantsika: ny lalana arak'asa, ny olona hovadina, ny sekoly hianarana, sns. Feno ahiahy andavanandro ihany koa ny fiainantsika: fisafidianana ny fomba tsara hampiasana ny fotoantsika, fiezahana mahatakatra fotopampianarana, ary fitadiavana fiadanana eo anivon'ny fitsapana. Ao anatin'izany rehetra izany isika dia **mila fanambarana ho an'ny tena manokana.** Saingy indraindray dia mety ho sarotra ny mahafantatra ny fomba handraisana izany sy ny fomba hamantarana izany rehefa azontsika. Rehefa tsy maharay valiny isika na rehefa tsy azontsika izany dia mety hanontany tena isika hoe: "Ny Fanahy ve ilay teo sa ny eritreritro?" "Nahoana aho no nentanim-panahy hanao izany nefa tsy nahomby?" "Nahoana aho no toa mahatsapa fa tsy mamaly ny vavaka ataoko Andriamanitra?"

Soa ihany fa ao amin'ny "Fandraisana fanapahan-kevitra: Fahafahana misafidy sa fanambarana" (pejy 44) i Erin dia mizara ny tantarany momba ny fanambarana ho an'ny tena manokana rehefa tsy maintsy nandray fanapahan-kevitra mampiova fiainana izy. Matoa **Andriamanitra te hitarika antsika,** dia te hanampy antsika ihany koa Izy hianatra hiantehitra amin'ny fahafahantsika misafidy mba hanao safidy tsara.

Ny fianarana ny fomba firesahan'ny Fanahy Masina aminao manokana dia ampahany iray hafa manan-danja amin'ny fandraisana sy famantarana ny fanambarana. Mety ho samy hafa izany ho antsika tsirairay. Ao amin'ny pejy 48 dia maro ireo **tanora mizara ny fomba nahazoany fanambarana.**

Ao anatina lahatsoratra nomerika  i Aspen dia manazava fa ny fanambarana ho an'ny tena manokana dia mitaky ny "Fanatanjahana ireo hozatrao ara-panahy."

Mety havesatra be ny mieritreritra ny hoavy, ary mety hampatahotra mihitsy. Indrindra  fa rehefa tanora ianao. Saingy rehefa tsaroako **nitarika ny fiainako Andriamanitra** taloha dia manome herim-po ahy izany mba handroso sy hanao zavatra sy hatoky fa **mbola hanome ahy ny fitarihana izay ilaiko hatrany Izy** eo amin'ilay lalana.

Amim-panajana,

Katie Sue Embley

Katie Sue

# HO AN'NY TANORA

### TOROHEVITRA TSARA INDRINDRA. . .

*Mizara ny torohevitra tsara indrindra azony momba ny fandraisana fanambarana ho an'ny tena manokana ireo tanora:*

"Nilaza tamiko ny mpitarika ahy tao amin'ny RTM indray andro hoe: –Ampiroboroboy ny fifandraisanao amin' Andriamanitra amin'ny maha-Rainao ara-panahy Azy. Arakaraka ny mampatanjaka ny fifandraisanao Aminy no hahatakaranao bebe kokoa sy mahavoatarika anao.– Nitondra fiovana lehibe tamin'ny fomba fivavako izany."
**—Grant Goolsby, California, Etazonia**

"Asain'ny patriarika an'ny tsatòkanay manao tsianjery izao andian-teny izao ny olona rehetra: –mba handraisana fanambarana dia mamakia fanambarana.– Nanampy ahy be dia be izany rehefa namaky ny soratra masina aho."
**—Shellby Tippetts, Missouri, Etazonia**

"Manokàna fotoana hisaintsainana. I Joseph Smith dia nisaintsaina ny Jakoba 1:5 mialoha ny nanapahany hevitra hanao zavatra. Indraindray Andriamanitra dia maniry antsika hirotsaka ao amin'ny vavaka sy ny fandalinana mialoha ny hanomezany valiny. Amin'izany fomba izany no tena ianarantsika zavatra."
**—Natasha Herbst, Utah, Etazonia**

"Ny fonao no henoy fa tsy ny sofinao."
**—Sai Tua, Samoa Amerikana**

*Inona no torohevitra tsara indrindra voarainao mikasika ny fibebahana? Alefaso aminay ny valin-teninao amin'ny **liahona.lds.org** mialoha ny 30 aprily 2019.*

### MOMBA IREO MPANORATRA TANORA



**I Erin Rider** dia mpisolovava ary miara-mitantana podcast iray amin'olona. Vao avy nahavita ny hazakazaka lavitra ezaka antsasa-dalana voalohany nataony izy. Mandritra ny fotoany malalaka dia tiany ny mamaky boky, mandeha mitsangantsangana, ary manokana fotoana iarahana amin'ny fianakaviana sy namana.



**I Aspen Stander** dia mpanoratra sy mpanonta boky ao Utah, Etazonia. Tia mitsangantsangana, tia mandehandeha, tia mamaky boky ary tia mitendry piano izy.



**I Katie Sue Embley** dia mieritreritra fa izao tontolo izao dia feno olona tsara izay tokony hozaraina ny tantarany. Nianatra momba ny fanaovan-gazety sy ny teny espaniola izy mba hanaovan-tsoa (#sharegoodness).

### ZARAO NY TANTARANAO

Manana tantara mahavariana hozaraina ve ianao? Na te hahita lahatsoratra momba ana lohahevitra sasantsany ve ianao? Raha izany no izy dia te haheno anao izahay! Azonao alefa ny lahatsoratrao na ny fanamarihanao amin'ny **liahona.lds.org.**

### ATO AMIN'ITY FIZARANA ITY

44 **Fandraisana fanapahan-kevitra: Fahafahana misafidy sa fanambarana**
Nosoratan'i Erin Rider

48 **Fanambarana natokana ho an'ny tena manokana**



Jereo ato ireo lahatsoratra ireo sy ny hafa koa:

- Ao amin'ny **liahona.lds.org**
- Ao amin'ny **Ho an'ny tanora isan-kerinandro** (ao amin'ny fizarana "Tanora" ao amin'ny Bibliothèque de l'Évangile)
- Ao amin'ny **facebook.com/liahona**

### AMIN'NY ENDRIKA NOMERIKA IHANY

**Manatanjaka ireo hozatrao ara-panahy**
Nosoratan'i Aspen Stander



Rehefa resaka fanapahan-kevitra lehibe dia tahaka ny ahoana ny filantsika miantehitra amin' Andriamanitra mba hilaza amintsika ny zavatra tokony hatao?

# Fandraisana fanapahan-kevitra: Fahafahana misafidy sa fanambarana

Nosoratan'i Erin Rider

Isan'andro isika tsirairay avy dia samy miatrika fanapahan-kevitra maro. Ny sasany dia mahazatra kokoa, toy ny hoe, "Inona no akanjo tokony hanaovako?" "Inona no tokony hataoko sakafo antoandro?" "Efa tokony hividy fiara vaovao ve sa mbola afaka mihazona elaela kokoa ny ahy izay efa tranainy aho? Saingy matetika isika no mandalo fanapahan-kevitra tena goavana, "Tokony hiverina any an-tsekoly ve aho?" "Tokony hanaiky ity asa ity ve aho?" "Tokony hifindra tanàna hafa ve aho?" "Tokony hividy trano ve aho?" "Tokony hisakaiza amin'ity olona ity ve aho?" "Tokony hanambady an'ity olona ity ve aho?" sy ny sisa.

Rehefa miatrika fanapahan-kevitra lehibe isika dia miezaka maka fotoana elaela kokoa, araka ny tokony ho izy, hanaovana safidy. Manaraka ilay torohevitra nomena an'i Oliver Cowdery ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 9:8–9 isika izay ilazan'ny Tompo hoe:

"Nefa indro, lazaiko anao, fa tokony handinika izany ao an-tsainao ianao; rehefa izany dia tokony hanontany Ahy ianao raha marina izany, ary raha marina izany, dia hahamay ny ao anatin' ny tratranao Aho; koa ho tsapanao fa marina izany.

"Fa raha tsy marina izany, dia tsy hanana fahatsapana toy izany ianao fa hanana kosa fahadontoan'ny saina, izay hahatonga anao hanadino ny zavatra izay diso."

Na dia torohevitra tsara aza izany, rehefa tonga ny fanapahan-kevitra lehibe dia indraindray isika miankina be loatra amin'ny hoe Andriamanitra dia miteny amintsika izay mety fa tsy amin'ilay hoe milaza amintsika Izy mba handalina izany ao an-tsaintsika. Lasa sahiran-tsaina loatra miandry an' Andriamanitra hanamafy ny safidintsika isika ka mamela ny fahafahana tsara handalo fotsiny. Mety hahafantatra ny anjara asan'ny fahafahana misafidy mihitsy aza isika, saingy matahotra isika ny handray fanapahan-kevitra izay afaka manala antsika amin'ilay "drafitra" efa nomanintsika ka hiafara amin'ny filazana fa izay zavatra hafa ankoatra ny hafanana ao amin'ny tratra na feo avy any an-danitra dia midika fa ratsy ny safidy ataontsika. Ho an'ny maro amintsika io fihenjanana misy eo amin'ny fahafahana misafidy sy ny fanambarana ho an'ny tena manokana io dia miteraka fanontaniana iray lehibe: Inona no anjara asan' Andriamanitra amin'ny fanampiana antsika handray fanapahan-kevitra?

## Anjara asan' Andriamanitra amin'ny fandraisantsika fanapahan-kevitra

Angamba amin'ny alalan'ny tantaran'ny rahalahin' i Jareda no tena tsara hiresahana io fanontaniana io. Misy zavatra miverimberina mahaliana ao amin'io tantara io izay mampianatra antsika momba

SARY NATAON'I DAVID HABBEN



ny fomba izay iandrasan' Andriamanitra antsika hanapa-kevitra. Rehefa nampifangaroina ny fiteny tao amin'ny tilikambon'i Babela; dia nangataka an-drahalahiny i Jareda mba hangataka amin'ny Tompo raha toa ka tokony hiala ilay tanàna izy ireo, ary raha izany dia aiza no tokony halehany (jereo ny Etera 1:36–43). Dia nangataka ny rahalahin' i Jareda, ka nentin'ny Tompo teny amoron-dranomasina izy ireo. Teny an-dalana dia niresaka tamin'izy ireo tao anaty rahona ny Tompo ary nitarika ny dingana tsirairay tamin'ny dian'izy ireo Izy. Tonga teny amoron-dranomasina izy ireo nony farany, ary nijanona teo nandritra ny efa-taona.

Tamin'ny fiafaran'ny taona fahefatra dia nilaza tamin-drahalahin' i Jareda Andriamanitra mba hanamboatra sambo ka ho vonona ny hiampita ny ranomasina. Rehefa hitan'ny rahalahin'i Jareda fa tsy hisy rivotra ireo sambo ireo dia nanaraka ilay fomba mahazatra fandehanana amin' Andriamanitra mba hanontany ny tokony hataony izy. Araka ny efa nampoizina dia namaly ny Tompo tamin'ny fanomezana torolalana mazava tsara mba hanao lavaka eo ambony sy ambany amin'ireo sambo. Jereo tsara ny fomba ahazoana fanambarana: Nomen' Andriamanitra drafitra izy ireo, nanontany ny amin'ny fomba hanatanterahana ilay drafitra izy ireo, dia nanome valiny farany mazava tsara Andriamanitra.

Saingy rehefa avy nanisy lavaka tamin'ireo sambo ny rahalahin'i Jareda dia nahatsikaritra fa tsy hisy hazavana ao amin'ireo sambo ireo. Nanontany an' Andriamanitra indray izy ny amin'izay tokony hataony. Tsy namaly anefa Andriamanitra fa nanontany hoe: "Inona no tianao hataoko mba hananareo hazavana ao amin'ny sambonareo?" (Etera 2:23). Raha tokony nanome torolalana mazava tahaka ny nataony teo aloha ny Tompo

tamin'ity indray mitoraka ity dia niandry an-drahalahin'i Jareda mba hanapa-kevitra ny amin'ny zavatra hataony.

Io karazana valin-teny avy amin'ny Tompo io angamba no tena sarotra takarina rehefa miezaka manapa-kevitra. Ampianarina isika mba hivavaka dia hiandry valiny, koa mazava ho azy raha hatahotra isika rehefa tsy mahare na inona na inona ho valiny. Manontany tena isika matetika raha toa ka azo lazaina ho "fahadontoan'ny saina" ny tsy fisian'ny valiny mazava izay milaza fa ratsy ny safidintsika. Amin'ny fotoana hafa isika dia manontany tena raha toa ka midika fa tsy mendrika tsara isika mba haheno ny valiny na raha toa ka tsy manontany "omban'ny tena finiavana" isika (jereo ny Môrônia 10:4). Fa misy zavatra fahatelo indraindray tsy eritreretintsika: angamba tahaka ny tamin-drahalahin'i Jareda Andriamanitra dia miandry *antsika* hanapa-kevitra *irery* .

## Mandray fanapahan-kevitra

Vao tsy ela aho dia nandalo toejavatra izay nahatonga fisalasalana teo amin'ny fomba fieritreretako mikasika ny fahafahana misafidy sy ny fanambarana ho an'ny tena manokana. Rehefa namaramparana ny taonako tany an-tsekoly aho, dia nahazo tolotr'asa vitsivitsy avy tamin'ny firenena samihafa ary sarotra ny nisafidy hoe inona no horaisina. Tahaka an-drahalahin'i Jareda, dia nisy fotoana maro aho nivavaka momba ny safidy manan-danja iray dia nanome valin-teny mahitsy Andriamanitra. Noho ireo zavatra niainako ireo dia nanomboka nivavaka tamin' Andriamanitra aho mba hanampy ahy hanapa-kevitra ny amin'ny asa izay tokony horaisiko. Nanao ny anjarako ihany koa aho tamin'ny fianarana momba ireo asa tsirairay ireo sy naka torohevitra tamin'ny olona maro. Saingy na nivavaka sy nifady hanina toy ny ahoana aza aho dia nangina ny lanitra, ary tsy nahazo valiny aho.

Antomotra ihany ny fotoana farany tokony hanapahana hevitra ary nanomboka sahiran-tsaina aho. Azo antoka fa io no karazana fanapaha-kevitra izay raharahin'ny Tompo, koa nahoana ary Izy no tsy mamaly? Angamba tsy ilay asa izay safidiko no raharahiny, fa mety ny firenena izay hifindrako satria tsy isalasalana fa hisy fiantraikany eo amin'ny fiainako izany. Efa noraharahin'ny Tompo foana ny fanapaha-kevitro taloha, koa nahoana Izy no tsy hiraharaha an'ity iray ity koa?

Kanefa na dia niezaka toy ny ahoana aza aho, dia tsy mbola nisy valiny tonga. Nanomboka nanontany tena aho raha toa ka niala lavitra an' Andriamanitra ka tsy afaka maheno ny valinteniny. Nanontany tena ihany koa aho sao tsy afaka nahare satria tsy tandriko akory fa tsy *te* handre ny valiny. Farany, tamin'ny andro mialoha ilay andro farany dia fantatro fa tokony hanapa-kevitra aho, koa nampiasa ny fitsarako aho ary nanapa-kevitra. Nivavaka fotsiny aho tamin'izay alina izay nangataka raha azony lazaina amiko raha toa ka diso ny valiny azoko. Mbola tsy nisy valiny tonga hatrany. Noho izany dia niroso aho ary naka ilay asa.

Volana maro taty aoriana dia mbola nisalasala ny amin'ny fanapahan-kevitro foana aho, dia nangataka tsodranon'ny fisoronana aho mba hahazo fankaherezana. Tao anatin'ilay tsodrano aho dia nolazaina fa tsy nahazo valim-bavaka aho satria nahafaly ny Tompo izay safidy



mety noraisiko. Nanamafy torohevitra izay nomen'ny filohan'ny misiônako ahy teo aloha io tsodrano io, izay nilaza tamiko fa matetika dia tsy maninona na inona na inona fanapahan-kevitra raisintsika. Tian' Andriamanitra isika mba hianatra hijoro sy hahavita tena ary hanapa-kevitra ny amin'ny fomba tokony hiainantsika ny fiainantsika. Nampahatsiahy ihany koa ny filohan'ny misiônako fa Andriamanitra, amin'ny maha-Raintsika any An-danitra Azy, dia tsy hanazasy antsika sy haka ireo fahafahana izay nampanantenaina raha toa ka rehefa tena miezaka amin-kitsim-po mitady izay zavatra tokony hatao isika.

Afaka nanolotra izay vahaolana hampazava ireo sambo ny rahalahin' i Jareda dia ho neken'ny Tompo izany. Ny tanjon'ilay izy dia tsy hoe ny hampatanjaka ny finoan'ny rahalahan'i Jareda fotsiny ihany fa ny hianatra ny fomba handraisana fanapahan-kevitra ihany koa.

## Mampiasa ny fahafahana misafidy

Raha ny mandrakizay no banjinina dia singa iray tena ilaina amin'ny fitomboan'ny tena manokana ny fahafahana misafidy. Raha tsy misy izany dia tsy afaka mandray ireo karazana fanapahankevitra izay hanampy antsika hahatratra ilay tena maha-izy antsika isika. Ny fitomboana, tahaka ny zavatra hafa rehetra ao amin'ny filazantsara dia tonga "andalantsoratra anampy andalan-tsoratra, fitsipika anampy fitsipika" (2 Nefia 28:30). Tian' Andriamanitra ho vahoaka vonona isika, fa tsy vahoaka malazo, ary miandry antsika hampiasa ny fahafahantsika misafidy Izy mba hiaina tsara ny fiainantsika araka izay vitantsika.

Rehefa mahita ny fifandanjana eo amin'ny fahafahana misafidy sy ny fanambarana isika dia afaka miaina tena fitomboana ara-panahy. Izany no nitranga tamin-drahalahin'i Jareda. Rehefa nandinika izy dia nanao ezaka mba handrendrika vato 16 avy tamin'ny vatolampy iray ary nangataka an' Andriamanitra mba hikasika izany ka hampamiratra izany (jereo ny Etera 3:1–5). Tamin'ity indray mitoraka ity rehefa namaly Andriamanitra dia niova ny zava-drehetra. Tsy nandre ny feon' Andriamanitra tao amin'ny rahona ny rahalahin' i Jareda fa *nahita* ny Tompo kosa, izay tsy vitan'ny hoe niseho fotsiny fa naneho tamin-drahalahin'i Jareda fahitana mahavariana an'izao tontolo izao sy ny zavatra rehetra izay ho avy (jereo ny Etera 3:6–26). Mety tsy ho vonona ara-panahy handray izany fahitana izany ny rahalahin' i Jareda raha tsy niaina ilay fitomboana azony tamin'ny fandraisany manokana fanapahan-kevitra aloha.

Rehefa manapa-kevitra isika dia tena tokony hanaraka ny torohevitr'i Almà mba "[hila] hevitra amin'ny Tompo amin'ny [ataontsika] rehetra" (Almà 37:37). Rehefa mila antsika handray fanapahan-kevitra manokana ny Tompo dia hampahafantariny antsika izany ary hampiany isika tsy ho very lalana. Fa mila vonona ihany koa isika mba hijoro sy handroso amim-pinoana na misy valiny na tsy misy valiny tonga. Rehefa mitandrina ny fanekempihavanantsika isika sy mijanona ho marina amin'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy, dia afaka matoky ny fanapahan-kevitra marina ataontsika ary hahatsapa fiadanana fa faly amin'ny ezaka ataontsika ny Tompo. ■

***Monina any Utah Etazonia ny mpanoratra.***



# Fanambarana **MANOKANA** ho an'ny tena manokana

Ahoana no hanavahanao ny fanambarana ho an'ny tena manokana amin'ny eritreritrao fotsiny?



Miaina ao anaty tontolo feno fahafahana isika. Manana ny fahalalahana hisafidy samirery ny asantsika, ny fianarantsika, izay ho vadintsika, ny toerana ipetrahantsika ary ny maro hafa tsy voatanisa isika. Tena fitahiana tokoa izany ho an'ny vanim-potoana iainantsika. Kanefa etsy an-danin'izany dia vao mainka manasarotra ireny safidy ireny izany satria sarotsarotra kokoa ny mandray fanapahan-kevitra rehefa maro loatra ireo lalana sy ireo fahafahana izay mitarika ho amin'ireo zavatra tsara. Amin'ny fomba ahoana no hisafidianantsika rehefa maro ireo fahafahana tsara? Rehefa mahatsapa tena ho very sy misavorovoro saina ianao ao anatin'izany fanapahan-kevitra maro mampisavorovoro izany dia fantaro fa te hitarika anao ny Ray any An-danitra. Afaka misafidy ny lalana marina ianao ary mandray ireo valim-panontaniana katsahinao raha manaraka ny feony. Fantaro ny fomba firesahany aminao, matokia Azy, araho ny mpaminany, manàna faharetana, raiso amin'ny lafy tsarany ny zava-mitranga, ary manàna finoana ka amin'ny farany dia hovoasarika eo amin'ny lalana marina ianao.
*—Vira Vashchenko, Kyiv, Ukraine*

Nandritra ny fiainako manontolo dia nitarika ahy ny Tompo, ary fantatro fa ny zava-bitako rehetra dia noho ny Aminy sy ny fitarihany. Na dia amin'ny fotoana izay iheverako aza hoe mandeha irery aho, amin'ny farany, dia ampahafantariny ahy sy ataony tsapako fa teo mandrakariva Izy ho ahy. Izany no antony nandraisako fanapahan-kevitra ny hanohy handroso amim-pinoana na dia mahatsapa tena hoe mandeha samirery aza aho. Ho ahy dia misy fotoana tsy mazava foana ny lalan-kizorako ary tsy hitako mandrakariva ny zava-miandry ahy amin'ny hoavy, saingy mahatsapa foana aho fa nanao safidy tamim-pahatokiana ary avy eo dia manomboka mahita ny fahazavana aho ary mahita ny tanan' Andriamanitra eo amin'ny fiainako. Fantatro fa tia antsika ny Raintsika any An-danitra sy i Jesoa Kristy Zanany ary vonona ny hitarika antsika Izy ireo saingy andrasan'Izy ireo amintsika ihany koa ny hametrahantsika ny fitokiantsika amin'izy ireo ary ny hanaovantsika asa mifanaraka amin'ny fitaomana avy amin'ny Fanahy raisintsika.
*—Indhira Mejia, Repoblika Dominikana*

HOSODOKO NATAON'I BRIAN KERSHISNIK



Araka ny eritreritro dia iray amin'ireo fomba mahagaga indrindra tsy maintsy fehezintsika ny fahafahantsika mamantatra ilay bitsika malefaky ny Fanahy Masina. Ny fandalinana amim-pahazotoana ny soratra masina no nanosika ahy ho lasa mahay mifehy izany bebe kokoa. Hatramin'izay aho dia nino fa ny olona izay mikatsaka amim-pahazotoana dia hahita; ary ireo misterin' Andriamanitra dia hovelabelarina aminy amin'ny alalan'ny herin'ny Fanahy Masina (jereo ny 1 Nefia 10:19). Raha lazaina amin'ny teny hafa dia raha tiako ny hamantatra ny Fanahy dia tsy azoko atao ny mamela ny tenako hotarihan'ny eritreritra tsy manjary na ireo olana andavanandro, kanefa ho solon'izany dia mila mirotsaka amin'ny asa aho ary tsy mifantoka amin'ny fanirian'ny tenako manokana aho. Mitranga izany rehefa afaka mamantatra bebe koa ny Fanahy aho satria vonona ho amin'izany aho! Tahaka ny tsy ahafahan'ny sambo iray mamakivaky mora foana ny oram-baratra iray no tsy ahafantsika maheno ny Fanahy raha mifantoka amin'ireo ahiahim-piainana izay tsy voafehintsika isika.

*—Emmanuel Borngreat Dogbey, Accra, Ghana*

Rehefa nihalehibe aho dia nianatra ny fomba niresahan'ny Fanahy tamiko. Miresaka amiko amin'ny alalan'ny eritreritra tsotra ny Fanahy. Nitaky fanazarana nisinisy izany mba hahatonga ahy ho zatra, kanefa mazàna ny Fanahy no tonga amiko ao amin'ny toerana mangina, tahaka ny rehefa mamily fiara ho any am-piasana aho. Fantatro fa tsy ny eritrerito izany satria matetika ny Fanahy no manome ahy fitaomam-panany tampoka rehefa tsy nieritreritra momba ilay lohahevitra akory aza aho.

*—Clarissa Mae Taylor, Utah, Etazonia*


Ao amin'ny fianakaviana kelinay dia mahafantatra ny Fanahy izahay noho ny fiadanana izay tsapanay, indrindra fa izaho sy ny vadiko miaraka. Rehefa ny eritreritray fotsiny izany, dia tsy tsapanay na oviana na oviana hoe mety izany zavatra izany, tsy maintsy misy ahiahy na tahotra foana ao ambadik'izany. Saingy rehefa fanambarana izany dia mahatsapa fiadanana hatrany izahay, eny na dia miezaka ny manamarin-tena aza izahay ary na dia toa tsy misy takatray aza ny zava-drehetra any am-boalohany. Rehefa manaraka an-tsakany sy an-davany ilay fanambarana izahay dia hitanay hatrany fa mizotra miadana sy mandeha misosa ny zava-drehetra. Izany no fotoana ifampijerenay sady miteny hoe "Hay, mazava amin'izay!"

*—Maryana Wright, Utah, Etazonia*



Na dia mety ho amin'ny fomba maro samihafa aza no handraisantsika fanambarana ho an'ny tena manokana dia misy zavatra iray izay tsy azo isalasalana fa marina: miresaka matetika amintsika Andriamanitra. Ilaintsika fotsiny ny manam-piniavana ny hanao ezaka mba hampitomboana ny fahafahantsika mamantatra sy mandre ny feony. Araka ny torohevitry ny Filoha Russell M. Nelson hoe: "Mivavaha amin'ny anaran'i Jesoa momba ny zavatra manahirana ny sainareo, ny tahotrareo, ny fahalemenareo, eny, ny zavatra tena irin'ny fonareo. Dia mihainoa avy eo! Soraty ny eritreritra izay tonga ao an-tsainareo. Raketo an-tsoratra ny zavatra tsapanareo ary araho asa izay bitsihin'ny Fanahy aminareo fa tokony hataonareo. Rehefa mamerimberina izany dingana izany ianareo isan'andro, isam-bolana, ary isan-taona, dia-hitombo ny fahaizanareo mampihatra ny fitsipiky ny fanambarana-" ("Fanambarana ho an'ny Fiangonana, fanambarana ho an'ny fiainantsika," *Liahona,* mey 2018, 95). ■





## Tamin' izaho

nandeha voalohany tany amin'ny Lycée dia nisy zavatra iray nanahirana ahy: rehefa lohahevitra iray vaovao naroso dia hitako sarotra ny mahatakatra izany. Indray takariva dia nivavaka tamin'ny Ray any An-danitra aho mba hanampy ahy hahatakatra sy handresy izany olana izany. Nanam-pinoana aho ary dia afaka nahatakatra tsara kokoa. Nanomboka tamin'izay ny vavaka sy ny finoana dia tafiditra foana ao anatin'ny zavatra ataoko any an-tsekoly sy izay rehetra alehako.

Manahirana ny ao amin'ny sekolin-jazalahy noho ireo zavatra feno fahavetavetana ataon'ireo mpianatra. Rehefa mitranga izany dia tonga ao an-tsaiko ny tenin'ny ray amandreniko manao hoe: "Aza manao zavatra izay hahatonga ny Fanahy Masina ho lavitra anao." Feno fankasitrahana an-dreniko aho izay mampahatsiahy ahy foana mba hihaino ny Fanahy Masina. Rehefa manao ny marina isika dia mitahy antsika Andriamanitra.

**Nyame S.,** 16 taona, Ghana

# ZATOVO

### ATO AMIN'ITY FIZARANA ITY






52 **Mikatsaka fiadanana ho an'ny tenanao sy ho an'ny hafa mandritra ny fotoan-tsarotra**
Nosoratan'i Alex Hugie sy i Aspen Stander

54 **Hazakaza-davitra ny fiainana**
Nosoratan'i Sally Johnson Odekirk

60 **Fanontaniana sy valiny: Ahoana no ahafahan'ny tsodranon'ny patriarika noraisiko manampy ahy handray fanapahan-kevitra?**

62 **Manandrana fombafomba fanao vaovao amin'ny Paska**
Nosoratan'i David Dickson

64 **Ny teny farany: Ny fomba lehibe indrindra nanehoana ny fitiavan' Andriamanitra**
Nosoratan'ny Filoha M. Russell Ballard

# MIKATSAKA FIADANANA

Indraindray dia misamboaravoara ny fiainana. Mety hiahiahy ny amin'ny olana ao amin'ny fianakaviana ianao, na olana arapahasalamana, na olana any an-tsekoly, na ireo tranga maro izay manahirana eto amin'izao tontolo izao ankehitriny. Ahoana no ahitantsika fiadanana ho an'ny tena manokana ato anatin'ny tontolo mikorontana? Na avy amin'ny trangan-javatra tsy voafehinao na avy amin'ny zavatra voafehinao na azonao ovaina no mahatonga ny tsy fisian'ny fiadanana any aminao dia indreto misy hevitra vitsivitsy mba hanampiana anao hahita fiadanana anaty amin'ny alalan'i Jesoa Kristy.

## FOMBA 4 HAHITANA FIADANANA HO AN'NY TENANAO MANOKANA

### 1. Mifantoha amin'ny mandrakizay

Sarotra ny mahatsapa fiadanana rehefa mifantoka amin'ireo olana mandalo ianao. Fa rehefa mifantoka amin'ny fomba fijery mivelatra kokoa ianao, dia ny drafitry ny fahasambarana izany, dia afaka mahita fiadanana amin'ny fahafantarana fa ny zavatra mandratra amin'izao fotoana izao dia tsy haharitra mandrakizay. Ohatra, ny tempoly dia manampy antsika hifantoka amin'ny mandrakizay. Nampianatra ny Filoha Gordon B. Hinckley (1910–2008) fa ao amin'ny tempoly dia "hahafantatra fiadanana izay tsy ho hitanao na aiza na aiza ianao."[1]

### 2. Aza miahiahy ny amin'ny zavatra tsy voafehinao

Rehefa manala ny fiadananao ny zavatra izay tsy voafehinao dia mila ho kivy sy tezitra ianao. Saingy tsy manampy ny mifantoka amin'ny zavatra izay tsy azonao ovaina. Manakaikeza kosa ny Mpamonjy mba hahita fiadanana anaty na dia efa tsapanao aza fa tsy rariny ny fiainana. Efa nampanantena anao Izy fa handefa ilay Mpampionona, dia ny Fanahy Masina (jereo ny Jaona 14:26–27).

### 3. Mamelà heloka ny hafa

Matetika ny zavatra tena sarotra hadinoina dia ny zavatra ratsy tsapanao rehefa nisy olona nanao ratsy anao. Saingy ny Loholona Dieter F. Uchtdorf ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambonifolo dia nampianatra hoe: "Hahazo ny fifaliana avy amin'ny famelan-keloka eo amin'ny fiainantsika isika rehefa vonona ny hizara maimaim-poana izany fifaliana izany amin'ny hafa. . . . Vokatr'izany, ny Fanahin'ny Tompo dia hameno ny fanahintsika amin'ny fifaliana miaraka amin'ny fiadanan-tsaina avy amin' Andriamanitra (jereo ny Môsià 4:2–3)."[2] Ny fitodihana any amin'ny Mpamonjy dia afaka manampy anao hanala ireo enta-mavesatra ara-pihetseham-po ka ho feno fiadanana.

### 4. Mibebaha ary miantehera amin'i Kristy

Na inona na inona zavatra tsara mitranga amin'ny fiainanao, ny fitondrana ny enta-mavesatry ny fahotana dia haka ny fiadananao foana. Indraindray isika dia mila ny evekantsika mba hanampy antsika hibebaka tanteraka. Saingy isika rehetra dia mila mibebaka tsy tapaka ka amin'ny alalan'ny Sorompanavotan' i Jesoa Kristy dia ho voadio amin'ny zava-drehetra izay mihazona antsika tsy ho lasa tahaka Azy kokoa.





# ho an'ny tenanao sy ho an'ny hafa mandritra ny fotoan-tsarotra

**Nosoratan'i Alex Hugie sy i Aspen Stander**
Gazetibokin'ny Fiangonana

***Indreto misy fomba valo hanampiana anao sy ny hafa hahatsapa fiadanana rehefa mihasarotra ny fiainana.***



SARY LAFIKA SY SARY AVY AMIN'NY GETTY IMAGES

## FOMBA 4 HANAMPIANA NY HAFA HAHITA FIADANANA

### 1. Zarao ny filazantsaran'i Jesoa Kristy

Tahaka ny ahafahantsika mahita fiadanana ho an'ny tenantsika amin'ny fifantohana amin'ny Mpamonjy dia afaka manampy ny hafa hahita Azy ho "mpanorina fiadanana" isika (Môsià 15:18). Ohatra, miezaha mizara soratra masina iray na teny iray avy amin'ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany izay nanampy anao hianatra bebe kokoa momba an'i Jesoa Kristy.

### 2. Mijoroa ho mpampihavana

Ampio ny namanao na ny mpiray tampo aminao hamaha ireo fifandonana. Tahaka ireo Antia-Nefia-Lehia ao amin'ny bokin'i Almà, dia afaka mandevina ny fiadiana fitondra miady isika, fiadiana tahaka ny fifosana, na ny fikatsahana valifaty, na ny fitiavan-tena, ka manolo izany ho fitaovana mitondra fiadanana: firesahana amin-katsarampanahy, fankatoavana ireo didin' Andriamanitra, ary famelana ny hafa (jereo ny Almà 24:19).

### 3. Mahaiza mihaino

Indraindray ireo olona manana olana dia mila miresaka malalaka momba ny eritreriny sy ny fahatsapany fa tsy mihazona izany ao anatiny. Tsy voatery hamaha ny olany isika fa afaka mihaino fotsiny ny olany ary hitondra fanampiana, sady maneho ny fitiavana tahaka ny an'i Kristy sy ny fahatakarany.

### 4. Manompoa ny olona ao amin'ny paroasy sy ny fiarahamonina misy anao

Afaka manao asa an-tsitrapo any amin'ny akany mikarakara ireo tsy manan-kialofana ianao, na mampianatra mpiara-mianatra, na mitondra vatomamy amina fianakaviana vaovao miara-monina aminao. Ampio ny olona hahita fiadanana amin'ny zavatra madinika. Ny fananana toerana fihinanana sy fatoriana, na ny fananana mpampianatra azo antoka, na ny fahazoana antoka kely fa misy olona miraharaha dia misy fiantraikany lehibe.

Nilaza ireto teny fankaherezana ireto i Jesoa ho an'ireo rehetra izay sahirana mitady fiadanana: "Ny fiadanako no avelako ho anareo, ny fiadanako no omeko anareo: tsy tahaky ny fanomen'izao tontolo izao, no fanomeko anareo. Aza malahelo na matahotra ny fonareo" (Jaona 14:27). Rehefa mitondra ny tenantsika sy ny hafa ho akaiky kokoa an'i Jesoa Kristy isika dia afaka mahita fiadanana, eny fa na dia mihasarotra aza ny fiainana. ■

**FANAMARIHANA**
1. Gordon B. Hinckley, in "Rejoice in the Blessings of the Temple," *Liahona,* des. 2002, 33.
2. Dieter F. Uchtdorf, "Point of Safe Return," *Liahona, mey 2007, 101.*



# HAZAKAZA-DAVITRA



# NY FIAINANA

*Ankehitriny ireto zatovo Olomasin'ny Andro Farany ireto dia miaina any amin'ny toerana izay nonenan'ny Paoly Apôstôly tamin'ny vaninandron'ny Testamenta Vaovao. Ary miaina araka ny teniny izy ireo.*


**Nosoratan'i Sally Johnson Odekirk**
Gazetibokin'ny Fiangonana

V`olana vitsivitsy lasa izay ny kilasin'ny seminera iray no nivory teo amin'ny Havoana Marsa, akaikin'i Atena ao Gresy, toerana izay nanaovan'i Paoly Apôstôly toriteny mahery vaika (jereo ny Asan'ny Apostoly 17:22–34). Niresaka momba ny fiantraikan'ny seminera teo amin'ny fiainany ireo mpianatra ary anisan'izany ireo fampianaran'i Paoly.

"Mampiaina ny Testameta Vaovao ny mipetraka eto Gresy," hoy i Alexis H., 18 taona. "Tian'ny raiko ny mijery ireo toerana rava isan-karazany izay nampianaran'i Paoly ary hizara soratra masina iray na hitantara aminay tantara iray momba ny toerana nitrangan'ilay tantara izy."

Tahaka ny niatrehan'i Paoly fahasarotana tamin'ny androny, ireo tanora eto Gresy ihany koa dia miatrika olana ara-piaraha-monina sy ara-pôlitika ary ara-toekarena. Ireo fihaonamben'ny Zatovo sy ny lasin'ny Zatovovavy dia hetsika tsy fahita firy eto Gresy ary mety ho mananosarotra ny manatrika seminera. Na dia eo aza ireo fahasarotana ireo sy ny hafa, ny zatovo ao Gresy dia mampihatra ilay fankaherezan'i Paoly mba ho "maharitra amin'ny amin'ny fanahy iray ka miray fo hiara-miezaka hampandroso ny finoana ny filazantsara" (Filipiana 1:27).

Ny hoe miaina ao Gresy dia midika fa ireto zatovo mpikambana ireto dia afaka mankafy ny toetr'andro mafana, ny moron-tsiraka, sy ny sakafo ary ny dihy. Tena ankafizin'izy ireo ihany koa ny mihaona. Rehefa mihaona mandritra ny seminera sy ireo fiarahamientan'ny sampana izy ireo dia lasa mafy orina kokoa amin'ny finoana sy amin'ny finamanana.




*"Nianatra aho fa ny filazantsara dia mitovy na aiza na aiza. Tamin'izaho niaina tany ivelany no nianatra nifantoka amin'ireo fahamarinan'ny filazantsara sy nahatsapa ny Fanahy toy izay ho variana amin'ny kolontsaina."*
**— Bryana W., 15 taona**



*"Nosoratako teo amin'ny fitaratro ny teny hoe tsarovy mba hahatsiarovako ireo zava-drehetra nitranga tamin'ity taona ity: ny RTM, ny lasin'ny Zatovovavy, ny seminera. Manampy ahy hahatsiaro izany hoe avy aiza aho."*
**—Marie H., 17 taona**



*"Fantatro fa rehefa manatrika seminera aho dia afaka mahatsapa fahafaham-po noho ny fahafantarako fa manao izay tokony hataoko aho ary fantatro fa HILAMINA ny zava-drehetra."*
**—Lizzie T., 17 taona**



*Tany amin'ny lasin'ny Zatovovavy i Loukia C., 15 taona, no nijoro ho vavolombelona voalohany ary natao batisa avy eo.*




*Andiana mpianatra seminera eo anoloan'ny trano fiangonan'i Atena.*

SARY NAHAZOANA LALANA AVY TAMIN'I LEEANN HEDER

## Seminera eo amin'ny Havoana Marsa

Tamin'ny nanombohan' ny seminera tany Gresy taona vitsivitsy lasa izay dia tsy nahitana mpianatra afa-tsy dimy monja tao. Mihaona in-telo isan-kerinandro izy ireo izay atao ny maraina ka ny sasany dia manatrika amin'ny alalan'ny fifandraisan-davitra amin'ny alalan'ny internet. Mihaona ihany koa izy ireo isaky ny Alarobia tolakandro manao seminera arahina fiaraha-mientana iray avy eo. Lasa nifanakaiky bebe kokoa izy ireo ary lasa fahazavana ho an'ny naman'izy ireo izay mahita ny ohatra asehon'izy ireo. Rehefa mametraka fanontaniana ny naman'izy ireo dia entin'ireo zatovo manatrika seminera sy fiaraha-mientana ifampizarana izy ireo.

Nisy zatovolahy antsoina hoe Pavlos K. 15 taona nilaza hoe: "Ny fanatrehana seminera dia fomba tsara iray hanombohana ny andro ary manampy ahy ho matanjaka hatrany. Manampy ahy hifantoka amin'ny maha-ohatra ho an'ny hafa ahy izany. Izany dia manampy ahy hanomboka ny andro amin'ny fieritreretana momba an'i Jesoa Kristy."

Rehefa mitombo tanjaka sy firaisan-kina ny zatovo dia tonga ireo fitahiana sy fahafahana. Ohatra, tamin'ny 2017 dia nanana fahafahana izy ireo nanatrika ny Ry Tanora, Mahereza (RTM), fihaonambe iraisam-paritra ho an'ny tanora. Ireo zatovovavy ihany koa dia nandray anjara tamin'ny lasin'ny Zatovovavy voalohany indrindra teto Gresy. Vokatr'izany dia vao mainka nifanakaiky bebe kokoa izy iray vondrona ary nisy zatovovavy anankiroa niditra ho mpikamban'ny Fiangonana.

## Ry Tanora Mahereza: Fihaonambe iraisam-pirenena

Ny fihaonambe natao tao Alemanina dia nampifandray zatovo Olomasin'ny Andro Farany manerana an'i Eoropa. Ireo tanora avy ao Gresy sy Kiprosy dia avy tany amin'ny kilometatra maro ary nisy fiantraikany lalina teo amin'izy ireo ny zavatra niainany tamin'ilay fihaonambe. Ho an'i Maximos A., 14 taona, "ny zavatra nisongadina indrindra nandritra ny RTM dia ny fotoana nizaranay ny fijoroanay ho vavolombelona ananananay. Nahatsapa ny Fanahy avokoa ny rehetra ary izany dia nitaona ahy hampitombo ny ahy manokana."

"Tamin'ny voalohany dia zatovo efatra fotsiny no hoe handeha," hoy i Loukia C, 15 taona, "saingy tamin'ny farany dia nisy 15 no nanatrika, izay isa betsaka indrindra, anisan'izany ny namana tsy mpikambana niisa 3."

"Tena tsara loatra ny hoe tafaraka amin'ny toerana iray izay misy filazantsara iraisana ary koa hoe tsy maningana amin'ny olona manodidina anao ianao. Niray hina izahay ary nitovy ny Fanahy tsapanay. Nanampy ahy ireny zavatra ireny."

"Tsy mpikambana ny raiko ary tsy hamela ahy ho any amin'ny RTM na hatao batisa izy," hoy i Jesiana, 16 taona. "Saingy rehefa nifady hanina ho ahy ireo mpikambana tao amin'ny sampana

dia niresaka tamin'ny raiko ny renibeko. Rehefa izany dia nalefany nandeha aho!"

Tany amin'ny RTM izy dia niaina fisantaranjavatra maro, toy ny hoe "ny fandraisana anjara tamin'ny lesona sy ireo fiaraha-mientana ary ny fijoroana ho vavolombelona dia nanampy ahy hahatakatra hoe ahoana marina izany mahatsapa ny Fanahy Masina izany. Tsy mbola nahatsapa ny Fanahy toy izany aho taloha ary tena faly sy mientanentana be aho. Izany no fotoana voalohany nizarako ny fijoroana ho vavolombelona ananako."

Ankoatra ny fivokisana ara-panahy dia afaka nitsotsotra sy niala voly niaraka ihany koa ireo zatovo tamin'ny fihaonambe. I Haig T., 14 taona dia avy any Kiprosy no tonga nanatrika ny fihaonambe. "Nianatra ny hahay mifandray aman'olona sy hanana finamanana tena izy ary ny mba hiala voly aho na dia ao anatin'ny fotoantsarotra aza."

## Ny lasin'ny Zatovovavy

Nitondra vokany nitovy tamin'izany ny lasin'ny Zatovovavy. Zatovovavy roa ambin'ny folo no nihaona tamin'ny mpitarika azy ireo teo akaikin'ny toerana fiadiana ny amboaran'ny hazakazadavitra. Telo andro no niarahan'izy ireo nianatra ny mba ho toky sy andry ho an'ny tsirairay avy amin'ny tanjaka sy ny fampaherezana.

"Tamin'izaho 12 taona," hoy i Loukia, "no nandeha nivavaka voalohany dia faly be aho saingy tsikaritro avy eo fa izaho irery no tao amin'ny sokajin-taona nisy ahy. Ankehitriny, roa taona aty aoriana dia manana zatovovavy be dia be izahay ary sambany izahay no afaka nanao lasin'ny Zatovovavy." Rehefa mihaona izy ireo dia hoy izy "tsapako hoe inona no atao hoe Olomasin'ny Andro Farany. Rehefa miaina ny filazantsara isika dia misy hazavana manodidina antsika."




*Eny an-dalana ho any amin'ny RTM tany Stuttgart, Alemana.*



*Ao amin'ny fivoriamben'ny RTM, manonona ny teny hoe "mangataka" ao amin'ny Jakoba 1:5.*

"Miorina mafy ka iray fanahy sy saina."

Filipiana 1:27





*Irini S. miseho an-tsehatra tamin'ny RTM.*



*"Tany amin'ny RTM no nanombohanay ho lasa vondrona iray ary nampatanjaka anay izany. Nanampy tamin'ny famolavolana sy ny fitondrana fiovana tamin'ireo fandaharam-pianaran'ny zatovo tany Gresy izany satria ankehitriny izahay dia lasa nifankahafantatra tsara lavitra kokoa."* **—Alezis H., 18 taona**



*"Ny fihirana teny ambonin'ny sehatra tamin'ny RTM no iray tamin'ireo zavatra maneho herim-po indrindra vitako ary iray tamin'ireo fotoana niavaka indrindra nananako hatrizay. Ankehitriny aho dia nianatra ny maha-manandanja antsika eto amin'ity tontolo tsara tarehy ity."* **—Irini S., 17 taona**



*"Ny ampahany tiako indrindra tamin'ny RTM dia ny fanatanjahantena sy ny dihy ary ny fivorian'ny vondrona, izay fampaherezam-panahy sy fampahatsiahivana atao isa-maraina. Nanampy ahy ho lasa afaka manampy sy ho manampaharetana bebe kokoa izany ary nanampy ahy ho tia ny soratra masina bebe kokoa."* **—Haig T., 14 taona**



*"Tany amin'ny lasin'ny Zatovovavy aho dia nianatra fa ny fiainana dia toy ny hazakaza-davitra. Nanampy ahy nampitombo ny finoako ny fahafantarako fa isika dia afaka mitozo eo amin'ny lalana marina toy ireny hoe manao hazakaza-davitra ireny isika. Izany traikefa izany dia manampy ahy hampitombo ny fijoroana ho vavolombelona ananako sy hitohy hanam-pinoana ary hijanona eo amin'ny lalana marina."*
**—Winifred K., 14 taona**

# "Hazakaza-davitra ny fiainana fa tsy hazakazaka mitaky hafainganam-pandeha."

Lohahevitry ny lasin'ny Zatovovavy



*Hazakaza-davitra nataon'ireo zatovovavy tao Gresy.*




*"Samy miavaka avokoa isika rehetra tahaka ny mampiavaka ny tsirairay avy amin'ireo vato kilonjy eny amoron-tsiraka."* **—Bryana W.**



*"Nitondra fanahin'ny fiadanana sy ny hatsarana ny fijerevana ny fiposahan'ny masoandro."* **—Lizzie T.**

Ho an'i Bryana W., 15 taona, ny RTM sy ny lasin'ny Zatovovavy dia nanampy azy hisokatra sy hiresaka amin'ny hafa. "Mifindra-findra matetika ny fianakaviako ka sarotra ho ahy ny hanana fifandraisana amin'ny hafa noho izaho saro-kenatra," hoy izy. "Saingy noho izaho lasa nifanakaiky tamin'ireo vondrona nisy anay tany amin'ny RTM dia nanana namana tena tsara aho. Nandritra ilay fotoan'ny fijoroana ho vavolombelona dia nizara ireo fahatsapanay avy izahay ary tsapako tamin'izay fa nahatsapa ny zavatra tsapako ihany koa ny hafa."

Tsaroan'i Marie H., 17 taona, ny lohahevitry ny lasy: "Hazakaza-davitra ny fiainana fa tsy hazakazaka mitaky hafainganam-pandeha." Ireo zatovovavy sy ireo mpitarika azy ireo dia nifampiresaka ny amin'ny maha-zava-dehibe ny faharetana sy ny famitana ny hazakazaka, hoy izy. "Nampahatsiahy ahy izany fa izaho dia afaka maharitra, sy mandeha amin'ny hafainganam-pandeha izay azo tohizana amin'ny fotoana maharitra sy mifantoka eny amin'ny faritra tokony hahatongavana. Amin'izany aho dia afaka ny manatanteraka ireo zavatra asain'ny Ray any An-danitra ataoko."

Iray tamin'ireo ampahany tsara indrindra tamin'ny lasy ny fampaherezam-panahy tamin'ny fiposahan'ny masoandro teny amoron-dranomasina tamin'ny maraina farany tamin'ny lasin'izy ireo. Hoy i Lizzie T., 17 taona hoe "Nentinay ny soratra masinay ary nanao ny fampaherezam-panahy izahay no nitazana ny masoandro miposaka. Nahatsapa ny fitiavan' Andriamanitra izahay. Famaranana tsara ho an'ny fotoana nifampizaranay izany."

## Miomana am-pahatokiana hiatrika ny hoavy

"Tamin'ny RTM sy ny lasin'ny Zatovovavy no nianarako zavatra be dia be tokoa momba ny filazantsara sy ny fomba ahafahan'izany manampy ahy eo amin'ny fiainako," hoy i Irini S., 17 taona. "Nahazo namana be dia be aho sady nianatra ny maha-zava-dehibe ny fanehoana ny hevitro sy ny fahatsapako. Nahatsapa lalina ny Fanahy Masina sy ny fitiavan'i Jesoa Kristy Mpamonjy antsika aho."



*Lasin'ny Zatovovavy, 2017, voalahany indrindra tao Gresy.*

Nampantanjaka ny fahatokian-tenany hoy izy ny naha-voahodidina Olomasin'ny Andro Farany azy. "Talohan'ny RTM aho dia tsy afaka nahita ny hatsarana sy ny hamevan'ireo zavatra nataon' Andriamanitra ho antsika sy ireo drafitra izay mbola hataony ho antsika."

"Tsy tokony ho voasariky ny olona na zavatra hafa manodidina antsika izay mitady ny hisintona antsika tsy hiaina ny filazantsara isika," hoy i Manasseh A., 17 taona. "Na aiza na aiza dia mitovy ny filazantsara ka tokony hiezaka hatrany isika hanao safidy tsara."

Ary na any Gresy izany na any amin'ny toerankafa eto amin'izao tontolo izao, ny fiarahana eo amin'ny lalana dia manome antsika fahafahana hiray hina ao amin'ny fanahy. ■

## Ny Fiangonana ao Gresy

Tamin'ny fiandohan'ny taona 1900 tany ho any i Rigas Pofantis, mpanao printy avy ao Atena, dia nandefa fangatahana fampahalalana tamin'ireo mpitarika tao amin'Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany. Ny filohan'ny misiônan'ny Fiangonana tao Turquie no nampianatra an'i Pofantis, izay natao batisa tamin'ny ôktôbra 1905.

Tsy dia nisy fitomboana firy teo amin'ny Fiangonana tany Gresy mandra-pahatogan'ny fotoana izay nanorenan'ireo mpikamban'ny Fiangonana izay Grika-Amerikana tany Salt Lake City, Utah, Etazonia, ny fiaraha-monina Olomasin'ny Andro Farany Helenika mba hitehirizana ny lovan'izy ireo sy hitazomana ny fifandraisan'izy ireo tamin'ny tanindrazany.

Nanangana fiangonana kely tao Atena ireo mpitarika ao amin'ny Fiangonana tamin'ny 1965 ary naverina narafitra izany tamin'ny 1967. Naorin'izy ireo ny Misiônan'i Gresy, Atena tamin'ny jolay 1990 ary novitainy ny fanorenana ny trano fiangonana voalohany tao Gresy ny mey 1999.






*Atena, Gresy, trano fiangonana ao Halandri*

**Isan'ny mpikamban'ny Fiangonana:** 802

**Vondrona mpiangona:** 3

SARY FAMANTARANA NY BATISA SY NY FIANGONANA AVY AMIN'NY GETTY IMAGES



*"Tena tiako mihitsy ny nahita hoe tahaka ny ahoana izany hodidinin'ny zatovo izay mitovy finoana amin'ny tena izany. Tsapako ho nanana fifandraisana tamin'ny fomba niavaka izany izahay rehetra, mihoatra ny hoe mifankahafantatra fotsiny."*
**—Pavlos K., 15 taona**



*"Faly aho fa nanana fahafahana nihaona tamina zatovo hafa izay miaina ny zavatra mitovy amin'ny iainako isan'andro."*
**—Joshua K., 17 taona**



*"Ny RTM sy ny lasin'ny Zatovovavy dia ahatsapana zavatra mitovy na aiza na aiza alehanao eran'izao tontolo izao. Tiako ny lasin'ny Zatovovavy izay kelikely satria mora kokoa ny fifandraisana."*
**—Olivia H., 15 taona**



*"Tsy mpikamban'ny Fiangonana aho saingy izaho kosa dia tonga isan-kerinandro amin'izay ahafahako. Tiako be ny foto-kevitra ijoroan'ireo zatovovavy."*
**—Irene C., 14 taona**



# “Ahoana no ahafahan’ny tsodranon’ny patriarika noraisiko manampy ahy handray fanapahan-kevitra?”

*“Ny tsodranon’ny Patriarika dia fanambarana iray ho an’ny mpisitraka, eny, izany dia loharanompitarihana mandritra ny fiainan’ny olona iray mba hiaro, sy hitaona, ary handrisika azy hanao zavatra sy ho amin’ny fahamarinana. Ny tsodranon’ny patriarika dia mirakitra ara-bakiteny toko maro avy ao amin’ny boky mirakitra ireo zavatra rehetra azonao atao any amin’ny mandrakizay. . . .*

*“. . . Izany dia Liahonan’ny hazavana mba hitarika anao tsy ho very ho any amin’ny fonenanao any an-danitra.”*


Filoha Thomas S. Monson (1927–2018), “Your Patriarchal Blessing: A Liahona of Light,” *Ensign,* Nov. 1986, 65, 67.



### Ny Liahona an’ny tenantsika manokana

Iray amin’ireo fomba hanampian’ny Ray any Andanitra antsika hahafantatra ny maha-izy-azy antsika tany amin’ny fiainana talohan’ny nahaterahana sy mandritra ny fiainana an-tany ary any amin’ny mandrakizay ny tsodranon’ny patriarika. Ny fahafantarana ireo fahamarinana telo momba ny tenantsika ireo dia manampy antsika hanaraka ny drafitr’ Andriamanitra ho antsika. Fantatsika hoe iza isika, nahoana isika no ety an-tany, ary aiza no mety hahatongavantsika. Tahaka ny niasan’ny Liahona arakaraka ny finoana sy ny fahazotoan’i Nefia sy ny fianakaviany tamin’ny fanarahana ny torohevitra avy amin’izany (jereo ny 1 Nefia 16:28), isika ihany koa dia afaka ny ho mahatoky sy mazoto amin’ny fanarahana ny Liahona an’ny tenantsika manokana sy ny torohevitra avy amin’izany izay hitarika antsika ho amin’ny fahafahantsika ho tonga tahaka an’ Andriamanitra.


***Elder Utai, 20 taona, Misiônan i Arzantina Salta***



### Fomba fijery mibanjina ny mandrakizay

Isaky ny mahatsapa tena ho very hevitra aho amin’ny fandraisana fanapahan-kevitra dia mitodika amin’ny tsodranon’ny patriarika nomena ahy ary misaintsaina ireo fanambarana avy amin’ Andriamanitra raketin’izany. Avy eo dia lasa mora ny fandraisana fanapahan-kevitra. Tsy vitan’ny hoe manampy ahy hiaritra ny fiainana an-tany sy hioty ireo fitahiana nampanantenaina izany fa mampahatsiahy ahy ihany koa ny hanomanako ny tenako mba ho mendrika ny hiditra ny fanjakan’ny Tompo indray andro any. Izany dia manampy ahy tsy tapaka hitombo ao amin’ny finoana sy fahatokiana ny sitrapon’ny Tompo ary hiaina amin’ny fomba fijery mibanjina ny mandrakizay.

***Abegail F., 18 taona, Cagayan Valley, Filipina***



### Torohevitra avy any an-danitra

Ny tsodranon'ny patriarika nomena ahy dia manome ahy torohevitra avy amin'ny Raiko any An-danitra. Rehefa manaraka izany torohevitra izany aho dia fantatro fa hahazo fanambarana amin'ireo fanapahan-kevitra ilaiko raisina. Valiny ny sasany amin'ireo fanontaniako ary mialoha ny hametrahako azy ireny mihitsy aza.

***Cami H., 16 taona, Utah, Etazonia***

### Mihaino ny Fanahy

Raha mitady fampiononana sy fitarihana na valinteny ho an'ny fanontaniana mavaivay ianao dia azonao entina ambavaka amin-kitsim-po izany ary vakio amin-kitsim-po ny tsodranon'ny patriarika nomena anao eo am-pihainoanao ny Fanahy. Manampy ihany koa ny mandalina ny soratra masina. Mino aho fa raha manao izany omban'ny tena finoana ianao dia hamaly anao amin'ny fotoany sy amin'ny fomba tsara indrindra ny Tompo.

***Kezia B., 15 taona, Hawaii, Etazonia***

### Fitahiana nampanantenaina

Ny tsodranon'ny patriarika dia manambara amintsika ny zavatra tian' Andriamanitra hitahiana antsika. Omeny fampitandremana isika ary hazavainy ny fomba ahafahantsika ho tonga bebe kokoa tahaka Azy. Rehefa fantatsika ny zavatra ananan'ny Ray any An-danitra ho antsika sy ny fomba hahazoana izany dia hisafidy sy hanao asa mifanaraka amin'izany isika mba hahazoana izany.

***Hunter H., 18 taona, Utah, Etazonia***

*Ireo valin-teny dia natao ho fanampiana sy ho fanoroan-kevitra fa tsy fanambarana ôfisialy ny fotopampianaran'ny Fiangonana.*



## Amin'ny maha-zatovovavy ahy dia tokony hifantoka bebe kokoa amin'ny fianarana sy asa ve aho sa amin'ny fahatongavana ho vady sy reny?

Fantatsika fa "ny fianakaviana no fototry ny drafitry ny Mpahary" ary "ny reny no tompon' andraikitra voalohany amin' ny fikarakarana ny zanany."[1] Ary fantatsika ihany koa fa noho ny antony tsara maro samihafa, ny lehilahy sy ny vehivavy dia notoroan'ny mpaminany hevitra mba hianatra.[2] Ankoatra izany dia fantatsika fa vehivavy maro no no mila miditra na te hiditra eo amin'ny sehatry ny asa.

Nilaza ny Filoha Dallin H. Oaks, mpanolotsaina voalohany ao amin' ny Fiadidiana Voalohany, fa ho an'ny vehivavy dia tsy eo amin'ny fianakaviana sy ny fianarana sy ny asa no mipetraka ny safidy. "Ny fotoana no tokony hosafidiantsika" hoy izy. "Ary mikatsaka ny aingam-panahy avy amin'ny Tompo sy ny fampianaran'ireo mpanompony isika rehefa manao izany."[3]

Manaova drafitra hahafahana mianatra, ary manaova drafitra hananana fianakaviana. Afaka manao drafitra ny hanana asa ihany koa ianao. Ao anatin'izany rehetra izany dia ny fanarahana ny drafitry ny Ray any An-danitra sy ny fikatsahana ny sitrapony no tokony hifantohanao.

**FANAMARIHANA**

1. "Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an'izao tontolo izao," familyproclamation.lds.org.
2. Jereo ny *Jeunes, soyez forts* (2011), 9.
3. Dallin H. Oaks, Tafasiry mivantana hiarahana amin'ny Loholona Oaks sy ny Loholona Ballard (hetsika ho an'ny tanora tokan-tena maneran-tany, 19 nôv. 2017), broadcasts.lds.org.

Ao amin'ny **lds.org/go/41961**, dia misy tanora mizara ny tantarany izay tsy natoky tena raha toa ka tokony hifantoka amin'ny asany na ny fianakaviany. Jereo ny zavatra nambaran'ny Loholona Russell M. Nelson azy.

***Inona no eritreritrao?***

"Inona no lazainao rehefa tsy mino ireo namanao fa afaka mitranga ny zavatra tahaka ny Fahitana Voalohany?"

Alefaso ny valin-teninao, ary raha tianao, dia mandefasa sary, sary à haute résolution, hatramin'ny 15 mey 2019 ao amin'ny liahona.lds.org (tsindrio ny "Submit an Article or Feedback"). Na alefaso email ireo valinteninao sy sary ao amin'ny liahona@ldschurch.org. Ataovy ao ny anaranao feno sy ny anaran'ny paroasy sy ny tsatóka misy anao (na ny sampana sy ny distrika).

Mety ho asiam-panamboarana ireo valin-teny noho ny halavany sy mba hampazava kokoa izay tiana hambara.

# *Manandrama* fombafomba fanao vaovao amin'ny Paska




**Nosoratan'i David Dickson**
Gazetibokin'ny Fiangonana

Ny Krismasy matetika no tena mahasarika ny olona raha resaka fialantsasatra. Kanefa raha tsy nisy ireo tranga efa ela izay ankalazaintsika amin'ny Paska, dia tsy ho nisy ny Krismasy.

Nampianatra ny Filoha Gordon B. Hinckley (1910–2008) indray mandeha hoe: "Tsy ho nisy ny Krismasy raha tsy nisy ny Paska. Ho zazakely tahaka ny zazakely hafa rehetra ilay Jesoa zazakely tao Betlehema raha tsy teo ilay Kristy mpanavotra tao Getsemane sy Kalvary, sy ilay Fitsanganana tamin'ny maty feno fandresena."[1]

Ireto misy fombafomba fanao vitsy azonao ampidirina amin'ny fankalazana fanaonao isan-taona.




1

## Mandehana mitety varavarana mihira hiran'ny Paska

Ankoatra ireo anganongano momba ny renne sy ny elfe, ny hiran'ny Krismasy rehetra dia miresaka momba an'i Jesoa Kristy. Ny Paska no fotoana tsara indrindra hihainoana hira momba ny Mpamonjy, eny fa na dia eny an-tokonambaravaran'ireo mpiara-monina aminao aza no hirana azy.

Raha tsy azonao antoka hoe inona no atao dia jereo ny fizarana misy ireo lohahevitra ao amin'ny boky fihirana hijerena hira momba ny Paska sy ny Sorompanavotana. Izay hira mankalaza an'i Jesoa Kristy dia mety amin'ny hiran'ny Paska.



2


## Mamela olona

Impiry ianao no efa feno fankasitrahana noho ny fanomezana ny fibebahana? Ny Paska dia manome fahafahana hieritreretana bebe kokoa ny amin'ny fomba hanomezantsika izany fanahin'ny famelana izany amin'ny hafa.

Nampianatra i Jesoa hoe: "Koa lazaiko aminareo, fa tokony hifamela ianareo. . . .

"Izaho Tompo dia hamela izay tiako havela heloka, fa takiana aminareo kosa ny hamela ny olon-drehetra" (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 64:9–10).

Manontania tena hoe: Iza no anananao kakay? Mivavaha hahazoana hery hamelana izany olona izany, ary avelao ny Mpamonjy hanampy amin'ny fanesorana ireo fahatsapana maharary ireo.



3

## Manaova fampisehoana na lalao an-tsehatra na hetsika hafa

Afaka mandamina hetsika ho an'ny Paska ianao. Ohatra iray tsotra ny famakiana soratra masina ho an'ny takarivan'ny mpianakavy na fihirana mitokana eny amin'ny fiaraha-monina.

SOMBINY AVY AMIN'NY *FA ZAZA NO TERAKA HO ANTSIKA*, NATAON'I LYNNE MILLMAN WEIDINGER



## 4

### Mamangia fasan'olon-tiana

Noho i Jesoa Kristy dia foana ny fanindronan' ny fahafatesana (jereo ny 1 Korintiana 15:55). Makà fotoana hamangiana ny fasan'ireo olon-tiana mba hisaintsainana io vaovao lehibe io.

Afaka mamaky mafy soratra masina tiana indrindra mihitsy ianao izay miresaka momba ny fitsanganana amin'ny maty rehefa mamangy ireo fasana ireo. Soratra masina vitsivitsy (amin'ireo *maro) azo eritreretina amin'izany ny* 1 Korintiana 15:20–22; Almà 11:42–44; ary ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88:14–16.

SOMBINY AVY AMIN'NY *I JESOA KRISTY NITSIDIKA AN'I AMERIKA*, NATAON'I JOHN SCOTT



## 5

### Miova ho tsaratsara kely kokoa

Ny Paska dia manome voninahitra ireo zava-nitranga tao Getsemane, ny zavatra nitranga teo amin'ny hazofijaliana, ny fitsanganan'ny Mpamonjy tamin'ny maty tamin'ny andro fahatelo ary ny fanompoany nandritra ny 40 andro mialoha ny niakarany tany an-danitra.

Ankoatra izany, tsy ela taorian'ny niakarany tany an-danitra dia niseho tamin'ny Nefita i Jesoa Kristy ary nanompo azy ireo (jereo ny 3 Nefia 11–28). Betsaka izany zavatra azo ankalazaina izany!

Nahoana ary no tsy halavaina ny fotoana ankalazanao ny Paska? Avelao hahazo fahafinaretana maharitra kokoa amin'ireo fahagagana ateraky ny Paska ny fanahinao. Miezaha mafy mba ho tahaka an'i Kristy bebe kokoa mandritra ny 40 andro aorian'ny Paska. Mba hakana aingam-panahy dia eritrereto izao fanasana manaraka avy amin'ny Filoha Russell M. Nelson izao: "Manokàna ampahan'ny fotoanareo isan-kerinandro mba handalinana *ny zava-drehetra* nolazain'i Jesoa sy nataony araka ny voarakitra ao amin'ny Testamenta Taloha, satria Izy no Jehovah ao amin'ny Testamenta Taloha. Halalino ny lalàny araka ny voarakitra ao amin'ny Testamenta Vaovao, satria Izy no Kristy ao amin'izany boky izany. Halalino ny fotopampianarany araka ny voarakitra ao amin'ny Bokin'i Môrmôna, satria tsy misy bokin-tsoratra masina hafa izay manambara mazava kokoa ny iraka nanirahana Azy sy ny asa fanompoany. Ary halalino ny teniny araka ny voarakitra ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana, satria mbola manohy mampianatra ny vahoakany amin'izao fotoampitantanana izao hatrany Izy."[2]

### Miandry ireo fombafomba fanaonao

Ny Loholona Dieter F. Uchtdorf ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambonifolo dia nampianatra hoe: "Mba hahitana ilay andro tena manan-danja indrindra teo amin'ny tantara, dia tsy maintsy miverina any amin'ilay alina teo amin'ny 2.000 taona latsaka kely lasa izay isika, tao amin'ny Sahan'i Getsemane rehefa nandohalika nivavaka mafy i Jesoa Kristy ary nanolotra ny tenany ho onitra ho an'ny fahotantsika."[3]

Mendrika ny hakana fotoana mba hosaintsainina ireo tranga manan-danja indrindra eo amin'ny tantara. Ny fombafomba fanao no manampy antsika hanao izany, na ireo izay amin'ity lisitra ity izany na izay safidinao manokana.

Inona no fombafomba fanao vaovao hampidirinao amin'ity taona ity? ■

*Amin'ity Paska ity dia mandania fotoana bebe kokoa hahatsiarovana ilay fanomezana lehibe indrindra nomena hatrizay.*


**FANAMARIHANA**

1. Gordon B. Hinckley, "The Wondrous and True Story of Christmas," *Ensign*, des. 2000, 5.
2. Russell M. Nelson, "Prophets, Leadership, and Divine Law" (worldwide devotional for young adults, 8 jan. 2017), broadcasts.lds.org.
3. Dieter F. Uchtdorf, "Indro ny lehilahy!" *Liahona,* mey 2018, 108.

# Ny fomba lehibe indrindra nanehoana ny fitiavan' Andriamanitra

**Nataon'ny Filoha M. Russell Ballard**
Filoha mpisolo toerana an'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

Amin'ny alalan'ny fanomezana ny fitarihana ilaintsika mba hivoarana sy hahatrarana ny olona tokony hahatongavantsika no hanehoan' Andriamanitra ny fitiavany antsika. Izy izay mahafantatra betsaka indrindra momba antsika, ny zava-bitantsika, sy ireo fahafahana mandrakizaintsika dia nanome antsika torohevitra sy didy ao anatin'ireo boky torolalana, dia ireo soratra masina izany. Rehefa takatsika sy arahintsika ireny torolalana ireny dia manana tanjona sy misy dikany ny fiainantsika. Mianatra isika fa ny Mpahary dia tia antsika ary maniry ny hahasambatra antsika. Tamin'ny alalan'ny fanehoana tsy manampaharoa io fitiavan' Andriamanitra io ho antsika no nandefasany an'i Jesoa Kristy, Zanany Lahitokana.

"Fa toy izao no nitiavan' Andriamanitra izao tontolo izao: nomeny ny Zanani-lahy Tokana, mba tsy ho very izay rehetra mino Azy, fa hanana fiainana mandrakizay.

"Fa Andriamanitra tsy naniraka ny Zanaka ho amin' izao tontolo izao hanameloka izao tontolo izao, fa mba hamonjeny izao tontolo izao" (Jaona 3:16–17).

Teraka teto an-tany i Jesoa Kristy. Niaina fiainana tonga lafatra Izy ary tamin'izany no nanaovany ohatra mba harahintsika. Nampianariny ny mpianany hoe: "Izaho no fahazavan'izao tontolo izao: izay manaraka Ahy tsy mba handeha amin'ny maizina, fa hanana ny fahazavan'aina" (Jaona 8:12).

Enga anie isika ka hanomomboka hahatakatra ny halalalin'ny fitiavany antsika rehefa saintsainintsika fa Izy dia nanolo-tena ny hanao sorona sy hijaly noho ireo fahotantsika hangovitra noho ny fangirifiriana sy hivoa-dra amin'ny mason-koditra rehetra, ary hijaly na vatana na fanahy" (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 19:18).

Amin'izao Paska izao dia 'ndeha isika hanolotra fisaorana miavaka an' Andriamanitra noho ny Sorompanavotana sy ny Fitsanganan'i Jesoa Kristy Zanaka malalany tamin'ny maty. Noho ny Aminy, sy avy Aminy ary amin'ny alalany no ahafahana mamadika ity toetra mety maty ity ho amin'ny toetra maharitra, fiainana tonga lafatra izay mahatonga fifaliana tsy hay lazaina.

Ny zava-mahatalanjona rehetra ao amin'ny zava-boahary dia fahitana amin'ny ampahany ny heriny masina sy ireo fanehoany ny fitiavany. Kanefa miandry antsika ny fahagagana lehibe indrindra amin'ny fahagagana rehetra. Hitranga izany rehefa hitsangana amin'ny maty avy ao am-pasana isika, amin'ny alalan'ny heriny, ho amin'ny tontolo iray vaovao, toerana izay hiarahantsika Aminy sy ny Raintsika any An-danitra mandrakizay, raha mendrika isika. ■

*Avy amin'ny lahateny iray tamin'ny fihaonamben'ny Fiangonana tamin'ny aprily 1988.*

SARY FAMANTARANA NATAON'I ANDREW ROBERTS

*Niasa tao amin'ny* **orinasa fivarotana fiara** *an-drainy tamin'ny fiandohan'ny taona 1950 ary izy no* **lehiben'ny varotra.**

*Teraka tamin'ny 8 ôktôbra 1928, tao* **Salt Lake City, Utah.**

*Nianatra tao amin'ny* **Oniversiten'i Utah.**

# Filoha M. RUSSELL BALLARD



*Nanompo tamin'ny fitoriana ny filazantsara tamin'ny fotoana feno tao* **Angletera.**


**Filohan'ny misiôna** *tao amin'ny Misiônan'i Kanada, Toronto ny taona 1974 ka hatramin'ny taona 1977.*

*Nifanena tamin'i Barbara Bowen vadiny tao amin'ny Oniversiten'i Utah nandritra ny fandihizana natao hifankafantarana nantsoina hoe* **"Hello Day Dance."**



*Nanambady an'i* **Barbara Bowen** *tao amin'ny Tempolin'i Salt Lake ny 28 aogôsitra 1951.*





**Dadabe avy amin-drainy:** *Loholona Melvin J. Ballard tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo*

**Dadabe avy amin-dreniny:** *Loholona Hyrum Mack Smith tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo*

*Manan-janaka* **7**
*zafikely* **43**
*zafiafy* **91**.

*Notohanana ho ao amin'ny* **Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo** *ny 6 ôktôbra 1985.*

*Natokana ho* **Filoha mpisolo toerana** *an'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambonifolo ny 14 janoary 2018.*



*Taorian'ny Fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany tamin'ny ôktôbra 1980 izy dia nanoratra* **taratasy fankaherezana 600** *mahery ho an'ireo mpikambana izay nanana olana tamin'ny fijoroana ho vavolombelona nananan'izy ireo.*


*Mitahiry* **biscuit Oreo iray voafono** *eo amin'ny latabany izy ho fahatsiarovana zazalahy kely iray, izay tonga avy lavitra nankany amin'ny toeran'ny mpifindra monina, izay nahazo fonosana biscuits iray ka nanome biscuit iray ny Filoha Ballard.*



**PEJY MISIMISY KOKOA HO AN'NY KILONGA**

Ampiasao tsara ilay *Namana* vaovao. Raha tsy misy ankizy ao an-tranonao dia azonao atao ny:

- Mizara ny *Namana* amin'ny havana iray izay tsy mahazo ny *Liahona*.
- Manome izany ho an'ny namana iray na mpiara-belona iray.
- Manome izany ho an'ny mpitarika na mpampianatra iray ao amin'ny Kilonga.





HO AN'NY TANORA
**MILA FANAMPIANA AMIN'NY FANAPAHAN-KEVITRA LEHIBE VE IANAO?**
42

ZATOVO
**MIKATSAKA FIADANANA HO AN'NY TENANAO SY HO AN'NY HAFA**
52

PASKA
**FOMBAFOMBA FANAO VAOVAO**
62




MALAGASY
4 02186 04654 2

Aprily 2019

Gazetiboky ho an'ny ankizy ao amin'ny *Liahona*, avoakan'Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany

# Namana



Ny tantaran'ny
**PASKA**
Jereo ny pejy 4–6



**Nataon'ny Filoha Russell M. Nelson**

# FANOMEZANA
## lehibe avy amin' Andriamanitra



Indray andro izaho sy Rahavavy Nelson dia nahita trondro avy amin'ny faritry ny zanapehintany tao anaty aquarium. Nilomano haingana sy nivezivezy mandroso sy miverina ireo trondro mazava loko ary amin'ny habe-ny sy endriny samihafa. Nanontaniako ny mpiasa iray teo akaiky teo hoe: "Iza no manome sakafo an'ireto trondro mahafinaritra ireto?"

"Izaho" hoy izy.

Dia nanontany aho avy eo hoe: "Efa mba nisaotra anao ve ireo trondro ireo?"

"Tsia!" hoy izy.

Ny olona sasany dia tahaka ireo trondro ireo. Tsy mahafantatra an' Andriamanitra sy ny fahatsarany amin'izy ireo izy ireo. Tena ho tsara kokoa ny zava-miseho raha toa isika ka tonga saina amin' ilay hery sy fitiavan' Andriamanitra ary maneho izany fankasitrahana izany Aminy.

### Feno fankasitrahana noho i Jesoa Kristy

Nalefan'ny Ray any An-danitra mba ho teraka ety an-tany i Jesoa Kristy Zanany Lahy. Nataony izany satria tia antsika fatratra tokoa Izy.

Tonga mba **hanavotra antsika** i Jesoa.

Noho ny **Sorompanavotany**, dia afaka ny hitsangana amin'ny maty isika aorian'ny fahafatesana.

Noho ny Sorompavotany dia afaka miverina miara-miaina amin'ny Ray any An-danitra indray isika.

Nanazava i Jesoa hoe:


> "Izaho no fananganana ny maty sy fiainana; izay mino Ahy na dia maty aza mbola ho velona indray. Ary izay rehetra velona ka mino Ahy dia tsy ho faty mandrakizay" (Jaona 11:25–26).

Izany no hafatra mahafinaritry ny Paska! ●

**manavotra:**
manefa ny fahotantsika mba hahafahantsika miverina any amin' Andriamanitra

**Sorompanavotana:**
rehefa nijaly noho ny fahotantsika i Jesoa tao amin'ny Sahan'i Getsemane ary maty teo amin'ny hazofijaliana tany Kalvary..

*Avy amin'ny "Isaorana Andriamanitra,"* Liahona, *mey 2012, 77–80.*




## I Jesoa Kristy no Mpamonjy Ahy

Nitsangana tamin'ny maty tamin'ny marainan'ny Paska i Jesoa. Vakio ireo fehezan-teny hitadiavana ny zavatra efa nataony ho antsika. Lokoy toy ny taramasoandro isaky ny avy mamaky fehezan-teny ianao. Dia lokoy ny ambin'ilay sary.

ANKAVIA: SARY NATAON'I SIMINI BLOCKER; ANKAVANANA: SARY NATAON'I BETH WHITTAKER

# Ny tantaran'ny Paska



Nitia ireo namany i Jesoa. Nanasa ny tongotr'izy ireo Izy. Dia nomeny ny fanasan'ny Tompo izy ireo avy eo. Niteny azy ireo Izy mba hahatsiaro Azy. Niteny azy ireo Izy mba hifankatia.



Taty aoriana dia nandeha tany amin'ny saha iray i Jesoa. Nivavaka ho antsika rehetra Izy. Tsapany ny fanaintainan'ny aretintsika. Tsapany ny fanaintainan'ny fahotantsika.

Nentin'ireo olona tezitra niala teo i Jesoa. Nokapohin'izy ireo Izy. Maty teo amin'ny hazofijaliana Izy ho antsika. Nataon'ireo namany tao am-pasana Izy.





Telo andro taty aoriana dia niverina ireo namany. Foana ny fasana! Hoy ny anjely tamin'izy ireo: "Efa nitsangana Izy." Velona indray i Jesoa! Noho i Jesoa dia hiaina indray isika rehetra aorian'ny fahafatesantsika.

SARY NATAON'I APRYL STOTT



Tia ahy i Jesoa. Azoko atao miavaka ny Paska amin'ny alalan'ny fahatsiarovana Azy. ●

*Vakio ny momba ny marainan'ny Paska ao amin'ny Matio 28.*

# Raha toa miverina aho

*Amim-pifaliana* ♩ = 90–96

Tonony sy feony: Sally DeFord




© 2019 an'i Sally DeFord. Zo Rehetra Voatokana.
Ity hira ity dia azo adika raha ilaina any am-piangonana na any an-tokantrano ka tsy atao hitadiavam-bola.
Ity fanamarihana ity dia tsy maintsy ampidirina ao amin'ny tahadika tsirairay izay havoaka.

# Fahamarinan-toetra tsara

**Nosoratan'i Jane McBride**

Niainga tamin'ny tantara marina

*"Ataovy izay tsara" (2 Korintiana 13:7).*

"Mba ilaiko ianao hiandry ny zandrilahinao," hoy i Neny. "Handeha hanampy olona marary izaho sy ny rainareo."

Nitraka avy tamin'ny famafako ny gorodon'ny trano kelinay aho ka nihatoka hanehoana hoe eny. Filohan'ny Fikambanana Ifanampiana i Neny ary matetika izy no mandeha mamangy ireo rahavavy ao amin'ny paroasinay.

"Misaotra anao ry Arlyn," hoy i Neny sady nanoroka ahy teo an-tampon-dohako. "Matory i John. Ary misy koba-mofo izay andrasana hitombo mipetraka eo ambonin'ny latabatra. Aza kitihina io azafady."

Teo am-baravarana aho no nitazana azy sy i Dada nitondra ny fiara fitateran'entana nandeha tamin'ny lalambovoka tany aminay. Kevoka ery aho fa nitokisan'i Neny.

Rehefa namafa ny lakozia aho dia niato mba hijery ilay koba-mofo. Tsy andriko izay handrahoan'i Neny an'ilay izy ny hariva ao anaty lafaoro. Mazàna dia haninay miaraka amin'ny confiture natao tao an-trano ny mofo vao vita. Fa efa laninay telo volana lasa izay ny confiture.

Confiture! Ny fieritreretana ilay izy fotsiny dia nahatonga ahy ho te hihinana zavatra mamy. Natopiko tany amin'ilay fitoeran-tsiramamy teny ambony avo tamin'ny talantalana ny masoko. Fantatro fa nampirimin'i Neny io mba hanamboarana confiture hafa.

Kanefa arakaraka ny nieritreretako an'ilay siramamy no vao mainka nampahanoana ahy. Nony farany dia nampiakatra seza iray teo ambonin'ny latabatra aho mba hanakarana izany. Zara raha nahakasika ilay fitoeran-tsiramamy ireo rantsantanako. Nosintoniko hanakaiky ny moron'ilay talantalana ilay izy. . . .

Ary dia nisolifatra avy teo amin'ny talantalana! Niezaka ny nisambotra ilay izy aho saingy nianjera ilay izy ka nipoaka be teo am-povoan'ilay koba-na mofo mihitsy. Niparitaka nanerana ny mofo sy ny latabatra ary teo amin'ny gorodona ny siramamy.

"Oay!" Hoy aho nihoraka. Nanaitra ilay zazakely nambenako izany. Nanomboka nitomany izy. *Izaho*




SARY NATAON'I SARAH GRAMELSPACHER




koa te hitomany. Ahoana izao hoy i Neny amin'izao korontana izao?

Nampanginiko i John dia nodioviko araka izay tratra ny siramamy. Nesoriko avy tao amin'ilay koba-na mofo ilay fitoeran-tsiramamy dia nosasako. Nofafako hiala teo amin'ny latabatra sy ny gorodona ny siramamy. Saingy tsy nisy na inona na inona azoko natao mba hanaisorana ny siramamy teo amin'ilay koba-mofo.

Nieritreritra ny hamerina hametraka ilay fitoeran-tsiramamy teny ambony talantalana aho. Angamba mety tsy ho tsikaritr'i Neny hoe tsy misy na inona na inona ao anatin'io. Kanefa fantatro fa tsy nety izany. Noho izany dia napetrako teo ambonin'ny latabatra ilay fitoeran-tsiramamy no sady niandry an'i Dada sy i Neny ho tonga tao an-trano aho.

Rehefa tonga tao an-trano izy ireo dia nahatsikaritra avy hatrany ilay fitoeran-tsiramamy i Neny.

Nisento lalina aho. "Saika hanandrana ilay siramamy fotsiny aho. Saingy voadonako hianjera avy teny amin'ny talantalana ilay fitoeran-tsiramamy. Niezaka nanadio izany aho fa tsy afaka nesorina tamn'ilay koba-na mofo ilay izy." Haingana no nilazako izany raha niondrika nijery ny gorodona aho.

Nangina kely i Neny.

"Mifona aho ," hoy aho nibitsibitsika.


Nisento i Neny. "Dia ho mamy be izany ny mofo anio alina," hoy izy. Nitraka aho. Nitsiky kely tamiko izy. "Misaotra nilaza taminay ny zava-nitranga."

Rehefa nihinana ilay mofo mamy tokoa izahay ny alin'iny dia niresaka momba ny fahamarinan-toetra izaho sy i Dada sy i Neny.

"Manao fahadisoana be dia be ny tsirairay avy amintsika eo amin'ny fiainana," hoy i Dada. "Kanefa rehefa marin-toetra isika sy miezaka ny mibebaka dia faly ny Ray any An-danitra sy i Jesoa Kristy. Hotahina foana isika rehefa marin-toetra, eny na dia toa sarotra aza izany amin'ny voalohany."

Mbola nalahelo ihany aho fa nanjera ny siramamy. Fantatro fa mety tsy hanana confiture firy izahay amin'ity taona ity noho ny hadisoana nataoko. Kanefa faly aho fa nilaza ny marina. Fahatsapana tsara izany izay tsy azon'ny siramamy omena na dia betsaka toy ny ahoana aza. ●

*Mipetraka any Colorado, Etazonia ny mpanoratra.*



"Mitondra fitahiana foana ny fitandremana ireo didy avy amin' Andriamanitra! Miteraka fahaverezan'ny fitahiana foana ny fandikana ireo didy avy amin' Andriamanitra!"

**Filoha Russell M. Nelson, "Avelao ny finoanao hiseho," *Liahona*, mey 2014, 30.**

# Nitsidika an'i Inde ny Loholona Bednar

Nandeha niaraka tamin'i Susan Bednar vadiny ny Loholona David A. Bednar mba hizara amin'ny mpikamban'ny Fiangonana tao Inde ny fijoroana ho vavolombelona ananan'izy ireo momba ny an'i Jesoa Kristy. I Inde dia iray amin'i-reo tanàna lehibe indrindra maneran-tany. Ary tsy ho ela dia hanana ny tempoliny voalohany izy!



Nandeha tao amin'ny tanànan'i Rajahmundry ny Loholona sy Rahavavy Bednar. Tsy mbola nisy Apôstôly nandeha tany hatrizay.






Nandray tanana ny Loholona Bednar ireo ankizy.



Nandritra ny fivoriana iray tao Hyderabad, dia nisy ankizivavy iray nametraka fanontaniana iray tamin'ny Loholona Bednar.



"Arakaraka ny handehanako manerana izao tontolo izao, arakaraka ny hitsidihako firenena, arakaraka ny hianarako zavatra avy amin'olona maro, no ahitako fa mitovy daholo ny olona eran'izao tontolo izao."




Faly avokoa ny tsirairay nandre ny fijoroana ho vavolombelon'ny Apôstôlin' Andriamanitra!




SARY NATAON'I SKYLER DUMAS

## AMPITOVIO IREO ELEFANTA

I Inde dia ahitana elefanta eo amin'ny 30.000. Elefanta mitovy tsiroaroa firy no hitanao etsy ambany? Inona avy ireo biby tena tianao izay noharian' Andriamanitra sy i Jesoa Kristy?





# Ireo MPAMINANINTSIKA sy APÔSTÔLINTSIKA

Mitarika Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany amin'ny alalan'ireo mpaminany sy apôstôly i Jesoa Kristy. Vakio ny mombamomba azy ireo etsy ambany. Avy eo dia **tapaho ireo sary ao amin'ny pejy N23** ary apetaho eo amin'ny toerany ao amin'ilay tabilao. Asio scotch eo an-tampon'ny sary tsirairay mba hahafahanao manainga izany hamakiana ny zavatra ao ambaniny!

- Mpanadio toerana fanamboarana radiô no asany voalohany
- Lasa mpisolovava sy mpitsara tao amin'ny Fitsarana Avon'i Utah
- Efa avy filohan'ny Oniversiten'i Brigham Young



**Filoha Dallin H. Oaks**
*Mpanolotsaina Voalohany ao amin' ny Fiadidiana Voalohany*

- Mpandidy fo
- Nianatra fiteny maromaro, anisan'izany ny Mandarin
- Manana zanaka 10: 9 vavy ary 1 lahy



**Filoha Russell M. Nelson**
*Filoha faha-17 an'Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany*

- Nilalao basket tao amin'ny sekoly ambaratonga faharoa
- Nianatra momba ny fizika tamin'ny rainy tamin'ny solaitraben'ny fianakaviany
- Filohan'ny Ricks College, izay lasa BYU–Idaho ankehitriny




**Filoha Henry B. Eyring**
*Mpanolotsaina Faharoa ao amin'ny Fiadidiana Voalohany*

- Nahazo anaram-bositra hoe "ra-eveka" tany amin'ny oniversite noho ny fitsipika ambony izay niainany
- Nanana fivarotana fiara
- Nanao asa fitoriana tany Angleterre sy filohan'ny misiôna tany Toronto, Kanada



**Filoha M. Russell Ballard**
*Filoha mpisolo toerana an'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo*

- Misiônera mpiara-mitory tamin'ny Loholona Cook tany Angletera
- Niasa tao amin'ny Departemantan'ny Fampianarana an'ny Fiangonana
- Filohan'ny BYU



**Loholona Jeffrey R. Holland**
*Ao amin' ny Kôlejin' ny Apôstôly Roambinifololahy*

- Nitsoa-ponenana indroa tamin'ny fahazazany
- Efa avy kapitenin'ny fiaramanidina
- Tia manao ski miaraka amin'ny zanany sy ny zafikeliny



**Loholona Dieter F. Uchtdorf**
*Ao amin' ny Kôlejin' ny Apôstôly Roambinifololahy*

- Mpiaro vodilaharana tao amin'ny ekipa mpilalao baolina kitra amerikana tao amin'ny sekoliny
- Rehefa avy nanao asa fitoriana tany Alemana izy dia nanao batisa an-drainy ho lasa mpikamban'ny Fiangonana
- Efa avy filohan'ny Ricks College, rehefa lasa BYU–Idaho izany



**Loholona David A. Bednar**
*Ao amin' ny Kôlejin' ny Apôstôly Roambinifololahy*

- Nahazo fijoroana ho vavolombelona rehefa avy nandalina ny soratra masina sy nivavaka niaraka tamin'ny zokiny lahy
- Nahita ilay ho vadiny nandritra ny fampisehoana talenta iray tany amin'ny Lycée
- Mpitarika tao amin'ny Fiangonana tany Philippines sy ireo Nosin'i Pacifique



**Loholona Quentin L. Cook**
*Ao amin' ny Kôlejin' ny Apôstôly Roambinifololahy*

- Nanamboatra mofo vita tao an-trano ho an'ny fiainakaviany mandra-pahalehibeany
- Nandray anjara tamin'ny famerenana ny tantaran'ny Havoan'i Kômôrà tao New York tamin'ny fahatanorany
- Mpisolovava talohan'ny niantsoana azy ho Apôstôly



**Loholona D. Todd Christofferson**
*Ao amin' ny Kôlejin' ny Apôstôly Roambinifololahy*

- Lehibe tao amin'ny toeram-piompiana ombivavy be ronono iray tao Idaho, Etazonia
- Nanao asa fitoriana sy filohan'ny misiôna tany Frantsa
- Miteny frantsay, pôrtogey, espaniôla ary anglisy




**Loholona Neil L. Andersen**
*Ao amin' ny Kôlejin' ny Apôstôly Roambinifololahy*

- Efa filohan'ny misiôna tao New York City, Etazonia
- Ny teny filamatra tiany dia: "Ny olona no tena zava-dehibe"
- Nanokana ny trano an'ny Olomasin'ny Andro Farany voalohany tany amin'ny Repoblika Tchèque




**Loholona Ronald A. Rasband**
*Ao amin' ny Kôlejin' ny Apôstôly Roambinifololahy*

- Nanao asa fitoriana ny filazantsara tany Japana ary avy eo dia filohan'ny misiôna tany
- Nanorina orinasa tamin'ny fanamboarana sy fivarotana fitaovana fanatanjahan-tena
- Efa evekan'ny Fiangonana manontolo



**Loholona Gary E. Stevenson**
*Ao amin' ny Kôlejin' ny Apôstôly Roambinifololahy*

- Ny anarany hoe Gunnar dia midika hoe "miaramila be herim-po"
- Nifindra niaraka tamin'ny fianakaviany avy tany Utah nankany Suède fony izy 11 taona
- Dokotera mpitsabo fo




**Loholona Dale G. Renlund**
*Ao amin' ny Kôlejin' ny Apôstôly Roambinifololahy*

- Tia biby, anisan'izany ny penguins
- Tia mihaona amin'ny olona amin'ny firenena rehetra
- Ny tantaram-pianakaviany dia ahitana rakitra hatrany amin'ny Dragona Gong Voalohany tamin'ny 837 taorian'i J.K.



**Loholona Gerrit W. Gong**
*Ao amin' ny Kôlejin' ny Apôstôly Roambinifololahy*

- Avy any Brésil ary nanao asa fitoriana tany sy filohan'ny misiôna tany Portugal
- Nahafantatra ny Fiangonana niaraka tamin'ny fianakaviany fony izy mbola zazalahy
- Efa nanomboka vonona hanao asa fitoriana fony izy 12 taona



**Loholona Ulisses Soares**
*Ao amin' ny Kôlejin' ny Apôstôly Roambinifololahy*

**Hamarino ato ny valin-teninao: lds.org/prophets-and-apostles.**



# Ilay AKANJO BÀ TSY HITA

**Nosoratan'i Sheila Kindred**
Niainga tamin'ny tantara marina

*"Izaho Tompo dia hamela izay tiako havela heloka, fa takiana aminareo kosa ny hamela ny olondrehetra" (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 64:10).*

"Neny a, tsy hita ny akanjo bàko!" Hoy i Brad. Efa fotoana tokony handehanana hody avy nivavaka tamin'izay saingy tsy nety hitan'i Brad ny akanjo bàny teo amin'ny fipetrahan-damba.

"Azonao antoka ve fa teo no nanantonanao azy?" Hoy i Neny nanontany.

"Eny. Teto mihitsy no nisy azy." Manga sy mena mazava no lokon'ny akanjo bà an'i Brad. Fahatsiarovana lehibe ilay izy.

"Angamba mety nisy nanova toerana ilay izy. 'Ndao savaina ny trano rehetra," hoy i Dada.

Nandeha nizarazara nijery ireo efitrano hafa rehetra i Neny sy i Dada ary i Brad. Nojeren'izy ireo tao amin'ilay baoritra fasiana ireo entana very sy hita tao amin'ny trano fiangonana, tao amin'ny kilasin'ny sekoly Alahady, sy ny efitrano fianaran'ny Kilonga, ary teny amin'ny fiantonan'akanjo bà rehetra. Nosavain'izy ireo eny na dia tany amin'ny efitrano fivoahana aza saingy tsy hitan'izy ireo ilay akanjo bà.

"Angamba mety lasan'ny olona tsy nahy ilay izy. Azoko antoka fa hisy hamerina iny amin'ny herinandro vantany vao misy mahatsikaritra hoe tsy azy," hoy i Dada.

"Mandra-pahita azy aloha dia azonao anaovana ilay akanjo bànao taloha," hoy i Neny.

Nikentrona i Brad. Tsy tiany ilay akanjo bàny taloha. Sady manify no vasoka ary kely aminy. Tiany tokoa ilay akanjo bàny mena sy manga fa ohatra ireny mahery fo ireny ny fahitana azy rehefa manao izany.

SARY NATAON'I GUY FRANCIS



“Mety hitan’ny olona ho mahafinaritra angamba ny akanjo bàko dia nangalariny,” hoy i Brad anakampo. Ahoana no hitrangan’izany any am-piangonana? Tokony ho marin-toetra daholo ny olon-drehetra. Tsy avelan’i Brad moramora foana izay nangalatra an’iny. Nanana drafitra izy. Ny alahady manaraka dia hanara-maso tsara izy hahitany izay olona nanao ny akanjo bàny. Avy eo dia ho alainy izany sady hivazavaza izy hoe “Ho aiza ianao ry mpangalatra!” Hanenina tsara izy tamin’ny nakany izany.

Tsy andrin’i Brad izay hahatonga ny alahady hanatanterahany ny drafiny. Saingy nafana loatra ny alahady herin’iny ka tsy nisy nanao akanjo bà, dia torak’izany koa ny alahady nanaraka izany.

Ny alahady taorian’izay i Brad dia kaodikaody nijerijery ny ankizilahy rehetra tao amin’ny Kilonga sady nanontany tena hoe iza no nangalatra ny akanjo bàny. Sao dia mba ilay ankizilahy lava be iny? Na mety ho vehivavy koa. Nahatsapa ho toy ireny tsy afaka ny hahatoky an’iza na iza ireny izy. Tsy tiany ilay fahatsapana nananany.

Taorian’ny fivoriam-piangonana dia nivoaka haingana i Brad nijery ireo fianakaviana nanao akanjo bàn’izy ireo. Kanefa tsy hitany na taiza na taiza ny akanjo bàny. Niverenany nojerena mihitsy aza tao amin’ilay baoritra fasiana ireo entana very sy hita . . . fa tsy tao ny akanjo bàny. Fa mba aiza ary izy izay?

Teny an-dalana hody dia nieritreritra drafitra vaovao i Brad. Hivavaka izy. Fantany fa ny Ray any An-danitra dia afaka mahita ireo zavatra very. Tamin’izany alina izany izy dia nivavaka sady niteny hoe “Ray any An-danitra ô, mba lazao ahy re hoe iza no naka ny akanjo bàko. Tiako ny hiverenany amiko.”

Niandry izay mety ho anaran’ilay mpangalatra na ny tarehiny ho tonga ao an-tsainy i Brad. Kanefa nanomboka nieritreritra momba an’i Carl namany izy. Mazàna no i Carl no miara-mipetraka aminy ao amin’ny Kilonga. Miara-mihanihany sy mihomemy be izy ireo. Saingy efa herinandro vitsivitsy izay i Carl no tsy tonga nivavaka. Nalahelo azy i Brad.

Dia ahoana raha i *Carl* no naka ilay akanjo bà? Mety ho natahotra ny ho any am-piangonana angamba izy izao fa nihevitra izy fa tsy ho naman’i Brad intsony. Tian’i Brad hiverina hivavaka indray i Carl. Nanapa-kevitra i Brad fa raha nalain’i Carl ny akanjo bàny dia tsy hivazavaza azy izy. Havelany ny helony.

Niakatra teo am-pandriana i Brad ary nahatsapa tena ho maivana kokoa.

Ny alahady manaraka tao amin’ny Kilonga dia tsy tao i Carl fa nisy ankizilahy vaovao iray tonga. Nanao karavato mitsipika mena sy manga izy.

“Tsara kosa ilay karavato an,” hoy i Brad, nipetraka teo akaikin’ilay ankizilahy vaovao. “Ohatran’ireny olona mahery fo ireny no fahitana anao amin’ilay izy.”

Nitsiky ilay ankizilahy.

Nitsiky koa i Brad. Tsy nitady mpangalatra intsony izy. Nitady namana izy. ●

*Monina any Utah, Etazonia ny mpanoratra.*


# Maneho fiarahabana avy aty Estonie!





Izahay no Margo sy Paolo. Amin'ity taona ity isika dia handeha manerana izao tontolo izao mba handre vaovao avy amin'ireo zanak' Andriamanitra. Andao hiaraka aminay mandritra ny fitsidihanay an'i Estonie!





Ito no Tallinn, ny renivohitr'i Estonie. Efa ho 800 taona izay no nisiany! Manana toerana voajanahary maro toy ny alan-kazo sy honahona i Estonia. Raha ny marina dia rakotra ala ny antsasa-manilan'i Estonia. Maro ny olona ao Estonie no tia maka fotoana mandehandeha any anatin'ny natiora.

Ohatr'izao no fiteny hoe "manao ahoana" amin'ny fiteny Estoniana

Tere!

Ary toy izao no fiteny ny anaran'ny Fiangonana:

Viimse Aja Pühade Jeesuse Kristuse Kirik



I Estonie dia ao amin'ny faritra avaratr'i Eoropa. Izy dia ahitana nosy mihoatra ny 2.000 isa. Eo ho eo amin'ny 1.300.000 eo no isan'ny olona mipetraka ao Estonie.



Inona no sakafo hariva ao Estonie? Mety ho henan-kisoa na trondro nalona miaraka amin'ny ovy, laisoa, ronono masira na abobo, sy mofo miloko mainty vita amin'ny segla. Izany no antsoina hoe "sprat sandwich" [sandwich vita amin'ny trondro kely antsoina hoe sprat].



Ao Estonie ny Fiangonana dia kely kanefa mafy orina. Eo ho eo amin'ny arivo eo no isan'ireo mpikamban'ny Fiangonana. Ny tempoly akaiky indrindra dia any Helsinki, Finland.



Tianao ve ny mihira ao amin'ny Kilonga? Isaky ny dimy taona ny Estoniana dia manao fety lehibe hankalazana ny firenen'izy ireo amin'ny alalan'ny hira sy ny dihy.

**Indreto misy rahavavy roa avy ao Estonie!**



Indray alina aho raha te handeha hatory dia tsy hita ilay orsa kely kilalaoko. Nokarohiko izy fa tsy hitako. Nivavaka aho. Avy eo dia hitako ilay orsa kely kilalaoko ary nanonofy tsara aho.


**Bianka J., 7 taona**



Tia manompo ny hafa ny fianakavianay. Ny fanompoana dia manampy antsika hahatsapa ny Fanahy Masina izay manome antsika ny fahatsapana mahafinaritry ny fiadanana. Izaho sy ireo rahavaviko dia manao fanomezana ho an'ny hafa satria tianay izy ireo hahatsapa tena ho tiana.

**Piibe J., 10 taona**

**Avy ao Estonie ve ianao? Manorata aminay! Mba tianay ny handre feo avy aminareo.**




MARGO SY PAULO, SARY NATAON'I KATIE MCDEE

# Mahatsapa tena ho VAOVAO



**Nosoratan'i Jessica Larsen**
Niainga tamin'ny tantara marina

*Estonie*

"Misy zavatra nomaniko ho anao!" Hoy i *Ema* (neny) rehefa naka an'i Rasmus tany an-tsekoly. Niaranandeha teny amin'ny arabe izy ireo izay feno tranobe marevaka ny sisiny.

"Hihinana *Rosolje* ve amin'ny sakafo hariva?" Hoy i Rasmus nanantena. Vao tamin'ny herinandro lasa izy ireo no nihinana izany tamin'ny tsingerintaonany fahafito. Saingy afaka mihinana salady betiravy sy ovy miaraka amin'ny trondro alona foana aho!

Nanetsi-doha i *Ema* nanaiky tamim-pitsikiana. "Nifanena tamina zatovovavy anankiroa aho tany anaty fiara fitaterambahoaka anio maraina. Misiônera izy ireo. Ho avy hitsidika izy ireo anio alina hiresaka momba ny Fiangonany."

Niandrandra ambony tamim-pahalianana i Rasmus. Tsy mbola nihaona tamin'ny misiônera mihitsy izy taloha.

Nilalao fiara mpamonjy voina kilalao tao amin'ny efitrano fatoriany izy tamin'ny fahatongavan'ireo misiônera. "*Tere*! *Tere*! Salama!" hoy izy ireo niarahaba an'i *Ema* rehefa niditra ny trano. Nesorin'izy ireo ny kirarony mavesatra ary natsofony ny kapa fanaovana an-trano nomanin'i *Ema* ho an'ny vahiny. Notarihin'i *Ema* teo amin'ilay sezalava volomboasary izy ireo. Fa i Rasmus kosa nijanona teo amin'ny varavarana.

Nahatsikaritra azy ilay vehivavy lavalava dia nitsiky. Misoratra hoe Õde Craig (Rahavavy Craig) ny eo amin'ny mari-pamantarana eo amin'ny tratrany. "Nilaza taminay i neninao fa vao avy nankalaza ny tsingerin-taona nahaterahanao ianao" hoy izy. "Nitondra zavatra ho anao izahay." Nitazona karatra kely iray izy. Nojeren'i Rasmus akaiky izany.

Sarina lehilahy iray izany. Nanao akanjo lava fotsy izany, ary mihinjitra ny tanany.

"Fantatrao ve hoe iza io?" Hoy i Õde Craig.

Tsy fantatr'i Rasmus ny anaran'ilay lehilahy. Tsy mbola nahita io sary io izy taloha. Saingy toa tsara fanahy sy mahery ilay lehilahy. "Mpanjaka angamba io!" Hoy i Rasmus.

SARY NATAON'I GARTH BRUNER



Nitsiky avokoa ireo misiônera. “Eny, mpanjaka io! Mpanjakan’ny mpanjaka io! Jesoa Kristy no anarany.” Namoaka boky mifono mangamanga i Õde Craig. “Ary inty misy boky mampianatra momba Azy, dia ny *Mormoni Raamat.* Ny Bokin’ i Môrmôna.”

Nanomboka namaky ny Bokin’ i Môrmôna isan’andro izy sy i *Ema*. Nandritra ny fotoana any an-tsekoly dia nandehandeha i Rasmus sy ny iray kilasy aminy ary avy eo nitsotsotra naka aina. Rehefa avy any an-tsekoly dia matetika izy sy i *Ema* no mihaona amin’ny misiônera. Niresaka tamin’ireo misiônera momba ny zavatra novakin’izy ireo tao amin’ny Bokin’i Môrmôna izy ireo. Indraindray ampihinanin’i *Ema kringel,* mofo misy kanelina ny rehetra. Mandritra ny faran’ny herinandro izy sy i *Ema* dia nitaingina bisikileta na nitsangantsangana eny amorondranomasina. Indraindray izy ireo dia mandeha ela any anaty ala na eny amin’ny renirano tena tian’izy ireo.

Tamin’ny iray amin’ireo fandehandehanana anaty ala ireo dia nilaza taminy i *Ema* fa te hatao batisa. Nitsiky Rasmus. Efa nangataka an’i *Ema* ireo misiônera mba hivavaka momba ny hoe hatao batisa sa tsia. Toa nahazo valiny angamba izy!

“Ary fantatro hoe aiza aho no hatao batisa” hoy izy sady nitsiky. “Aiza ary?”

Nieritreritra momba ny leson’ireo misiônera momba ny batisa i Rasmus. Nampiseho sary naneho an’i Jesoa miaraka amin’i Jaona Mpanao Batisa teo amin’ny renirano izy ireo. . . .

“Ilay renirano!” hoy izy nihiaka. “Ilay renirano tiantsika indrindra.”



Herinandro taty aoriana i Rasmus dia nijoro teo amoron’ny renirano niaraka tamin’ireo misiônera ary olona vitsivitsy hafa avy tao amin’ny Fiangonana. Vonona ny hatao batisa i *Ema*. Nandeha tao amin’ny rano izy tahaka ny nataon’i Jesoa. Rehefa nivoaka avy tao izy dia nitsiky. Tian’i Rasmus hotsaroana mandrakizay izany fotoana izany, ilay rano manga, ny voninkazo fotsy teo amin’ny ahi-maitso, ary ny tsikin’ny reniny.

“Manao ahoana izany atao batisa izany?” hoy izy taty aoriana, rehefa nihinana ireo mofomamy nentin’ireo misiônera ny tsirairay.

“Mahafinaritra” hoy izy taminy. “Te hijanona teo amin’ilay renirano mandrakizay aho. Nahatsapa ho vaovao aho!” Nofihininy mafy izy.

“Amin’ny tsingerintaonako manaraka aho dia te hatao batisa tahaka anao sy i Jesoa” hoy izy taminy. “Te hahatsapa ho vaovao koa aho!” ●

*Monina any Texas Etazonia ny mpanoratra.*

# Mbola hahita azy indray aho



**Nosoratan'i**
**Reyna I. Aburto**
Mpanolotsaina Faharoa ao amin' ny Fiadidian' ny Fikambanana Ifanampiana Maneran-tany





Lehibe tany Nicaragua aho. Fony aho mbola kely dia nanao ny zava-drehetra niaraka tamin'ny zokiko lahy. Niaraka nankany an-tsekoly izahay. Niaraka niantsena izahay. Niaina karazan-javatra maro izahay tao an-tokontaninay. Sambatra izahay.

Avy eo rehefa sivy taona aho dia nisy zavatra nampalahelo nitranga. Maty nandritra ny horohorontany iray nitranga ilay zokiko. Tamin'ny voalohany dia toa tsy nampino ny fahalasanany. Nieritreritra foana aho hoe handondòna eo am-baravarana izy. Dia hiteny aminay izy fa tany lavitra tany fotsiny. Nijery teo amin'ny varavarana foana aho nanantena ny hitrangan'izany. Te hahita azy mafy loatra aho.

Nihamora izany rehefa nandeha ny fotoana. Mbola nalahelo ny anadahiko aho saingy mbola afaka nahatsapa fifaliana indray.

Mbola tsy mpikamban'Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany aho tamin'izany. Saingy rehefa nihalehibe aho dia nianatra momba ny Fiangonana ary natao batisa. Indray andro aho dia nanasa lovia. Andro Paska tamin'izay. Nieritreritra momba ny fitsanganana amin'ny maty aho ary nieritreritra momba ny anadahiko.

Tampoka teo dia nisy fahatsapana tonga tamiko. Tsaroako ireo nofiko momba ny anadahiko. Tsikaritro fa tsy hadalana akory izany! Avy tamin'ny Fanahy Masina izany mba hankahery sy hitarika ahy. Indray andro ny anadahiko dia hitsangana amin'ny maty tokoa. Ary tena hahita azy indray aho.

Raha maty ny olona iray tianao, dia tsy maninona ny malahelo azy. Miresaha amin'ny olona ao amin'ny fianakaviana na olon-dehibe iray rehefa vonona ianao. Resaho amin'ny Ray any An-danitra ny zavatra tsapanao. Afaka manampy anao hahatsapa fiadanana indray Izy.

Na inona na inona mitranga dia tsarovy fa tia anao i Jesoa Kristy. Mandritra ny Paska isika dia mahatsiaro ny sorona nataony ho antsika. Noho Izy dia hitsangana amin'ny maty avokoa isika rehetra ary afaka hiaina miaraka amin'ny fianakaviantsika mandrakizay isika. ●

SARY NATAON'I MELISSA MANWILL

## Karatra fankaherezana

Tapaho ireto karatra ireto. Azonao aforitra roa izany na ampiasaina ho fanamariham-pejy. Ataovy ao amin'ny soratra masinao izany na toerana hafa mba hojerena rehefa mahatsapa ho malahelo, manirery na matahotra.



"Tsy hamela anareo ho kamboty Aho; hankatỳ aminareo Aho."
Jaona 14:18

"Ary hofafany ny ranomaso rehetra amin'ny masony."
Apokalypsy 21:4





"Mahereza, ary aza matahotra, fa Izaho Tompo dia momba anareo, ka hijoro eo anilanareo"
Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 68:6

# Asehoy sy lazao

Oh, j'aime voir le temple.


**Rebecca C., 9 taona, Aragua, Venezuela**






Indray andro rehefa niditra tao anaty fiara aho dia tsy velona izany. Nojerenay ny maotera saingy tsy nisy na inona na inona. Nahatsapa aho fa tokony hivavaka, ka dia nanao izany. Minitra vitsy taty aoriana dia velona ilay fiara. Feno fankasitrahana aho fa afaka manampy ahy foana ny Ray any An-danitra.

**Brooklyn B., 9 taona, Quetzaltenango, Guatemala**



Roa taona lasa izay dia nisy ankizilahy vaovao iray niditra tao amin'ny kilasinay tany am-pianarana. Ratsy fanahy tamin'ny hafa izy. Nanomboka tsy tia azy ny rehetra ary lasa ratsy fanahy taminy. Ohatra ny hoe nampalahelo azy ilay izy dia tsy nanao ny zavatra nataon'ny hafa aho. Maro ireo namana nahita izany ka nanaraka ny ohatra nasehoko. Mino aho fa raha manao izay zavatra tian' Andriamanitra ataoko aho dia ho sambatra kokoa sy tsy ho azon-doza. Mino aho fa raha manana herim-po sy milaza izay ao an-tsaiko aho dia hahita namana izay ho tia ahy amin'ny maha-izaho ahy.



**Vestina K., 11 taona, Vilnius, Lituanie**




Tiako ny milalao baolina miaraka amin'ireo ankizy madinika sy mampianatra fahaiza-manao vavao azy ireo. Fomba iray tiako hanompoana izany.

**Sasha K., 11 taona, Moscou, Russie**



Ampiasao ireto sary ireto hamenoana ireo tabilao ao amin'ny pejy N12–N13.













NY FIANGONAN' I
JESOA KRISTY
HO AN' NY OLOMASIN' NY
ANDRO FARANY

# Ry ray aman-dreny malala

**Amin'ity volana ity** ny *Namana* dia ahitana tantara sy asa atao izay manampy ny fianakavianao hankalaza ny Paska. Manantena izahay fa hankafy ny fieritreretana momba ny Paska ny fianakavianao mandritra ny volana manontolo!

- "Fanomezana lehibe indrindra avy amin' Andriamanitra" (N2)—Hafatra momba ny Paska avy amin'ny Filoha Russell M. Nelson
- "I Jesoa no Mpamonjy ahy" (N3)—Fandokoana sary momba ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy sy ny fitsanganany tamin'ny maty
- "Ny tantaran'ny Paska" (N4–N6)—Tantara ao amin'ny soratra masina aseho an-tsary
- "Rehefa miverina any Aminy aho" (N7)—Hira vaovao mahafinaritra momba ny fibebahana
- "Mahatsapa tena ho vaovao" (N18)—Tantaran'ankizilahy iray avy any Estonie izay nianatra momba an'i Jesoa
- "Hahita azy indray aho" (N20)—Fijoroana ho vavolombelon-dRahavavy Reyna I. Aburto momba ny fitsanganana amin'ny maty

Ampahafantaro anay an-tsoratra azafady ny fomba nampiasan'ny fianakavianao ireo tantara sy zavatra atao ireo.

Manaova Paska mahafinaritra!

Ny *Namana*

**New *Friend***
**50 E. North Temple Street,**
**Room 2393**
**Salt Lake City, UT 84105 USA**
**liahona@ldschurch.org**



**Tadiavo ilay Liahona miafina ato!**

## VOTOATINY

**N2** Avy amin'ny Fiadidiana Voalohany: Fanomezana lehibe avy amin' Andriamanitra
**N4** Tantara ao amin'ny Soratra Masina: Ny tantaran'ny Paska
**N7** Hira: Raha toa miverina aho
**N8** Fahamarinan-toetra tsara
**N10** Apôstôly manerana izao tontolo izao: Nitsidika an'i Inde ny Loholona Bednar
**N12** Ireo mpaminanintsika sy apôstôlintsika
**N14** Ilay akanjo tsy hita
**N16** Maneho ny fiarahabana avy aty Estonie!
**N18** Mahatsapa tena ho vaovao
**N20** Mbola hahita azy indray aho
**N22** Asehoy dia lazao
**N23** Sarin'ireo mpaminany sy apôstôly

**EO AMIN'NY FONON'NY *NAMANA***
Sary nataon'i Patricia Castaleo

© 2019 BY INTELLECTUAL RESERVE, INC. ALL RIGHTS RESERVED

MALAGASY
4 02186 04654 2